


FANONTANIANA SY VALINY

 Ndao isika hanondrika ny lohantsika. Tompo Jesosy, misaotra Anao izahay izao maraina izao ny amin'ny fanararaotra ho tonga ao amin'Ny Fanatrehanao, sy ity fotoan'ny fiombonana ity, ary ny mipetraka eto ao amin'ireo toerandanitra ao amin'i Kristy Jesosy. Ankehitriny, Tompo, mivavaka izahay mba Hanohizanao miaraka aminay raha miresaka ny Aminao izahay. Enga anie ho feno fifaliana ny fonay raha mijery Ny Teninao sy ny Fampanantenanao anay izahay. Tahio ny pasiteranay, ireo mpiara-miasa aminay, ny rahalahy sy anabavy rehetra izay tonga eto hihaona aminay ary miangona ato amin'ity toerana kely izay natokanay ho toeram-pivoriana ho Anao ity. Ary mivavaka izahay mba Hitahianao anay amin'ny zavatra rehetra izay ataonay mandritra ny andro. Amin'ny Anaran'i Jesosy no angatahanay an'izany. Amena.

Afaka mipetraka. (Manana ny bokinao aho, Rahalahy...?..)

² Ity dia karazana fanamaivanana kely iray ho ahy kely fotsiny. Nanana an'ireo fotoana aho tato ambadika tato, fifampiresahana; tokony hanana an'ireo fifampiresahana aho na koa—na—na handray sy hamaly an'ireo fanontaniana. Saiky fahitana ny zavatra rehetra izay tonga izao maraina izao, ary izaho dia somary tsy maintsy fotsiny... Niteny tamin'i Billy aho hoe, raha tsy sahirana loatra Rahalahy Neville, dia ho raofiko ity andiana fanontaniana ity ary hivoaka eto, karazan'ny manamaivana kely ny saiko. Izany dia... karazan'ny manaketra ahy, karazan'ny... Izy ireo—ireo fahitana ireo dia... Saingy nampiana ny olona; izany no zava-dehibe. Ny zava-dehibe, dia nampiana izy ireo; izany no—izany ilay ampahany tsara. Ary noho izany, noho izany dia haka azy ireo aloha kokoa aho amin'io tolakandro io, mba ahafahako manomboka amin'io tolakandro io eo amin'ireo manokako, ireo fifampiresahana.

³ Ankehitriny, faly isika izao maraina izao mahita an'ireo sakaizantsika sy... Ankehitriny, ity... Aza hazonina hanohitra an'i Billy izany. Koa noho izany... Tokony hampandre ny olona izy raha hanohy hamaly an'ireto fanontaniana ireto aho. Nihevitra aho fa izany dia mety hanome ahy ny, angamba a—adiny iray na zavatra iray hamaliana fanontaniana. Ny sasany amin'ny... Tiako... Tsy tiako ny hiala; tiako ny mamafa ny solaitrako hadio. Hitanareo? Noho izany ireto fanontaniana sy ny sisa ireto, izaho—tiako fotsiny ny hilaza, izaho—izaho—vitako ity. Manana be loatra aho ao... ao an-tsaiko; manao ahy hikorontan-tsaina izany. Ary tsy te-hikorontan-tsaina amin'ny

inona na inona aho; izaho—hody any an-Trano any amin’ny Voninahitra aho indray andro any.

⁴ Nilaza tamiko ny sakaizako fahiny iray andro vitsy lasa izay, nanao hoe, “Tena reraka ny miaina ao anaty valizy iray aho.”

Hoy aho hoe, “Ry rahalahy malala, te-hanontany zavatra iray aminao aho. Te-hiteny zavatra iray aminao aho. Manin-te-hody aho. Efa roapolo taona aho no manin-te-hody, nefa tsy manana trano haleha aho.” Marina izany. Marina izany. Zavatra mahatsiravina ho lazaina izany. Afaka hipetraka aho ary hitomany handeha hody any an-trano any ho any. Tsy manana trano haleha aho. Na aiza na aiza alehako, dia tsy afaka mijanona any andro vitsivitsy aho; vonona ny handeha any an-kafa any ho any aho. Izaho fotsiny... Efa tahaka an’izany aho; izaho—teraka tahaka an’izany aho. Ny vadiko dia miantso ahy hoe “Rivotra Tsy Manam-pitsaharana.” Izaho fotsiny—eto sy etsy fotsiny aho. Ary toerana mahatsiravina iray hidirana izany, saingy heveriko fa tsy maintsy ho tahaka an’izany aho ho an’ny asam-panompoako. Fa maro aminareo no mankasitraka ny... Eny, mankasitraka ny manao zavatra ho an’Andriamanitra isika, saingy aza mihitsy... .

⁵ Ankehitriny, andian’olona ao an-trano fotsiny isika izao maraina izao. Hitanareo? Fa izaho dia—manin-te-hody aho. Te-hody any an-trano aho, nefa tsy fantatro izay haleha. Hoy ianareo hoe, “Ahoana ny fandehanana any Arizona, any ny fianakavianao?” Mety tsara aho mandritra ny roa na telo andro, ary tsy maintsy mandeha any an-kafa any ho any aho. Ary mandeha any aho, ary avy eo dia mety tsara aho any roa na telo andro, ary tsy maintsy mandeha any an-kafa any ho any aho. Noho izany dia tsy misy trano haleha fotsiny, ary manin-te-hody aho.

⁶ Eny, misy Trano iray. Izaho dia—handeha any amin’io anankiray io aho indray andro any, saingy tsy maintsy manampy anareo aho aloha. Hitanareo? Izany no maha-eto ahy, dia ny hanampy anareo. Ary mandra-pahatongan’izany fotoana izany, mandra-pahatonga ahy tsy afaka hanampy anareo intsony, amin’izay fotoana izay aho—te-hody any an-Trano aho. Te-hody any an-Trano marina tokoa aho amin’izay fotoana izay. Saingy misy Toerana iray any ho any izay tena tiako handehanana, tsy te-hiverina aho.

⁷ Handao an’i Jeffersonville aho; handeha mandritry ny herinandro vitsivitsy aho; te-hiverina indray aho. Mandeha mankany Arizona aho; mihevitra aho fa mahafinaritra izany; te-hiverina indray aho. Mandeha any an-kafa any ho any aho; te-hiverina indray aho. Ary mandeha eto aho, mandehana any, ary izaho...avy eo dia mieritreritra aho fa te-ho tonga eto aho. Tonga eto aho; andro vitsivitsy fotsiny aho no eto, ary mahita anareo rehetra; te-handeha any an-kafa any ho any aho.

Hitanareo, manana an'ireo zanako miparitaka manerana an'izao tontolo izao aho, ary izaho—izaho . . . ireo izay naterako ho an'i Kristy. Ary izaho . . . Noho izany dia tsy manana trano aho. Te-hanangona azy rehetra ireo aho indray andro any, hitanareo, raha sitraky ny Ray, ary amin'izay fotoana izay isika dia—hanana Trano iray isika izay tsy hahavoatery antsika hivezivezy intsony. Hitanareo? Sasatra mirenireny ary tsy misy toerana hijanonana.

⁸ Ary hanoro hevitra ny olona rehetra aho, aoka tsy ho vato iray mikodiadia mihitsy (hitanareo?), raha tsy hoe karazana asam-panompoana iray no miantso anareo ho tahaka an'izany, satria . . . izaho—ho nanome ny zavatra rehetra mihitsy aho, izao maraina izao, raha nanana toerana iray eto an-tany izay azoko handehanana sy hilazana hoe, “Ity no trano!” Izaho dia—izaho dia . . . Raha nanana an'izany aho, dia ho nanome iray tapitrisa dolara. Raha nanana toerana iray aho izay azoko hilazana hoe, “Ry tovolahy, tiako loatra mihitsy ity; tsy te-handao azy intsony aho,” izaho dia—ho nanome ny zavatra rehetra aho. Saingy izaho—tsy mety hitako izany.

⁹ Zavatra iray tahaka an'i Abrahama aho; mitady Tanàna iray aho. Hitanareo? Tsy mety hitako ilay izy, nefa fantatro fa eo izany. Saingy tsy afaka hizatra amin'ny toerana iray tokoa aho eto amin'ity tany ity. Ilay izy fotsiny dia toa tsy . . . Olona mahafinaritra, toerana mahafinaritra, ary mandeha eto ianareo, mando loatra ilay izy; mandehana etsy, maina loatra ilay izy; miakatra eto, mangatsiaka loatra ilay izy; midina etsy, ilay izy dia, mafana loatra. Hitanareo? Ary ianareo . . . Tsy misy toerana; tsy any an-Trano fotsiny ilay izy. Tsy te-handany ny fotoako hitomaniana eo an-tsorokareo aho, fa izaho dia . . .

Eny, misaotra ny Tompo isika. Amena! Aoka hisaotra amin'ny zavatra rehetra. Tahaka an'izany aho, satria tahaka an'izany aho. Andriamanitra no nanao ahy an'izay maha-izy ahy. Ary tsy afaka ny ho inona na inona afa-tsy izay Nanaovany ahy aho, malahelo, sy ireo karazan-javatra ireo. Miteny amiko izy ireo fa tsy maintsy ho tahaka an'izany fotsiny aho mba ho ilay fanampiana izay Nandefasany ahy ho eto. Ary te-ho izany karazan'olona izany aho. Raha tahaka an'izany no natao haha-izy ahy, dia izany no tiako haha-izy ahy. Na inona na inona sitrapon'ny Fanjakan'Andriamanitra, na ny sitrapon'Andriamanitra, dia izany no tiako haha-izy ahy.

¹⁰ Ankehitriny, ndao isika hivavaka indray. Tompo Jesosy, mipetraka eto anoloanay ireto fanontaniana ireto, Ray. Tsy afaka mamaly azy ireo aho, Tompo. Izaho—tsy ampy aho ho an'ireto fanontaniana ireto, saingy fantatro fa Ianao no ampy tanteraka, satria ao am-pon'ny olona izany. Ampiasao aho, Tompo, hanalefaka ny faneren'izy ireo, tsy Sitrakao ve, Ray? Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy no angatahako an'izany. Amena.

Ankehitriny, hanomboka isika eo...Ataoko fa tsy manao horonam-peo an'ity izy ireo, noho izany fotsiny ilay izy dia ny... Mety tsara izany, heveriko.

¹¹ Ankehitriny, ny zavatra anankiray izay...Ny antony mampanahy ahy mikasika an'ireo fanontaniana, dia misy zavatra anankiray mahafatifaty foana ao...zavatra manindrona, raha ny marina, izay manelingelina ahy foana: izany dia ny mamaly ny fanontaniana mikasika ny fanambadiana sy ny fisaraham-panambadiana. Oh oadray, ireo antso an-telefona, ireo taratasy, ary nandrakotra ny tenany tao anaty bodofotsy iray ny rahalahy anankiray ka nipetraka teo an-davarangako nanomboka tamin'ny roa ambin'ny folo ora hatramin'ny misandratr'andro ny ampitso maraina. Miantso hatraiza hatraiza ireo mpitoriteny, nanambady indroa na intelo sy ny rehetra. Ireo asam-panompoana...Te-hangataka zavatra iray aminareo aho. Mbola manana maro amin'izy ireo aho ato, fantatro. Tsy nijery azy ireo hatramin'ny farany aho, fa mbola misy maro amin'izy ireo ato.

¹² Tsarovy fotsiny ity! Ho anareo olona efa manambady, sy nisara-panambadiana, ary nanambady indray, ampanantenao zavatra anankiray aho. Hitanareo? Nametraka ny fahatokianareo tamiko ianareo. (Izaho—ataoko fa tsy atao horonam-peo ity. Izaho tsy...) Ianareo—ianareo—ianareo dia...Mino ahy ho mpaminaninareo izay nirahin'Andriamanitra ianareo, mpanomponareo, noho izany dia raiso ny teniko ho an'izany, sitrakareo ve? Manohiza miaina tahaka ny maha-izy anareo fotsiny. Aza manandrana zavatra hafa tahaka an'izany ianareo, fa miainà, mandrosoa fotsiny, miainà sambatra fotsiny. Manana ianareo...Voavonjy ianareo. Raha Kristiana ianareo, dia mandrosoa miaina ho an'i Kristy; nanana antony iray hamonjena anareo Izy.

¹³ Ankehitriny, rehefa miverina aho, raha sitraky ny Tompo, dia hanazava an'izany aminareo ao amin'ny Baiboly. Hitanareo? Ary aza sorena. Lehilahy maro no niteny tamiko, nanao hoe, “Eny, tiako ny vadiko, saingy izaho dia...Tsy maintsy handao azy fotsiny aho; izaho—tsy te-ho diso ny Fampakarana aho.” Aza manao an'izany ianareo! Mijanona fotsiny tahaka an'izay maha-izy anareo mandra-pandrenesanareo avy amiko indray (hitanareo?) mikasika an'ity lohahevitra ity. Amin'izay fotoana izay aho rehefa...Tsy afaka hanazava an'izany ao anatin'ny folo na dimy ambin'ny folo minitra aho; hila fotoana kely izany hanazavana azy, satria tsy maintsy ho ny Soratra izany. Tsy maintsy ho HOY NY TOMPO HOE izany. Raha tsy izany, dia tsy marina ilay izy.

¹⁴ Fantatro ireto fanontaniana izay nolazain'i Jesosy eto ireto hoe, “Raha mandroaka ny vadiny ny lehilahy iray ka manambady iray hafa afa-tsy nohon'ny fijangajangana dia mijangajanga, na iza na iza manambady azy izay voaroaka, dia miaina ao

anatin'ny fijangajangana": Ireo zavatra ireo, dia nanana antony nilazana an'izany Izy. Andriamanitra Izy; izany No Teniny.

¹⁵ Ankehitriny, ndao isika hiverina any amin'ny voalohany ka hahita ny dikan'izany rehetra izany, hitanareo, avy eo dia vahavahantsika izany. Fa mandra-panaontsika an'izany, dia manohiza fotsiny arak'izay maha-izy anareo ankehitriny, tahaka ny nataonareo isan'andro fotsiny, raha Kristiana ianareo. Raha mpivady Kristiana ianareo, ary manambady, ary manan-janaka, sy ireo zavatra tahaka an'izany, fatorana kely izay mamatotra anareo, dia aza ilaozana ny vadinareo vavy na ny vadinareo lahy ankehitriny. Aza manao an'izany. Hitanareo? Andraso mandra-pandrenesanareo ahy indray mikasika an'ilay lohahevitra. Hampanantena ahy an'izany ve ianareo? Atsanganano ny tananareo! Ankehitriny, natoky ahy ianareo mba hino ahy. Ankehitriny, ianareo—mino ahy ianareo hatreto; ankehitriny, minoa ahy lavidavitra kely fotsiny mikasika an'ilay lohahevitra.

Ankehitriny—ankehitriny, ndao jerentsika, manana an'ireo tena tsara aho eto izao maraina izao, ny sasany . . .

325. Tsy maintsy mipetraka ao anatin'ny dimanjato sy arivo maily avy eo amin'ny tabernakla ve ny rehetra izay miditra ao amin'ny Ampakarina (Mino aho fa nanana an'izany indray aho tamin'ny Alahady lasa. Tsy maintsy haka azy ireo fotsiny aho ary mampiasa azy ireo arak'izay vitako.) — **dimanjato sy arivo maily avy eo amin'ny tabernakla, tahaka ny toa ivoahany ao amin'ny horonam-peo nomerao roa an'ny "Fonenana ho Avy an'ny Ampakarina"?** **Nieritreritra foana aho fa hivoaka avy any amin'ny ampahany rehetra an'izao tontolo izao ny Ampakarina amin'ny fotoan'ny Fampakarana. Diso ve aho?**

¹⁶ Tsia, ry sakaizako malala, tsy diso ianao, marina ny ianao. Ankehitriny, raha nilaza zavatra aho tao ambanin'ilay horonam-peo izay hitarika anareo hino . . .

Ankehitriny, izaho tsy . . . Vaovao amiko ireto rehetra ireto ankehitriny, tsy mbola nijery mihitsy aho tato—tato amin'ireto eto ireto. Hitanareo? Misy andiany vaovao izay azoko tamin'ny Alahady hafa, ary namerina azy ireo tao anatin'ity valopy ity, ary nametraka azy ireo tao indray.

¹⁷ Ankehitriny, amin'ity . . . Tsia, tsy voatery ho any amin'ny toerana anankiray ny Ampakarina. Maro amin'izy ireo no ho ao amin'ny vovoky ny tany. Hanerana ny tany izy ireo; hivaingana izy ireo ao anatin'ny—ny oram-panala any avaratra, sy—sy vovoky ny aty ala mafana, ary—ary manerana an'izao tontolo izao. Fa rehefa hotsofina ny Trompetran'Andriamanitra, dia hitsangana ny maty ao amin'i Kristy, hifoaha, ka hivoaka avy ao amin'ny vovoky ny tany, tsy mampaninona izay misy azy ireo. Ary ankehitriny, ao amin'ity, ny fitsanganana dia ho manerantany iray. Hitanareo? Na aiza na aiza ny olombelona rehetra eto

amin'ny tavan'ny tany izay ao amin'i Kristy dia hivoaka miaraka Aminy rehefa tonga Izy (hitanareo?), tsy mampaninona izay misy anareo.

¹⁸ Eritrereto fotsiny ilay kianja tamin'ny andron'ireo maritiora voalohany, rehefa natsipy tao an-davaky ny liona ireo Kristiana ireo, ary ireo liona ireo dia namono an'ireo Kristiana ka nihinana ny vatan'izy ireo. Hitanareo? Kanefa dia niparitaka izy ireo, ny vatan'izy ireo dia tao anatin'ny dikin'ny liona nanerana ny tavan'ny tany. Tsy mampaninona izay misy azy, ianareo tsy afaka. . . Hitanareo, ianareo dia vita avy tamin'ny zavatra iray izay tsy hita maso lasa nivaingana, ary Andriamanitra dia—dia hamerina an'io—zavatra io. Hitanareo?

¹⁹ Ankehitriny, tahaka anareo maka se—sela iray. Vahavahanareo izany avy amin'ny sela iray, ary avy eo izany dia lasa se—sela iray ao amin'ny sela iray, ary mankao amin'ny atoma iray, ary molekiola iray, ary manohy midina tahaka an'izany; ary farany dia miafara amin'ilay tsy hita maso. Avy amin'ny ara-boajanahary iray izany, zavatra azonareo ametrahana ny tãnanareo, mankany amin'ireo entona; avy amin'ireo entona mankao amin'ireo asidra—ireo asidra mankao amin'ireo entona, ary ireo entona, mitohy miverina tahaka an'izany, mandra-pifaran'ny rehetra ao amin'ny zavatra kely anankiray amin'ny farany, ary ny fanahy izany. Ary io fanahy io izay nameno an'ireo entona ireo. . . Mety tsy ho ireo entona iray ihany ilay izy, saingy ny endri-javatra an'izay maha-izy anareo dia ho izay maha-izy anareo marina tokoa indray. Hitanareo? Ny fanahy no nifehy an'izany.

²⁰ Ary ankehitriny, amin'ny teny hafa, rehefa lasa lehilahy tanora iray na vehivavy tanora iray ianareo, ary tahaka an'izany, dia maka ny sarinareo Andriamanitra. . . Ankehitriny, tsy mampaninona na antitra sy mikentrona toy ny ahoana, simba tarehy toy ny ahoana, na ho inona ilay izy, dia hiverina avy hatrany izany. Ary mety ho potika io vatana io, ho simba tarehy, may, lanin'ny liona, na inona izany, fa vita avy amin'ny entona izany, singa enina ambin'ny folo avy amin'ny tany. Izany dia kalsioma, sy potasy, sy solika, ary hazavana kosmika, sy ny sisa, dia miara-mandeha ny rehetra mba hanao an'ilay vatana. Ankehitriny, tsy mampaninona, izany dia. . . Feno an'izany ny tany manontolo.

²¹ Fa ankehitriny, io sary io no tena zava-dehibe. Avy eo amin'ny fitsanganana, ireo entona, ary ireo asidra, sy ny sisa dia miverina amin'ny toerana ary mamoaka an'io sary io indray. Ankehitriny, io sary io dia tsy nalaina fony ianareo enina ambin'ny folo, na valo ambin'ny folo, na roapolo taona tamin'ny tsara indrindranareo. Oviana izany no nalaina? Talohan'ny nisian'ny fanorenana iray an'izao tontolo izao, dia napetraka tao amin'ny firaketana lehibe an'Andriamanitra izany. Ary avy eo, ny zavatra tokana nataon'izany dia nampiseho ny tenany teto

mba hanaovanareo ny safidinareo. Hitanareo? Avy eo dia lasa mpanompon'Andriamanitra iray ianareo. Izy izay mahafantatra mialoha an'izany, no manao Azy ho Mpanavotra iray, araka ny efa nandalovantsika an'izany.

²² Noho izany io sary io dia tanteraka tokoa . . . Ity no negatifa. Ilay ampahany negatifa an'ny fiainana dia izay iainanareo ankehitriny. Ary ny zavatra rehetra, raha misy ny negatifa iray, dia tsy maintsy misy pozitifa iray eo alohan'ny ahafahan'ny negatifa iray hisy. Noho izany, raha negatifa iray izany, dia tsy maintsy misy pozitifa iray any ho any. Ary tsy izany ilay tena zavatra; aloka mialoha iray an'ilay tena zavatra ho avy fotsiny izany. Azonareo ve ilay izy ankehitriny?

²³ Noho izany, tsy ahoako izay hataon'izy ireo aminareo; tsy afaka hamotika an'io sary io izy ireo, ilay sary ao amin'ny fitehirizan-tsary lehibe an'Andriamanitra any ambony. Tsy afaka mamotika an'izany izy ireo, any An-danitra izany. Afaka mandoro an'izany ianareo, mamahana an'izany ho an'ireo liona, manao an'izany amin'ny fomba rehetra izay tianareo hatao; hivoaka indray izany azo antoka mihitsy tahaka ny hoe roa ampitomboana roa dia efatra. Azo antoka mihitsy tahaka ny nitenenan'Andriamanitra azy, hivoaka izany. Noho izany, tsy mampaninona izay misy anareo . . .

²⁴ Ankehitriny, raha izaho . . . Heveriko fa raha handefa an'ilay horonam-peo ianareo . . . (Tsy fantatro hoe iza no nanoratra azy; tsy misy anarana voasonia, silan-taratasy kely iray misy ranomainty manga fotsiny, nosoratana avy tamin'ny kahie kely iray. Toy ny hoe norovitina avy tamin'ny kely—ny—kahie kely iray ilay izy.) Fa tsarovy, eo amin'ity, ao—ao amin'ity fanontaniana ity ankehitriny, ao amin'ilay horonam-peo, raha hahamarika ianareo, dia izao no nolazaiko, zavatra eo amin'ity (mety tsy ho teny amin'ny teny ankehitriny, raha mampitaha an'io horonam-peo io amin'ilay anankiray hafa ianareo): hoy aho hoe, “Ohatra, eto isika izao maraina izao. Io Tanàna izay irintsika ho hita io dia ho any amin'ny dimanjato sy arivo mailly tora-droa any.” Hoy aho hoe, “Izany dia hivelatra manomboka any Maine ka hatrany Florida, ary avy eo amin'ny Eastern Seaboard ka hatrany amin'ny valonjato mailly andrefan'ny Mississippi River, dimanjato sy arivo mailly tora-droa.” Hoy aho hoe, “Eritrere to izany, eto mihitsy izao maraina izao, misy olona mipetraka eto mihitsy izay—izay avy any amin'izany halavirana betsaka izany tokoa, avy any amin'ny dimanjato sy arivo mailly tora-droa, mipetraka eto.” Ankehitriny, tsy fantatro izay hipetrahan'ny Tempoly eto ambonin'ny tany, fa manana hevitra iray aho fa ny Tempoly dia hipetraka saiky eo amin'izay misy an'i Palestina ankehitriny mihitsy. Ho eo an-tampon'ilay tendrombohitra any mihitsy angamba Izany. Hivelatra Izany. Mazava ho azy, tsy hisy ranomasina intsony amin'izany fotoana izany. Hitanareo, ity tany dia dimy arivo sy roa alina

mailly manodidina an'izany, nefa tsy dia tena zava-dehibe loatra amin'izany ny dimanjato sy arivo mailly. Fa io Tanàna lehibe io dia hipetraka eo amin'io tendrombohitra dimanjato sy arivo mailly tora-droa io.

²⁵ Ankehitriny, ny antony inoako an'izany dia noho ireo faminiana sy ny sisa mikasika ny Tendrombohitra Ziona any Jerosalema sy ireo tanàna ireo. Ary teo no nitadiavan'i Abrahamana mpaminany an'io Tanàna io, ary Andriamanitra no Mpanorina sy Mpanao azy. Nitady an'io Tanàna io teo amin'io tany io izy. Mino aho fa ho eo amin'izay misy an'io firenena io izany.

²⁶ Io firenena io, zara ianareo raha afaka mahita azy eo amin'ny sarintany. Teboka kely iray izy. Ary jereo ny firenena izay i Rosia, sy Etazonia, Amerika Atsimo, ary ireo toerana rehetra ireo. . . Nahoana Andriamanitra no be zotom-po tamin'io toerana io (hitanareo?), tamin'io toerana anankiray io? Izany ilay fanontaniana. Tsy afaka manaporofa an'izany aho, fa toa tahaka an'izany fotsiny ilay izy amiko. Fa na aiza na aiza izany, dia mankany amin'izany lalana izany isika, noho izany dia derao ny Tompo ny amin'izany.

²⁷ Ankehitriny, raha manana fiheverana ianao fa izaho—fa nilaza aho hoe ilay izy dia ho ao. . . manodidina ny dimanjato sy arivo mailly avy eo amin'ny tabernakla, dia fiheverana diso iray izany (hitanao?), satria tsy ho izany ilay izy. Ity tabernakla ity dia. . . Ity dia toerana kely iray izay ho ravàna. Ary—ary hodorana izao tontolo izao, ary ho levona miaraka aminy ity rehetra ity. Ary ity Indiana ity, sy Etazonia, ary ny zavatra rehetra dia hiempo fotsiny ary hitsonika any fotsiny tsy misy afa-tsy ranom-bolokano. Hitanareo? Ny fahotana rehetra, ny aretina rehetra, ny tsimoka rehetra, ny zavatra hafa rehetra dia ho levona. “Ary nahita Lanitra Vaovao sy Tany Vaovao aho, satria ilay voalohany. . .”

²⁸ Eritretero! Enina arivo taona no nanorenan'Andriamanitra an'izao tontolo izao, nampitambatra azy, nanamboatra azy. Ahoana no Nanaovany an'izany? Hoy ny Baiboly, “Avy tamin'ny zavatra izay tsy hita no Nanaovany an'izany”; izany hoe, Izy no namorona ny tany. Mariho ankehitriny; mahafinaritra ity. Ilay tena Mpamorona izay namorona ny tany ho an'ny tanjona iray mihitsy (Satana no nandoto azy), nidina Izy mba hanavotra an'izay tavela teto. Ary efa nandeha tany an-kafa tany ho any Izy ary mbola eo amin'ny Raharahany mamorona.

²⁹ Ankehitriny, dia nila enina arivo taona izany ho Azy hanaovana ny—ny tany, ary haka roa andro Izy hamoronana an'ilay Tanàna izay ho tonga eto ambonin'ny tany. Izy dia. . . “Ao an-Tranon'Ny Raiko misy fitoerana maro: raha tsy izany, dia efa niteny taminareo Aho. Handeha hamboatra toerana ho anareo Aho (hanorina Tanàna iray avy amin'ny volamena mangarahara,

ny làlambe avy amin'ny volamena).” Toerana iray tsara tarehy toy ny inona.

Aiza no Hahitany an'izany? Misy fitaovana ve any amin'ireo tany hafa, na ny volana, sy ny kintana, sy ny sisa? Tsy voatery hanana an'izany Izy, Mpamorona iray Izy. Nandeha hanorina an'ilay Tanàna Izy. Amena! Ampy tsara izany ho ahy, tsy izany ve ilay izy ho anareo? Tsara izany. Satria raha nanorina an'ity anankiray ity Izy, ka ankafiziko ity anankiray ity, dia ho inona izany rehefa manangana an'io anankiray vaovao io Izy? Oh oadray, zavatra iray mahafinaritra izany. Ary noho izany dia faly aho fa an-dàlana mankany amin'io Tanàna io isika. Eny àry.

326. Ranadahy Branham, tiako ny Tompo, fa tamin'ny taona lasa aho dia—natrika olana iray aho. Toy ny hoe saiky tany ivelan'ny saiko aho indrindray. Inona izany? Mivavaha ho ahy sy ny vadiko azafady.

³⁰ Eny, raha tsy misy... Raha tao amin'ny fifampiresahana manokana ity olona ity, tahaka ny olona efa tao aninkeo maraina, dia ho efa voambara hoe inona ilay izy, na inona ilay izy. Hitanareo? Ho nambaran'ny Tompo hoe inona ilay izy. Fa ankehitriny, satria tsy fantatro hoe iza ianao, ary tsy mipetraka eto ianao; izao fotsiny no voalaza hoe, “Anabavy iray ao amin'i Kristy.”

³¹ Ankehitriny, ankehitriny, raha izany... raha misy zavatra tsy mety nataonao, izay nanelingelina anao, dia amarino ao amin'ny Baiboly izany ary jereo izay tokony hataonao. Fa raha tsy nanao na inona na inona ianao ary tsy voaheloka amin'ny inona na inona, dia ireo fahasahiranana-tsainao angamba izany. Hitanao? Mety ho zavatra maro izay nitranga izany: angamba olana sasany teo amin'ny fiainanao tany aoriana. Angamba izany dia—dia vehivavy iray mety ao amin'ny fotoan'ny fitsaha-jaza. Amin'izany no tsy mety ny zavatra rehetra aminy, ary tsy misy na inona na inona tsy mety aminy, kanefa ny zavatra rehetra dia tsy mety aminy. Ary tsy mody manafo fotsiny izy, fa mahatsapa an'izany marina tokoa izy; tena misy mihitsy izany. Ny olona rehetra izay mikorontan-tsaina dia tahaka an'izany. Ary aza tsy mifanaraka mihitsy.

³² Ary ianareo vady lahy amin'ny vadinareo vavy, rehefa ao anatin'io fotoan'ny fiainana io izy ireo, raha mba ianareo... raha mba mamin'ny fonareo izy, dia aoka izy ho izany mihitsy amin'izay fotoana izay, satria mila anareo izy. Mila ny fanampianareo marina tokoa izy; mila olona iray hanampy azy izy, sy hahazo azy. Miresaha aminy, raiso eo an-tsandrinareo izy toy—toy—toy ny hoe mamin'ny fonareo izy, ary tokony ho izany izy. Ary—ary aoka hahazo azy, satria mandalo fotoana iray izay iovan'ny toe-batany manontolo izy, ary tsy maintsy tsara aminy ianareo amin'io fotoana io.

³³ Heveriko fa izany no antony nanaovan’Atoa. Rockefeller fahadisoana mahafaty iray. Tian’ny firenena izy, angamba ho filohantsika manaraka. Saingy rehefa nandray ny fitsaha-jaza ny vadiny, ary niditra tao amin’ny fitsaha-jaza, dia nandao azy izy ka nanambady ny mpitan-tsorany, dia hitanareo ve izay nitranga? Izany no maneho fa mbola misy Amerikana tena misaina tsara.

Ankehitriny, tiako Atoa. Goldwater, heveriko, na—na, Atoa. Rockefeller, izy dia ny...Tiako koa Atoa. Goldwater; tiako ny olona rehetra. Fa izaho—tsy tiako ny...Ny sasany aminareo—ny sasany amin’ireo rahalahiko Repoblikana mipetraka any mandre ahy milaza an’izany, izaho...

³⁴ Mariho, fa tsy politisiana iray aho, izaho—te-ho Kristiana iray aho. Hitanareo? Ary tsy toerana iray ho an’ny politika ity. Hitanareo? Vita ilay zavatra manontolo na ahoana na ahoana, tahaka an’izany, fa ity izay resahantsika ity dia Mandrakizay. Demokrata na Repoblikana...Oh, tena loto iray izany; tsa azo avotana mihitsy izany. Tapitra izany, noho izany dia aza miady hevitra mikasika an’izany. Ny zavatra tokony hatao dia ny miaina ho an’ity Fanjakana ity. “Fa tsy manana tanàna maharitra eto isika, fa mitady Anankiray izay ho avy.” Amena! Marina izany. Eny, tompoko!

³⁵ Noho izany ny politika dia lafiny iray amin’ny fefy, fa izaho dia eo amin’ilay hafa. Hoy aho hoe, “Izaho—efa nandatsabato aho indray mandeha; ho an’i Kristy izany; azo antoka fa handresy aho.” Marina izany. Hitanareo? Manana latsabato iray ho avy ianareo. Hitanareo? Andriamanitra nandatsabato ho anareo, ary ny devoly nandatsa-bato nanohitra anareo. Ankehitriny, ny fomba nandatsahanareo ny vatonareo no hivoahanareo.

³⁶ Noho izany ankehitriny, mino aho fa ity olona ity fotsiny dia...Hihevitra aho fa mikorontan-tsaina fotsiny izy. Raha tsy misy na inona na inona manameloka anao, dia manohiza avy hatrany ary manaova fotsiny hoe, “Mialà amiko, Satana!” Mandrosoa avy hatrany fotsiny. Raiso ilay faharisihana ka miainà ho an’Andriamanitra.

327. Ankehitriny. Mba misy fepetra iray ve izay amelàna hanambady indray aorian’ny fisaraham-panambadiana, araka ny (Ankehitriny, hojereko raha ity no...Heveriko fa misy fanontaniana roa na telo mikasika an’ity.)—araka ny Soratra? Raha izaho no tsy—raha tena mijanona tsy manambady aho tamin’ny talo...hatramin’ny fotoana tany aloha, izany...misy antony ara-pisaraham-panambadiana ve izay mamela anao hanambady indray mihitsy aza? Izaho dia ho—izaho dia ho (h-i-v-...) ny...hividy an’ilay horonam-peo (Hia!) hahazoana an’io valiny

io. Misaotra anao betsaka. Hiandry an'izany aho amin'ny Alahady.

³⁷ Eny ankehitriny, efa nolazaiko ity, hitanareo. Aza—aza... Izaho—izaho...Mamelà ahy hamela an'izany hipetraka tsara (hitanareo?) mandra-pahatongantsika eo amin'ny toerana iray izay ankehitriny...izay isika...hanitsiantsika an'izany rehetra izany. Ary ankehitriny, tsarovy fotsiny, raha sitrak'Andriamanitra izany, vantany vao miverina indray aho. Amin'ny fotoana manaraka ahatongavako, raha sitraky ny Tompo, dia hitory momba an'izany lohahevitra izany aho. Hitanareo? Ary ankehitriny...Ary amin'izay fotoana izay, dia hataonay horonam-peo izany na ahoana na ahoana. Ary raha—raha mandratra izany, dia mandratra; raha manazava izany, dia manazava. Fa mahereza fotsiny ianareo. Hitanareo?

328. Rahalahy Branham malala, azo atao ve ny ahazoan'ny olona iray ny batisan'ny Fanahy Masina nefa tsy manana an'ireo famantarana manaraka, fa—farafahakeliny tsy alohan'ny...fotoana iray ho avy sy fepetra voatendren'ny Fanahy?

³⁸ Ankehitriny, mety ho tahaka ny fanontaniana mifangaro izany, saingy anankiray tsara izany, tena tsara. Hitanareo? Ankehitriny, eto izany dia manome ahy anjara kely, izay ahitako fa izany dia miasa amin'ny—ny fianakaviako eto ankehitriny (hitanareo?), ny tiako lazaina dia ianareo, ny fianakaviako, ary ny fianakaviana any amin'izao tontolo izao izay isika...izay andehanan'ireo horonam-peontsika.

³⁹ Ankehitriny, ny ampahany lehibe amin'ny fiangonako dia vita avy amin'ny olona Pentekotista, ary satria ny Pentekosta no hafatra farany indrindra izay ananantsika ao amin'ny laharana ara-anaram-piangonana. Ary amiko, mifanaraka tokoa amin'izy ireo aho mihoatra noho ny fiangonana ara-anaram-piangonana hafa rehetra. Mirona mankany amin'ny Pentekotista aho, satria izany no...ilay hafatra farany. Ary ireo rehetra ahy niova fo izay entiko ho amin'i Kristy, dia miezaka aho ny mitarika azy ireo mankany amin'ny fiangonana Pentekotista iray. Saingy nanameloka azy ireo tamin'ny fomba rehetra izay fantatro hoe ahoana aho, hoe diso izy ireo tao amin'ny Soratra tamin'ny maha-anaram-piangonana iray ary tsy te-handeha ao amin'ny Hazavana rehefa natolotra azy ireo ny Hazavana. Kanefa, raha tsy maintsy hanao ny safidiko aho androany mba haka fiangonana iray eto amin'izao tontolo izao, dia ho naka ny Pentekotista aho rehefa tonga eo amin'ny anaram-piangonana ilay izy. Fa rehefa tonga eo amin'ny hoe isam-batan'olona ilay izy, amin'ny maha-lehilahy sy vehivavy azy, dia misy Kristiana tena izy ao anatin'ireo anaram-piangonana rehetra ireo: Metodista, Batista, Presbyterana, Loterana, sy ny sisa. Fa miresaka mikasika an'ireo rafitra izay misy an'ireo olona ireo aho, tsy ilay isam-batan'olona mihitsy, fa ilay rafitra

izay nahatratra an'ireo olona ireo tao anatin'ny anaram-piangonan'izy ireo. Mahazo an'izany mazava tsara izy ireo ankehitriny (hitanareo?), hoe izaho—izaho dia mieritreritra ny olona... Raha Katolika Romana izy ireo, Vavolombelon'i Jehovah, Jiosy Ortodoksa, na inona na inona izy ireo, tsy mampaninona ahy izany; fa izy ireo dia isam-batan'olona izay nahafatesan'i Kristy mba hovonjena.

⁴⁰ Ary ankehitriny, izaho... Ary ny mifanaraka amin'ny rafitr'izy ireo izay misy azy ireo... Mino aho fa misy Kristiana maro mihitsy ao amin'ny Batista, tahaka ny misy ao amin'ny Metodista, na ny Presbyterana, na inona koa. Kristiana izy ireo, tena mpino. Ary avy ao amin'ny fiangonana Katolika Romana mihitsy dia misy olona tena izy ao anatin'ny ao izay tena lehilahy sy vehivavy tia ny Tompo. Ary tsy mikambana amin'io fiangonana io izy ireo mba ho diso, mikambana amin'izany izy ireo mba ho marina. Fa ilay izy dia rafitra iray ao anatin'ny ao no mitarika ny sain'izy ireo any amin'ilay lâlana diso. Ary raha mba tonga eo amin'ny fotoana iray izay hanaovako anaram-piangonana iray aho, dia namitaka anareo aho ary nitondra anareo nankao amin'ny rafitra iray; ho lavitra ahy anie izany. Ary enga anie Andriamanitra hitahiry ahy ao amin'ny saiko tsara mba hitarihana anareo mankany amin'i Jesosy Kristy, ny Teny. Mijanona amin'Izany. Hitanareo?

⁴¹ Fa ankehitriny, ity olona eto ity dia mametraka an'ilay fanontaniana mikasika ny hoe azo atao ve ny manana ny batisan'ny Fanahy Masina nefa tsy misy famantarana manaraka azy ireo. Ankehitriny, izany dia ho... Raha nateraka indray ianao, ianao dia... Raha nateraka voalohany ianao amin'ny maha-olombelona iray ary olombelona iray ara-dalàna... Ankehitriny, mamaly an'ity aho amin'ny—ao amin'ny—tena fomban-jatovo iray hanaovana azy. Fa raha teraka ho olombelona ara-dalàna iray ianao, dia hanao tokoa an'ireo zavatra izay hataon'ny olombelona ara-dalàna iray. Marina ve izany?

⁴² Rehefa teraka ho olombelona iray ianao, dia hanaraka anao ireo toetra ara-boajanaharin'ny olombelona iray. Tsy hipetraka ao anaty hazo iray ianao, ary hanandrana hanidina amin'ny elatrao tahaka ny vorona iray, na—na—na zavatra tahaka an'izany. Izany tsy—tsy ho olombelona ara-dalàna iray izany, ireo fihetsika ara-dalàna an'ny olombelona iray. Ny fihetsika ara-dalàna an'ny olombelona iray dia ho ny miasa, manana... manambady, manana fianakaviana, ary manao an'ireo zavatra ireo. Ara-boajanahary izany, olombelona ara-dalàna, satria teraka ho izany ianao. Amin'izay fotoana izay rehefa teraka Kristiana iray ianao, nateraky ny Fanahin'Andriamanitra, dia mandray ara-boajanahary an'ireo toetran'i Kristy. Hitanao?

⁴³ Ankehitriny, raha noraisintsika izao maraina izao ato amin'ity fiangonana izay ipetrahanareo olona eto ity ary

mihaino isan'andro isan'andro sy ny sisa ny fampianarana, dia ho hitanareo fa samihafa ianareo, satria ianareo—samihafa ianareo. Ianareo dia—natao samihafa ianareo; ny—samihafa ny fahazotoan-komanareo; ianareo—samihafa ny fihinanareo; nefa mihinana sakafo ianareo rehetra. Fa ankehitriny, avy amin'ny fotsiny... Amin'ny vatana isam-batan'olona iray mitovy amin'ilay iray hafa fotsiny, dia anankiray samihafa amin'ilay iray hafa ianareo. Manao an'ilay zavatra iray ihany ny Kristiana. Tsy afaka milaza ianareo hoe, “Ankehitriny ny rehetra...” Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ve ny rehetra, maminany ve ny rehetra, ny rehetra ve manao...? Hitanareo?

⁴⁴ Tsy maintsy mitandrana an'ireo zavatra ireo ianareo, satria ny Kristiana iray dia mandray an'ireo—an'ireo fahazaran'ny Kristiana iray; ary miaina tahaka ny Kristiana iray izy ireo. Hoy Jesosy hoe, “Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino.” Mariho: “Handroaka devoly amin'Ny Anarako izy ireo; handray menarana izy ireo na...hisotro zava-mahafaty; ary hiteny amin'ny fiteny vaovao izy ireo.” Ary—ary ireo zavatra ireo dia manaraka ny Kristiana tokoa.

⁴⁵ Ankehitriny, manana zavatra iray tena tsara ilay olona eto: “. . . sa hiandry ny fotoana ho avy isika na ireo fepetra voatendrin'ny Fanahy Masina?” Tiako izany. Hitanareo? Azonareo ve ilay hevitra ankehitriny? Rehefa voatendrin'ny Fanahy Masina izany! Andriamanitra no manendry an'ireo zavatra.

Ary eo, mieritreritra aho raha hanandrana ireo olona Pentekotista (izay mihaino an'ity horonam-peo ity), hahazo ahy ianareo raha ho tonga eto ianareo hoe nahoana aho no samihafa aminareo izay mifikitra amin'io hevitra io hoe tsy maintsy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra izy rehetra. Izaho—tsy afaka mahita an'izany ho marina aho, satria izany dia ho...Tia tarta serizy aho, saingy tsy ilaina, ary olombelona aho, saingy tsy ilaiko ny miezaka miteny aminareo hoe, “Raha tsy mihinana tarta serizy ianareo, dia tsy olombelona iray.” Hitanareo? Fa ny fihinanana tarta serizy dia anankiray amin'ireo fahazaran'olombelona iray fotsiny. Hitanareo? Mety tsy mifanaraka amiko ianareo eo amin'izany, saingy—saingy izany—marina izany. Ankehitriny, ny anankiray hihinana an'ity, ary ny anankiray hihinana zavatra hafa.

⁴⁶ Ankehitriny, ny Fanahy Masina no manendry an'ireo asa ireo, fa rehefa miezaka manery ny tenanareo ao anatin'izany ianareo...Raha nilaza aho fa tokony nihinana tarta serizy ianareo, dia ahoana moa raha nanao anareo handò ny tarta serizy? Kanefa, handò ianareo ary hiezaka hihinana tarta serizy ka handò, ary...?...Hitanareo? Ianareo dia—ianareo dia—mandratra ny tenanareo ianareo, ary tahaka an'izany no ezahanareo atao rehefa miezaka manery ny tenanareo hanao zavatra mifanohitra amin'ny Fanahy ianareo. Izy no nitsinjara

ny fiainanareo ho an'ny zavatra anankiray. Azonareo ve izany? Hitanareo?

⁴⁷ Ary ianareo, rehefa feno ny Fanahy ianareo, dia ity no iray amin'ireo famantarana tsara indrindra izay fantatro: tena latsa-pitia amin'i Kristy ianareo ary mino ny Teny tsirairay izay Lazainy ho ny Fahamarinana. Hitanareo? Izany no porofo fa manana ny Fanahy Masina ianareo. Ary feno fifaliana ny fiainanareo, ary—ary oh oadray, samihafa ny zavatra rehetra (hitanareo?) noho izy taloha. Izany no Fanahy Masina.

⁴⁸ Ankehitriny, ireo fanomezam-pahasoavana ireo dia ao amin'ny Fanahy Masina. Ankehitriny, raha ity fiangonana ity izao maraina izao, ity...fiangonana iray milamina mahafinaritra fotsiny feno ny...(Ireo efitra fanampiny, mazava ho azy, dia feno.) Fa ao amin'ny...Ny fotsiny... (Tsy nilaza fa hamaly an'ireto fanontaniana ireto izahay, fa tonga fotsiny ireto olona ireto.) Mariho, raha ny olona tsirairay ato no nirindra tanteraka tamin'ny Fanahy Masina, feno ny Fanahy Masina sy nirindra tamin'ny Fanahy Masina ny tsirairay avy aminareo, dia hitombo fotsiny ireo famantarana ireo eo anivonareo isan'andro (hitanareo?); hiseho tsy ankitsahatra fotsiny izany. Fa eo amin'izay misy fifanjoavana, eo amin'izay misy fahasamihafana, ary eo amin'izay isandratantsika, dia tsy afaka manetsika ny tenany ny Fanahy Masina. Hitanareo? Tsy afaka miasa amin'ny alàlan'ny olona Izy. Hitanareo?

⁴⁹ Ary eo, raha hoy aho hoe, “Ankehitriny ianareo, ny tsirairay avy aminareo, efa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ve ianareo?”

“Hia.”

“Eny, manana Azy ianareo.” “Efa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ve ianareo?”

“Tsia.”

⁵⁰ “Tsy manana Azy ianareo.” Ankehitriny, manao ny tenako ho mpitsara iray aho. Andriamanitra no Mpitsara an'ireo zavatra ireo.

⁵¹ Fa diniho, hoy Jesosy hoe, “Izao famantarana izao no hanaraka azy ireo.” Hitanareo? Ireo vondrona izay mino, ny natoran'ny Fanahy Masina manontolo no mikoriana eo amin'izy ireo, ary feno fitiavana izy rehetra, sy fifaliana, ary—ary amboara lehibe iray fotsiny an'ny—an'ny—an'ny—an'ny tena olona feno fahamasinana. Hitanareo, izany no Fanahy Masina. Ary avy eo ao anatin'ny ao, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo amin'ny fanararaotra izay hipoiran'io fiteny tsy fantatra io (nahoana), na ilaina ho an'izany, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo. Ary raha misy faminaniana iray, dia miteny izany. Ary oh, tanteraka marina mihitsy tokoa izany amin'ny fotoana rehetra.

⁵² Anontanio ireo olona dimy ambin'ny folo na roapolo izay niditra tao amin'ny fifampiresahana ireo aninkeo maraina raha nisy teny iray tamin'ny fomba rehetra, diso tamin'ny fomba rehetra, nefa vahiny tanteraka. Inona . . . Ny Fanahy Masina no nangady avy hatrany tao ambany tao, ary maka an'ireo zavatra ireo, ary manambara azy ireo avy hatrany, ka miteny an'izany amin'izy ireo. Hitanareo, hitanareo? Tsy misy fahadisoana ao amin'izany. Miteny amin'izy ireo marina tokoa hoe inona *ity*, sy inona *ity*, sy inona *itsy*, ary inona *ity* tsy maintsy hatao *ity*, ary ireo zavatra tahaka an'izany, sy izay nataon'izy ireo, ary inona no tokony hataon'izy ireo. Hitanareo? Izany fotsiny dia . . . Apetraho tsara ao amin'ny lamina izany. Ankehitriny, tsy maintsy mihetsika eo amin'izany izy ireo.

⁵³ Indray hariva dia niresaka tamin'ny mpivady aho, ary izaho tao amin'ny—ny trano iray izay nanaovanay fivoriana iray, na fotsiny—nipetraka nanodidina ny latabatra fotsiny niresaka. Ary tampoka teo, dia nilatsaka teo anivonay ny Fanahy Masina, ary hoy aho tamin'ny olona iray teo hoe, “Nahita lehilahy *anankiray* aho, ary izy ireo . . . nikorontana izy tao an-tsainy mikasika zavatra sasany,” ary hoy aho, “toy ny hoe ao anaty fifanjevoana ao amin'ilay—ao amin'ilay—ilay famantarana.” Hoy aho hoe, “Ankehitriny, eto mihitsy izany ankehitriny.” Hoy aho hoe, “Fantatro izay eritreretinao.” Dia nandeha nankany aoriana mihitsy aho ka naka fomba tsy mivantana fotsiny ary namaly ny fanontaniana tsirairay izay nananan'io lehilahy io tao an-tsainy, hoe izy . . . Tsy nisy nahafantatra na dia izay noresahako aza afa-tsy izy. Hitanareo? Saingy azony ilay izy. Fantany ny mikasika an'izany rehetra izany. Hitanareo? Ary inona izany ho azy? Naneho taminy, nanamarina taminy fa ny Fanahy Masina no nanambara tamiko an'izay tao an-tsainy. Hitanareo? Ary tsy voatery nilaza an'izany tamin'ny sisa tamin'izy ireo aho. Mihaino ahy ilay lehilahy izao ankehitriny izao. Ankehitriny, marina izany. Ankehitriny, hitanareo hoe ahoana izany? Fanamarinana iray izany.

⁵⁴ Ankehitriny, raha niasa tao amin'ny firindrana tahaka an'izany ny fiangonana manontolo, amin'izay fotoana izay dia ho nandroaka devoly teo anivontsika isika, nandray menarana, nisotro zava-mahafaty, ireo karazan-javatra rehetra izay miseho. Fa rehefa miezaka manery an'izany amin'ireo isam-batan'olona ianareo, amin'izay fotoana izay ianareo dia manao ny tenanareo . . . Pentekotista indray izany. Amin'izay fotoana izay dia manana Babylona ianareo, fifanjevoana. Tsy afaka mitsara an'izany ianareo. Hitanareo? Feno fifaliana sy fahasambaran'ny fontsika, ary oh oadray, mihira ireo vorona, ny . . . Mahafinaritra ny zavatra rehetra, oadray, feno ny Fanahin'Andriamanitra fotsiny, ary tena latsa-pitia amin'i Jesosy isika, te-hivavaka mandritra ny alina manontolo isika.

⁵⁵ Ankehitriny, tsy te-hanasaikatra an'ity vahoaka betsaka

ity aho, na ny tenako aza aminareo. Fa manontany aho, raha afaka manontany aho izao maraina izao hoe iza amin'ity vondron'olona betsaka ity no nanana ny Fanahy Masina, mety ho dimy amby sivifolo isan-jato aminareo no hanangana ny tãnanareo hoe nanana ny Fanahy Masina ianareo. Avy eo dia mitodika aho ka manome anareo porofo ara-Baiboly iray, anankiray fotsiny, porofo ara-Baiboly iray; ary misalasala aho raha hisy tãnana iray na roa mitsangana. Hitanareo, hitanareo? Afaka fotsiny...mamatotra an'izany fotsiny eo amin'ny toerana iray tahaka an'izany, fa rehefa manao an'izany ianareo (hitanareo?), dia mandratra ny fiangonanareo koa. Fa tsy maintsy manala azy ireo avy amin'io fahazazana io ianareo ary mitondra azy ireo mankany amin'ny maha-olon-dehibe. Hitanareo?

⁵⁶ Tahaka ny olona iray nanoratra an'ilay fanontaniana indray andro, teto izany, nilaza mikasika...nilaza zavatra mikasika an-dRahalahy Junior Jackson. Nandeha tany ny olona iray, ka hoy izy ireo hoe, "Mandeha any amin'ny 'tsaramaso maty, ianareo'" na zavatra iray na hafa tahaka an'izany. Rahalahy Jackson... Satria ny fiangonan-dRahalahy Jackson, mamela azy ireo hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ao amin'ny fiangonana fotsiny izy ireo. Na aiza na aiza hahatsapan'izy ireo ny Fanahy ka te-hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra, dia mandroso izy ireo ary manao an'izany. Eny, izany no fiangonan-dRahalahy Jackson. Mety tsara tanteraka izany. Tsy manana na inona na inona manohitra an'izany aho, na inona na inona. Iray amin'ireo sakaizako tsara indrindra i Junior Jackson, ary tena lehilahy masina iray, feno ny Fanahin'Andriamanitra, ary mpirahalahy izahay. Ankehitriny, tsy voatery hihinana ny tarta seriziko izy, izaho afaka... Na tsy voatery hihinana ny tarta paomany aho (hitanareo?), fa samy mihinana tarta izahay roa. Samy mino an'ity Hafatra ity marina tokoa izahay roa. Izany no lamin'ny fiangonana. Hoy aho hoe, "Tiako ny fiangonako hiezaka ho tonga miaraka." Hoy aho... Rehefa manomboka maneho isika eto, ny Fanahy Masina miteny amin'ny fiteny tsy fantatra sy ny sisa, hoy aho... Nanontany ahy ny olona iray, ary nanao hoe, "Ankehitriny, Rahalahy Branham, tena izy ve io rehetra io?"

⁵⁷ Hoy aho hoe, "Tsy mpitsara aho." Hoy aho hoe, "Teneniko aminao hoe inona, ndao entintsika eo amin'ny toerana iray izany. Avelao handeha vetivety izany dia ento eo amin'ilay toerana mandra-pahavoasehoan'ny Teny eo aminy. Amin'izay fotoana izay dia diniho izany. Raha ny Fanahy Masina Izany, dia mifanaraka tsara amin'ny Teny Izy; raha tsy izany, dia tsy izy izany." Hitanareo? Izany no fomba tokana ahafahanareo miteny an'ilay izy; avy eo izany—mitsara ny tenany izany. Hitanareo? Eny, izany—hipoaka izany raha tsy ny Fanahy Masina, hanidina hiala izany. Hitanareo? Fa raha ny Fanahy Masina Izany, dia hanaraka fotsiny am-pahalemem-panahy ao amin'ny laharana

mihitsy Izany, satria izany no maha-izy Azy; Izany no Fanahy Masina mandeha mihitsy ao amin'ny Laminy manokana.

⁵⁸ Ankehitriny, ao amin'ity fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra sy ny sisa ity, dia maniry aho mba hitenenan'ny tsirairay avy aminareo amin'ny fiteny tsy fantatra. Azo antoka fa maniry aho. Ary matetika, ireo Kristiana tsara . . .

⁵⁹ Hitanareo, raha miteny aminareo aho fa tao amin'ny fandaharana izany...Nahita olona iray aho...Tsy fandaharana, miala tsiny, tao amin'ny fifampiresahana aninkeo maraina. Olona iray (heveriko fa mbola ato amin'ny tranobe foana izy ireo) hoe izy ireo. . .Mikasika ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra. . .Olona tena izy iray ilay olona, tena olona iray, ary niaina tsara izy ireo. Ary izy ireo dia efa nandre ahy nilaza fa ny porofon'ny Fanahy Masina dia tsy ny miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ary tsy izany ilay izy, fa nanoro hevitra an'io olona io aho mba hangataka an'Andriamanitra mba hamela azy ireo na hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra na haminany, satria izany ilay natiora.

⁶⁰ Ny zavatra voalohany, nankany amin'io olona io aho ary nahita ny toerana nahaterahany, ary teo ambanin'ny famantarana inona no nahaterahany, ary afaka niteny hoe inona ny fahaterahany. Ny fomba ipetrahan'izany ao amin'ny natiorany ara-boajanahary no mametraka azy ireo ao amin'ny laharana anankiray. Avy eo, rehefa nateraka indray izy ireo, dia ao amin'ny natiora iray hafa izy ireo eto. Ary amin'izay fotoana izay, rehefa hitanareo ao anatin'io natiora io, ilay ao anaty izany, ny tsy fieritreretana, fieritreretana anaty. . .Ny fieritreretana ivelany dia manosika anareo ao amin'ny lâlana iray; ny fahaterahanareo ara-boajanahary izany. Avy eo, dia hamorona zavatra izy ireo ary inona no apetrak'izany amin'izy ireo? Rovitra, ary mametraka azy ireo amin'ny toerana triatra iray. Tsy fantatr'izy ireo izay hatao. Hilaza izy ireo hoe, "Tian'ny Tompo hanao an'ity aho."

⁶¹ Ilay anaty, "Oh, izaho—fantatro fotsiny fa izany dia—izany dia—izany—mifanaraka amin'ny Soratra izany." Ary hanomboka hanao an'izany izy ireo, ary ny zavatra voalohany fantatrareo, haneho amin'izy ireo an'ireo karazana kilema rehetra ao anatin'izany i Satana eo amin'ity ivelany ity. Ary avy eo dia hoy izy ireo hoe, "Eny, heveriko fa izaho. . ." Hitanareo, hitanareo? Mihaino an'i Satana izy ireo. Hitanareo? Tsy maintsy mandray an'io zavatra anaty io ianareo, ilay ao anatinareo izay aratSoratra. Ary tsy mamela an'i Satana hitsangana na aiza na aiza. Izany dia. . . Andraikiny ny mitsangana eo sy mamely anareo tahaka an'izany. Fa aza mihaino azy.

⁶² Fa, io olona io, niteny tamin'izy ireo aho. Hoy izy ireo hoe, "Eny ankehitriny, raha afaka mahazo antoka fotsiny aho fa manana ny Fanahy Masina." Hitanareo? Olona mahafinaritra,

olona tena mahatoky miaraka amin'ny Fanahy Masina, saingy ho tsara aminy ny manao hoe, “Ray, omeo ahy fotsiny ity mba ho zavatra iray hitsanganana.”

⁶³ Ankehitriny, raha tahaka an'izany no nampianarako azy, dia ho nanakatra ny olona sy hifikitra amin'izany nefa tsy manana an'izay ananan'io olona io. Hitanareo? Tena miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny Fanahy Masina, saingy tsy maintsy manana ny Fanahy Masina aloha ianareo alohan'ny ahafahan'izany miteny amin'ny fiteny tsy fantatra. Azonareo ve ilay izy ankehitriny? Noho izany, raha manakatra ianareo ary mifikitra amin'ny fanomezam-pahasoavan'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra nefa tsy manana . . .

⁶⁴ Tsarovy ankehitriny, fa mety ho fanomezam-pahasoavana iray tena izy izany; mety ho ny Fanahy Masina miteny ao anatinareo amin'ny fiteny tsy fantatra izany, fa ho very ianareo ka handeha any amin'ny helo. Ny Baiboly no miteny an'izany. Mino an'izany ve ianareo? Te-hanana Soratra mikasika an'izany ve ianareo? Raha mila Soratra ianareo, dia atsangano ny tananareo. “Na dia miteny amin'ny fiteny tsy fantatra tahaka ny olona sy ny Anjely aza aho . . .” Marina ve izany? Izy roa, ilay anankiray izay azo adika sy ilay tsy azo adika, ireo fiteny tsy fantatra tena izy an'ny Fanahy Masina. “Tsinontsinona aho,” hitanareo, raha tsy hoe miaraka amin'izany ilay hafa. Afaka manana an'ity ianareo (hitanareo?), noho izany dia aza manenjika an'itsy nefa tsy manana an'ity. Manàna aloha an'ity, ary avy eo *itsy dia* hanaraka an'izany tokoa.

⁶⁵ Ankehitriny, ny orana dia milatsaka eo amin'ny marina sy ny tsy marina. Ny masoandro dia miposaka eo amin'ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy. Ny orana dia milatsaka mba hanamasaka ny vokatra; manamasaka an'ilay ahi-dratsy koa izy, ilay orana iray ihany. Ny Fanahy Masina dia afaka milatsaka ao anatin'ny vondron'olona iray, ary miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, ary manao an'izany marina tokoa, miparitaka eo anivon'ny olona, ary manao azy haminany, ary ho marina tokoa. Marina tokoa izany!

⁶⁶ Indraindray ianareo dia afaka mandeha mankany amin'ny—ny mpamosavivavy iray na mpahita iray, ary afaka miteny zavatra aminareo izy ireo izay marina tokoa. Jereo ilay mpamosavivavin'i Andora tamin'i Saoly. Mety ho marina tokoa ilay izy; mbola tsy izy foana izany. Mpamosavivavy izy ireo. Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, efa nahita devoly niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aho, ary nanoratra tamin'ny fiteny tsy fantatra. Tsy midika na inona na inona izany. Fa ilay tena zavatra dia ity Teny ity indray. Miverena amin'ity Teny ity!

⁶⁷ Noho izany, afaka manao an'ireo zavatra ireo ianareo nefa tsy manana ny Teny. Fa rehefa manana ny Teny ianareo, ary Izy no manao an'izany, amin'izay fotoana izay dia diniho fa miseho

marina tokoa izany, ilay zavatra marina tokoa. Hitanareo? Amin'izay fotoana izay ianareo vao ao amin'ny laharana marina tokoa.

⁶⁸ Eny, ny Fanahy Masina dia mampiasa an'ireo olona ireo araka ny anendreny ny Fahendreny Masina Manokana azy. Fa ny zavatra voalohany . . .

⁶⁹ Ankehitriny inona? Mamelà ahy hanome anareo fanodinana kely eto iray minitra fotsiny. Hilaza aho hoe, “Firy no manana ny Fanahy Masina?” Manangana ny tãnanareo ianareo rehetra. Hilaza aho hoe, “Eny àry, hojereko raha manana ianareo.” Ny Baiboly dia nilaza fa ireo izay nanana ny Fanahy Masina dia nisento sy nitomany andro aman'alina nohon'ny fahavetavetana natao tao an-tanàna. Ankehitriny, tãnana firy no hitsangana? Firy aminareo no tsy afaka miala sasatra amin'ny alina, tena feno fifaliana, ny herin'Andriamanitra, nefa tena malahelo nohon'ny olona izay very, ka mitomany sy mitaraina andro aman'alina nohon'ny fahavetavetana? Ianareo tsy . . . Hitanareo? Ho iza izany ao an-tanàna? Misy firy izany, izay ao ampiangonana? Izany no nolazain'ny Baiboly fa porofon'ny Fanahy Masina.

⁷⁰ Niteny tamin'ilay Anjely nanisy tombokase Izy (Ezekiela 9, marina izany), hoy Izy hoe, “Raiso . . . Mandehana mitety ny tanàna ka asio marika eo amin'ireo izay misento sy mitaraina nohon'ny fahavetavetana natao tao an-tanàna. Ny sisa amin'izy ireo, dia aoka ilay Anjely mpandringana no handringana azy ireo.” Tsy mampaninona na mambra firy izy ireo ary firy ireo zavatra nataon'izy ireo, hoy Izy, “Asio ny . . .” Ary lehilahy iray miaraka amin'ny fitoeran-dranomaintin'ny mpanoratra, mitafy fotsy (izay maneho ny Fanahy Masina) no nivoaka ka nanisy marika an'ireo rehetra izay nisento sy nitaraina nohon'ny fahavetavetana natao tao an-tanàna. Ankehitriny, hoy ianareo . . . Ary diniho koa izay Nolazainy eo. “Vonoy tanteraka, ankizy kely, vehivavy antitra, zazakely, vonoy izy rehetra ireo!” Ankizy kely? Eny!

⁷¹ Ary rehefa niditra ny tany Kanana i Josoa, izy, nanao hoe, “Aza mamela anankiray amin'izy ireo ho velona. Raha zazakely iray mahafatifaty izany, Amalekita kely iray, na Amorita iray, vonoy izany! Tsarovy, fa hitombo ho Amalekita iray izy; handoto ny toby izy.” Ary rehefa miverina tahaka an'izany ireo zavatra kely ireo izay tsy mifanaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra, dia esory izany zavatra izany. Tsy ahoako izay anaram-piangonana ikambanany.

⁷² Hoy ianareo hoe, “Eny, tsara izy ireo . . .” Tsy ahoako na olona tsara toy ny ahoana aza izy ireo! Raha mifanohitra amin'ity Teny ity izy ireo, dia esory hiala aminareo ilay zavatra. Amalekita kely mitombo izany. Toa mahafatifaty, toa tsy

manan-tsiny; toy ny hoe mety tsara ilay izy, fa aza manana na inona na inona hatao amin'izany. Mialà lavitra an'izany.

⁷³ “Eny, Rahalahy Branham, izaho—mandeha eto aho, satria... Eny, izaho tsy...” Tsarovy fotsiny, ny Amalekita rehetra, ny zavatra izay mandà ny Teny, dia mialà lavitra an'izany; aza manana na inona na inona hatao amin'izany mihitsy! Firy no mino fa izany no Fahamarinana? Azo antoka izany. Hitanareo? Mialà lavitra an'izany!

⁷⁴ Izay misento sy mitaraina nohon'ny fahavetavetana natao tao an-tanàna... Aiza no ahitanareo an'izany? Afaka maneho aminareo iray alina miteny amin'ny fiteny tsy fantatra aho amin'ny anankiray izay mavesatra entana marina tokoa nohon'ny fahotana... izay tsy afaka mivavaka adiny iray akory aza. Fa efa fantatrareo ve fa ny Baiboly dia nilaza fa... asio marika ireo izay misento sy mitaraina irery ihany nohon'ny fahavetavetana ao an-tanàna? Firy no mba namaky an'izany? Azo antoka! Izany no Fanahy Masina izay nivoaka mba hanisy marika ny olona, ary nilaza tamin'ilay Anjely mpandringana hoe, “Mandehana ka aringano ny zavatra rehetra izay tsy manana an'io marika io eo aminy.” Ary ny marik'Andriamanitra dia ny Fanahy Masina, izany no Tombokasen'Andriamanitra.

⁷⁵ Ankehitriny, aiza ireo olona izay liana amin'izany ireo? Afaka mandre anareo olona mitsambikina ambony sy ambany ary mitomany ao am-piangonana aho; afaka maneho aminareo an'ireo olona izay mihiakiaka sy mihazakazaka manerana ny tranobe aho; afaka maneho aminareo an'ireo olona izay maminany aho, ary miseho izany; afaka maneho aminareo an'ireo izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra aho, ary—ary mihazakazaka mandroso sy miverina eo amin'ireo tranobe, ary milaza an'ireo zavatra izay voadika tokoa, miseho; fa aiza io olona izay misento sy mitaraina nohon'ny fahavetavetana izay natao tao an-tanàna io? Aiza io fanahy mavesatra entana io? Afaka mamadika ravina vaovao sasantsasany eo amin'izany ianareo. Hitanareo ve izay tiako lazaina?

⁷⁶ Ankehitriny, efa niezaka ny tsara indrindrako aho mba—mba—mba hiteny aminareo olona sy hitarika anareo tahaka ny itarihan'ny dada iray an'ireo zanany. Zanako ianareo; izaho no niteraka anareo ho an'i Kristy tamin'ny alàlan'ity Filazantsara izay toriako ity. Hitanareo? Ary izaho—izaho—tiako ianareo hitombo ho ankizy matotra tanteraka, na—na zanaka. Ary tiako ny hanolotra anareo ho an'i Kristy amin'izany andro izany, tahaka ny nolazain'i Paoly hoe, “Virijiny madio iray.” Tsy misy zavatra iray ato amin'ity Teny ity ka tsy hasian'ny fonareo tsindrim-peo amin'ny “amena” eo aminy.

⁷⁷ Ny fahotana dia tsy manana... Mazava ho azy fa hanao zavatra tsy mety ianareo, fa rehefa ilay hafa, ilay tena zavatra voalohany no manameloka anareo, “Ray, mamelà ahy.”

⁷⁸ Izaon no holazaiko. Vao avy nijery olona iray aho minitra vitsy lasa izay. Nanontany ahy ny zazalahy iray mahafinaritra indray andro. Nihaza vontsira izahay. Nahazo dimy aho tamin'io maraina io; navelako ny iray tamin'izy ireo ho an'io tolakandro io. Enina ihany no azonareo ao amin'ny fanjakan'i Kentucky; izany ilay fetra. Noho izany dia hoy ity olona *anankiray* ity hoe, "Nahazo sivy aho." Zazalahy Kristiana, ankizy mahafinaritra.

Hoy aho hoe, "Nanao ratsy ianao. Nanao ratsy ianao!"

Hoy izy hoe, "Eny. . ."

⁷⁹ Hoy aho hoe, "Nanana dimy aho tamin'io maraina io, nitahiry anankiray ho an'io tolakandro io. Ary rehefa nahazo an'io vontsira anankiray io aho, dia nijery tao anaty hazo iray, ary nanisa dimy na enina nipetraka teo amin'izay azoko nijerena azy ireo mihitsy, lasa nandeha ary namela azy ireo." Hoy aho hoe, "Nandalo aho, tao amin'ny hazo iray teto vao tsy ela akory izay, ary nisy teo amin'ny dimy ambin'ny folo na roapolo no nipetraka teo. Nalaiko fotsiny ilay fetra, dia lasa nandeha, ary navelako teo ny sisa tamin'izy ireo." Hoy aho hoe, "Raha tonga eto amin'ity firenena ity aho, mitory aminareo zazalahy, sy ianareo olona eto, an'ilay zavatra marina, dia tsy maintsy miaina an'izany ohatra izany aho." Ny Kristianisma dia tsy izay lazainareo, izany dia izay iainanareo, izay ataonareo; ohatra iray izany. Ianareo no siran'ny tany. Hoy aho hoe, "Noho izany, ny lalàna dia milaza. . . Hoy Jesosy hoe, 'Omeo an'i Kaisara ireo zavatra izay an'i Kaisara.' Raha mandika an'io lalàn'ny hafainganam-pandeha io ianao, dia inona no ataonao? Manao ratsy ianao; manota ianao. Omeo an'i Kaisara izay an'i Kaisara, ary an'Andriamanitra izay an'Andriamanitra."

⁸⁰ Hoy ianareo, "Eny, ratsy ny lalàna." Tsy misy azoko atao na ratsy toy ny inona aza izy; ratsy ny mandika ny didin'i Jesosy. Ary raha tsy omenareo an'i Kaisara ireo zavatra izay an'i Kaisara, amin'izay fotoana izay dia nanao an'izay notenenin'i Jesosy mba tsy hataonareo ianareo, ary fahotana ny fandikana ny lalàna. Marina ve izany?

⁸¹ Meloka isika rehetra; manao an'izany isika. Saingy rehefa hitanareo fa diso ny tenanareo, dia ajanony ilay izy! Mandinika anareo ny olona; tsy handeha any am-piangonana ny olona, fa hamaky anareo izy ireo, hahita an'izay ataonareo.

⁸² Noho izany, dia raiso ao am-ponareo Kristy; izany no tena. . . Kristy sy ny Fanahy Masina dia ilay zavatra iray ihany. Fanahy Masina, *Kristy* dia midika hoe "ilay Anankiray voahosotra." Ary ny Fanahy Masina dia io Hosotra io, ary ianareo no ilay anankiray izay voahosotra. Hitanareo? Ary Kristy ao anatinareo no manosotra anareo. Hitanareo ve izay tiako lazaina?

⁸³ Amin'izay fotoana izay ianareo vao manana an'ilay zavatra marina. Amin'izay fotoana izay Izy vao afaka mampiasa

anareo ao amin'ny zavatra rehetra izay Tiany hampiasaina anareo, satria ao amin'ilay Vatana ianareo ary eo ambanin'ireo fanomezam-pahasoavana rehetra ireo. Fa hitanareo, ny manana anankiray amin'ireo fanomezam-pahasoavana any ivelan'ilay Vatana, dia tsy hahasoa anareo izany. “Na dia miteny amin'ny fitenin'ny olona sy ny Anjely aza aho, nefa tsy manana fitiavana, dia tsy mahasoana na inona na inona izany. Na dia manana finoana aza aho ka afaka mahazo an'ireo zava-miafin'Andriamanitra rehetra, dia tsy mahasoana na inona na inona izany. Na dia atolotro hodorana ho fanatitra aza ny tenako, omeko ho an'ny malahelo ny fananako rehetra, na dia manana finoana hamindra tendrombohitra aza aho, dia tsinontsinona aho.” Hitanareo? Aza miankina amin'ireo zavatra ireo. Ny Fanahy Masina dia Tena iray; Izany no Andriamanitra, Andriamanitra ao anatinareo, ilay Olona, Andriamanitra, izay manazava ny tenanareo manontolo rehetra. Novaina ianareo; olom-baovao iray ianareo. Ny zavatra kely izay ratsy, dia hiteny aminareo Izy fa ratsy izany, amin'izay fotoana izay dia ajanòny; aza atao ilay izy. “Ray, tsy fanahy iniako ny nanao an'izany, mamelà ahy Ianao.” Hitanareo? Ary izany no—izany no Fanahy Masina.

⁸⁴ Tsy ahoako na impiry ianareo no niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, impiry ianareo no nihazakazaka, impiry ianareo no nitsambikina, impiry ianareo no nanao an'*ity, itsy*, na ny *hafa*. Hitanareo? Na inona na inona nataonareo, tsy midika zavatra iray izany raha tsy ao anatin'ny ao ny Fanahy Masina hanameloka anareo eo amin'ireo zavatra izay marina sy diso.

⁸⁵ Ankehitriny, izany no antony maha-marina ny an'ity olona eto ity. Avelao ny Fanahy Masina hanao an'ilay izy. Fa ankehitriny (hitanareo?), ankehitriny, ny mahatonga an'izany...Mamelà ahy hilaza an'izany amin'ny fitiavana, voafafy tamin'ny fitiavana ary—ary voahosotry ny Teny. Hitanareo? Raha tao anatinareo ny Fanahy Masina tena izy, dia tsy ho nisalasala an'izany ianareo. Fantatrareo izany, zavatra isam-batan'olona eo aminareo sy Andriamanitra izany. Hitanareo? Fantatrareo fa nisy zavatra nitranga. Fantatrareo fa misy fiovàna iray, na misy ny—na inona na inona hafa, ianareo ihany, ianareo no fiovàna. Hitanareo? Ianareo no anankiray izay nanao an'ilay fanovàna, ao anatinareo, ary fantatrareo fa manana an'Izany ianareo. Na niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, na nitsambikina ianareo, nihiakiaka, na zavatra hafa, fantatrareo fa Andriamanitra no mipetraka ao anatinareo, ka tsy mandeha amin'ny sainareo manokana ianareo, ny sain'i Kristy no mitarika anareo miaraka amin'ity Teny ity, ny lâlana izay Andehanany marina tokoa.

⁸⁶ Ankehitriny! Fa tiako...Raha hoy ny olona hoe, “Eny arak'izany, Rahalahy Branham, tsy mino ve ianao fa tokony hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra isika?” Hitanareo? Noho izany dia tsy mahazo tsara an'izay vao avy nolazaiko marina

tokoa ianareo. Azo antoka, mino aho fa tokony hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo. Ary ny sasany aminareo olona... Hitanareo? Fa manana an'ireto ianareo, ary... Manana an'ireto aho, tahaka ny tany aoriana teto mikasika an'io dimanjato sy arivo mailly io (hitanareo?), avy eto amin'ny tabernakla. Izao fotsiny, raha tsy azonareo ilay izy, amin'izay fotoana izay dia anontanio aho. Hitanareo? Soraty amiko indray izany raha tsy mahazo ianareo. Lazao fotsiny izay lazaiko eto. Hitanareo? Ary izaho... Ary ianareo... Araka ny nolazain'i Paoly hoe, "Manaraha ahy ianareo tahaka ny anarahako an'i Kristy." Hitanareo? Avy eo raha hitanareo fa diso aho, amin'izay fotoana izay dia ialao lavitra aho, hitanareo, izay ihany, satria izaho no— izaho no ho ilay olona diso. Hitanareo?

329. Azavao azafady. Milaza ny olona fa mihoatra noho ny olona iray Rahalahy Branham, afaka mamorona izy, ary Jesosy dia mety hitovy mihitsy amin-dRahalahy Branham.

⁸⁷ Ankehitriny, mamelà ahy... Ilay olona no nilaza an'izany. Na mety ho iza na iza izany, tsy fantatro. Fa rahalahinao aho. Hitanao? Jesosy no Mpamonjinao. Tsy afaka ny ho Mpamonjinao aho, satria Izy no efa namonjy anao. Ankehitriny, tena akaiky ny Fahamarinana ianao eo, kanefa tena lavitry ny Fahamarinana, ilay olona izay niteny an'ity tamin'ity olona ity. Ankehitriny, ilay izy fotsiny dia a... Toy ny hoe sora-tànana-behivavy ilay izy amiko, sora-tànana tena tsara tarehy. Ary hilaza aho fa sora-tànana-behivavy izany sa tsy izany? Rahalahy Capps, tsy hihevitra ve ianao fa sora-tànana-behivavy izany? Sora-tànana tsara tarehy. Ary tsy fantatro hoe iza izany. Hitanareo?

⁸⁸ Ankehitriny, "Ranadahy Branham, mety hitovy aminao ve i Jesosy, sa ianao no Jesosy, sa zavatra tahaka an'izany?" Ny hevitra iray an'ilay teny, dia ny Fahamarinana marina tokoa izany; ny hevitra hafa an'ilay teny dia antikristy iray. Izany ilay fahasamihafana eo amin'ny marina sy ny diso. Ny manao ahy ho ilay Tenan'i Jesosy Kristy Tompo, dia ho antikristy iray (hitanareo?), satria ny Tenan'ny Tompo Jesosy dia mipetraka eo ankavanany ny Fiandrianana any amin'ny avo, ary ho avy indray amin'ny hery sy ny voninahitra lehibe. Fa nohon'Ny Fiainany izay tao Aminy ka eo amiko, ary eo aminareo izay manana Azy, dia izany marina tokoa no Fahamarinana; ary lasa Kristy ianareo.

⁸⁹ Tsaroanareo ve ny hafatro mikasika an'ireo Mesia kely? Hitanareo? Ianareo dia... Ny teny hoe *Mesia* dia midika hoe ny... "ilay Anankiray voahosotra." Ankehitriny, ianareo dia, raha manana ny Fanahy Masina ianareo, dia lasa ilay anankiray voahosotra. Hitanareo? Noho izany dia misy ireo karazana voahosotra rehetra.

⁹⁰ Diniho ankehitriny, raha ireo voahosotra ara-Baiboly izany. Maro amin'izy ireo no voahosotra... Hitanareo? Ilay

zavatra manontolo dia ao anatin'ny fivangongoana lehibe tahaka an'izany an'ny... karazana fifangaroana rehetra; ary—ary an'ny... Miditra miaraka amin'ny hafetseny rehetra i Satana ary naka tahaka an'izany mihitsy hatrany amin'ny teboka, saiky hatrany amin'ny teboka. Fomba anankiray ihany no ahafahanareo hahazo antoka tanteraka; amarino ny teny amin'ny teny, teny amin'ny teny! Izany no fomba tokana ahafahanareo.

⁹¹ Fa amiko amin'ny maha-o—olona iray, William Branham, na—na lehilahy na vehivavy hafa ho Jesosy Kristy Tompo, Mpamonjy antsika, dia fahadisoana iray izany. Fa ny hoe voahosotry Ny Fanahiny, izay mitondra Ny Tenany Manokana an'Ny Fiainany ao anatinareo... .

⁹² Tena vita tandindona tsara tarehy izany tao amin'i Elia sy Elisa, rehefa nakarina i Elisa, i Elia, ilay mpaminany antitra, nandeha nody any an-Trano. Ary reraka sy sasatra izy; ary nisy kalesy nifatotra teo ampitan'ny renirano teo, ary izy... mba hampiakatra azy any an-Trano tamin'ny soavaly afo. Ary voamarikareo ve tamin'izany, rehefa niampita ny renirano i Elia sy Elisa? Teo ireo sekolin'ny mpaminany nandinika azy ireo. Ary noraisin'i Elia ny kapôtiny ka, na, nokapohiny ilay renirano. Ary rehefa natao izany, dia nisaraka ilay izy, ka niampita izy. Ary hoy izy tamin'ilay mpaminany tanora hoe, “Inona—ho an'ny inona no anarahanao ahy? Inona—inona—inona no iriana?”

⁹³ Hoy izy hoe, “Mba ho tonga eo amiko ny anjaran-droa amin'ny fanahinao.” Tonga eo amiko ve ny anjaran-droa amin'io mpaminany mahery io?

Hoy izy hoe, “Nangataka zavatra sarotra iray ianao; fa raha mahita ahy ianao rehefa lasa aho, amin'izay fotoana izay dia ho tonga amina Izany.” Noho izany dia azonareo eritreretina hoe ahoana no nanarahany maso an'ilay mpaminany.

⁹⁴ Ankehitriny, tamin'izany andro izany, dia io mpaminany io no Teny, satria izy no fanehoana ny Teny tamin'izao tontolo izao. Hitanareo? Ary fantany fa tsy maintsy hisy asam-panompoana lehibe kokoa ho avy, satria nitaky zavatra lehibe kokoa izany. Ary fony teto an-tany Jesosy, dia Izy no Elia. “Ireo zavatra izay Ataoko ireo no hataonareo koa; lehibe noho ireo zavatra ireo no hataonareo, satria Izaho mankany amin'Ny Raiko.” Ankehitriny, ahoana no hanaovanareo an'izany? Diniho Izy! Iza Izy? Ny Teny! Hitanareo? Diniho Izy!

⁹⁵ Ankehitriny, rehefa tonga eo amin'ny famoronana zavatra ilay izy, dia marina izany. Tsy namorona zavatra iray nivantana mihitsy Jesosy ka nitondra an'izany ho amin'ny fisiana. Naka vaingan-javatra iray Izy aloha. Naka rano Izy, nanao divay. Naka mofo Izy ary nanao mofo betsaka. Naka trondro Izy ary nanao trondro betsaka. Fa nampanantena Izy fa hisy zavatra lehibe kokoa noho izany ho vita. Hitanareo? Hitanareo?

Ankehitriny, nahoana? Ao amin'ny andro iray ratsy kokoa noho ny tamin'ny naha-teto Azy ilay izy. Hitanareo? Mbola Izy foana izany, saingy mampiasa ny tabernakelinareo. Hitanareo?

⁹⁶ Ary io olona izay ao anatinareo io, izay ny fahaterahanareo. . . John Doe ianareo; teraka tamin'ny volana *anankiray* ianareo, ary teraka teo ambanin'ny kintana *anankiray* ianareo; teraka teo ambanin'ny zavatra *anankiray* ianareo, ary misy zavatra ifandraisany aminareo izany. Misy tokoa!

⁹⁷ Fantatro fa izaho taloha. . . Hoy i Papa taloha hoe, “Tsy afaka mamboly an'ireo ovy ireo aho amin'izao fotoana izao, satria tsy mety ny volana. Tsy afaka mamboly an'ireo ovy ireo ianao, ry Billy.”

⁹⁸ Dia hoy aho hoe, “Tsy eny amin'ny volana no amboleko azy ireo, eto an-tany no amboleko azy ireo!”

Hoy izy, “Eny àry, ry mahay ny rehetra, manohiza! Rehefa mahazo mibontsina vitsivitsy eo amin'ny lohanao ianao dia hianatra zavatra.” Nianatra aho. Nianatra aho.

⁹⁹ Teneniko aminareo: makà hazo fisaka iray ka apetraho eo ambonin'ny ahitra izany amin'ny maizim-bolana ary diniho izay mitranga. Ho faty izao ankehitriny izao io ahitra io. Apetraho eo amin'ny hazavan'ny volana izy; afaka mamela azy hipetraka eo mandritra ny herinandro ianareo; tsy handratra azy izany na kely aza.

¹⁰⁰ Diniho io ranomasina io rehefa miova io volana io any. Rehefa ny samonta. . . Rehefa lasa ny volana, dia manaraka azy ny samonta, ary an-tapitrisany mailly miala amin'ny tany no misy azy. Tsy izany ihany, mandehana midina mankany amin'ny fanjakan'i Kentucky eto ary alenteho ao amin'ny tany ny tsorakazo iray mandra-pahatonganareo ao amin'ilay rano masira; ary diniho io fantsona io, hatraiza ny halaliny rehefa ny volana. . . rehefa miditra ny samonta ary diniho hoe ahoana no ivoahany, ao ambanin'ny tany mihitsy. Izany tokoa!

¹⁰¹ Mamboleha zavatra miparitaka eo an-tampon'ny tany. Amin'ny maizim-bolana dia diniho izy midina avy hatrany ary manao an'izany tahaka ny hataon'ny radis na navet. Amboleho indray izy amin'ny fomba hafa dia diniho izy miparitaka eo an-tampon'ny tany. Azo antoka, manana zavatra hatao izy.

¹⁰² Nahoana i Arona no nanana an'ilay vatom-pahaterahan'ny tsirairay avy tamin'ireo patriarka ireo teo amin'ny aron-tratrany? Jereo ireo reny ireo rehefa nanao ny fitenenana izy ireo. Rehefa nanao fitenenana iray ny amin'ireo zanaka izay teraka ireo reny sy ireo vehivavy Hebreo mihetsi-jaza ireo, dia izany no nametraka ny anaran'izy ireo; niteny ny fahaterahan'izy ireo izany; nametraka azy ireo tao an-tanindrazana izany; izany no nametraka azy ireo mandrakizay.

103 Indray andro any rehefa tonga aho ka mijanona mandritry ny fotoana kely, dia tiako ny handray an'io lohahevitra io. Marina tokoa! Ary diniho i Jakoba, rehefa teo am-pahafatesana izy, rehefa nametraka ny tãnany teo amin'ireo patriarka ka nitso-drano azy ireo, niteny tamin'izy ireo marina tokoa hoe aiza no hisy azy ireo. Ary araka ny anaran'izy ireo marina tokoa izany, ary araka ny fahaterahan'izy ireo marina tokoa. Ary azo antoka, fa misy zavatra idiran'izany aminareo.

104 Ankehitriny, izany no làlam-pahaterahanareo; izany no maha-izy anareo, lehilahy ara-boajanahary na vehivavy ara-boajanahary. Fa rehefa ateraka indray ianareo, dia tsy izany ilay fieritreretana ivelany. Ilay ivelany dia izay hitanareo, andramanareo, tsapanareo, fofoninareo, ary renareo, fa ilay anatin'izany no izay maha-izy anareo marina tokoa. Ankehitriny, ity eto ity, Satana dia maka fanahy anareo fotsiny ary mamely anareo eo amin'ny lafiny rehetra eto; fa eto ambany eto dia tsy afaka manao an'izany izy raha tsy ianareo no mamela azy hanao an'izany. Satria ato ianareo dia manana finoana, ary ny finoana dia tsy avy amin'ny fieritreretana ivelany, mandanjalanja izany. Fa ao amin'ny finoana dia tsy misy fandanjalanjana. Avy tamin'Andriamanitra no nahazoanareo azy, ary fantatrareo fa eo izany. Tsy ahoako na impiry no toa mahadiso an'izany, mbola fantatrareo foana fa marina izany; izany no HOY NY TOMPO HOE. Hitanareo? Ary tsy misy na inona na inona hanelingelina an'izany. Tsy misy na inona na inona afaka hanelingelina an'izany; mandroso mahitsy avy hatrany izany. Tsy midika na inona na inona amin'izany ny fahasaratana; manohy mitety an'izany avy hatrany, satria Izany no Teny. Ary ny Teny no Sabatra, ary ny Teny dia mandidy . . . ny Sabatra dia manafaka ny Tenany amin'ny zavatra hafa rehetra. Hitanareo? Mila ny tãnan'ny finoana hihazonana an'ity Teny ity. Io finoana io dia tsy maintsy . . .

105 Ankehitriny hitanareo, rehefa io anatin'ny fieritreretana anatin'ny io . . . Eto ilay anatin'ny; eto ilay ivelany. Ato no voambara izany, ny Fahamarinana; eto ivelany eto, dia fandanjalanjana izany. Ankehitriny, tsy toa mitombina ve raha nilaza fotsiny isika hoe, "Ndao fotsiny isika rehetra handeha any ka hikambana amin'ny Assemblées"? Ankehitriny, tiako ny Assemblées de Dieu, tiako ny an'ny Tokana, tiako ireo fianonana rehetra ireo. "Nahoana isika rehetra no tsy mandeha fotsiny ka mikambana amin'izy ireo, hahavita soa angamba." Izany no fandanjalanjana, ilay ivelany. Fa ao amin'ilay anatin'ny, diniho izany. Rehefa hitanareo eto, ity dia—ity dia tsy hifanaraka, avy eo . . . Jereo ny Assemblées. Maro ireo zavatra ataon'izy ireo izay tsy inoako fa—fa ara-tSoratra ilay izy, ary afaka manaporofa an'izany amin'izy ireo aho fa tsy ara-tSoratra ilay izy. Saingy misy fisainana maro be mivangongo ao anatin'izany. Misy an'arivony amin'ireo rahalahy sy anabavy

an'ny Assemblées no mino an'ity, ny Teny, ary tsy mino an'izay ampianarin'ny Assemblées ho marina. Saingy ao anatin'ilay harato izy ireo.

¹⁰⁶ Ireo Batista, ny Presbyterana, ny an'ny Tokana, sy ny sisa rehetra amin'izy ireo, ao anatin'io harato io izy ireo izay misy vondron-dehilahy mivory miaraka ary mandan'alanja an'izany. Ary misy laza betsaka mikasika ny lehilahy iray. Indro misy eveka iray mipetraka eto, mpanara-maso ambony; raha milaza zavatra iray izy, dia inona no holazain'ilay lehilahy kely? Matahotra izy ny hilaza zavatra. "Mifanaraka aminao aho. Hia, marina izany! Ah-hah! Eny, Eveka, na—na Presbytera, ianao dia . . . marina tokoa izany." Mifanaraka aminy izy.

¹⁰⁷ Eto, ndao isika haka alikaolika iray eny an-dàlambe eto, ka mandalo eny an-dàlambe ny olom-pirenena tsotra iray ary manao hoe, "Ilay mpirenireny antitra, tsy misy na inona na inona aminy." Ento eto izy, apetraho eo amin'ny tafiky ny polisy izy, ary asio marika famantarana eo aminy, ary basy iray eo aminy. "Manao ahoana, John, tena mahafinaritra ny mahita anao indray!" Hitanareo? Fifanajana.

¹⁰⁸ Hoy Jesosy hoe, "Ahoana no ahafahanareo hanana finoana rehefa manana fanajana ianareo?" Io karazany io, fantatrarao, mangataka antsika, fifanajana . . . Tsy tsaroako fotsiny hoe ahoana marina ilay teny eo. Fa, rehefa maniry fifanajana ianareo. Hitanareo? Tsy afaka manao an'izany.

¹⁰⁹ Ary rehefa miangona ao amin'ny rafi-pandaminana iray ny olona, dia mipetraka izy ireo; ary matahotra ny hilaza zavatra ilay lehilahy kely, satria ilay eveka no niteny an'izany, ilay presbytera no niteny an'izany. Fa aza atao tsinontsinona ilay lehilahy, minoa fa lehilahy tsara iray izy; fa tsarovy isan'andro, ny Tenin'Andriamanitra no marina fa ny hafa rehetra mifanohitra dia diso. "Aoka Ny Teniko ho marina, ary ny tenin'olona rehetra ho lainga." Hitanareo izany? Izany no tiantsika hatao, dia ny mino an'izany.

¹¹⁰ Tsarovy ankehitriny, tsy isika no Teny, nefa isika no Teny. Ah-hah! Azonareo ve ilay izy ankehitriny? Jesosy dia tsy Andriamanitra, nefa Izy no Andriamanitra. Olona iray Izy, nefa Izy no Andriamanitra. Afaka nitomany Izy, kanefa afaka nanangana ny maty Izy. Afaka nitomany nohon'ny lehilahy iray izay maty Izy ary nanangana azy indray. Izy no Jehovah-jire, Jehovah-rafa, Jehovah Manase; Izy no Jehovah, tanteraka mihitsy. Izy no Jehovah, kanefa Olona iray Izy. Izy no tompon'ny tany, sy nanao ny tany, nefa tsy nanana toerana iray hametrahana ny Lohany. Hoy Izy hoe, "Ny vorona izay Nataoko dia manana akany, nefa Aho tsy manana toerana izay hametrahana ny lohako. Ny amboahaolo, izay Noforoniko, dia manana lavaka ao anatin'ny tany, nefa Izaho aza tsy manana anankiray akory ho an'ny Tenako, mba hilevenana mihitsy

aza.” Marina izany. Tsy maintsy nindrana fasan’olona Izy mba hilevenana.

¹¹¹ Izy no namorona ny kibo rehetra izay tao anatin’ny vehivavy iray. Tsy nanana kibo mba hahaterahana izy; tsy maintsy nindrana kibo iray izy. Izy no namorona ny tany nefa tsy nanana toerana iray mba hilevenana; Izy tsy maintsy nindrana fa- . . . lavaka amin’ny tany, mba hilevenana, Josefa avy any Arimatia. Hitanareo? Izy ireo dia—izy ireo dia tsy maintsy—tsy maintsy nindrana toerana iray, kanefa Izy no Andriamanitra, nanaporofa fa Izy no Andriamanitra.

¹¹² Ankehitriny, azonareo ve? Isika tsy . . . Mesia kely isika, fa tsy io Jesosy io. Raintsika Izy; voahosotry Ny Fanahiny fotsiny isika, ary izany no antony hoe Ny Fiainany . . . Ary izany no mahazo ny olona. Hitanareo, raha tsy mipetraka ianareo ka mieritreritra tsara an’izany, dia izany no manao ny olona hino hoe, “Eny, io zalahy io no ho Mesia.” Azo antoka fa izany izy.

“Mety ho ity anankiray eto ity izany.” Izany izy roa ireo. Hitanareo? “Eny, ahoana no mety hisian’izy roa ireo?” Misy an’arivony amin’izy ireo. Hitanareo?

¹¹³ Fa hitanareo, Ny Fiainany dia voasaraka tamin’ny Andron’ny Pentekosta. Rehefa nidina io Andry Afo io, dia nisaraka tahaka ny lela Izy ka nipetraka teo ambonin’ny tsirairay tamin’izy ireo, Andriamanitra mizara ny Tenany eo anivon’ny Olony, satria ilay Fiangonana sy Kristy dia Iray, tahaka ny maha-iray ny vady lahy sy vady vavy.

330. Rahalahy Branham, ahoana no tokony hanehoako amin’ny vadiko fa miahy azy marina tokoa aho kanefa milalao . . . na mijanona amin’ny Teny (Izany dia)—mijanona—mijanona amin’ny Teny, nefa mbola manana fanontaniana foana an’ity nanao hoe: “Nahoana ianao no tsy mampihatra an’izay toriana na inoanao?”

¹¹⁴ Eny arak’izany, raha ilay vady vavy, raha ilay vady vavy no milaza an’izany aminao rehefa izy . . . manana zò hilaza an’izany, dia tsaratsara kokoa aminao ny mahitsy. Hitanao, hitanao? Noho izany izy raha—raha milaza an’izany mba ho ratsy fotsiny izy, dia tsarovy, hoy ny Baiboly hoe, “Tsaratsara kokoa ny anantonana vato fikosoham-bary eo amin’ny tendanareo ka alentika any amin’ny ranomasina lalina toy izay hanafintohina ny kely indrindra amin’ireto, ireo madiniko.” Ankehitriny, izany mihitsy ny anao . . . ? . . .

¹¹⁵ Ary angamba tsy karazan’izany olona izany ity vehivavy ity. Angamba hafa izy. Angamba olona tsara iray izy. Angamba mitsapa anao fotsiny izy mba hahitana an’izay hataonao.

¹¹⁶ Ankehitriny, mijanona mitia azy ary avelao izy hahita an’i Jesosy ao anatinao. Ataovy izany. Hitanao? Manohiza fotsiny ianao. Anankiray . . . Manome fanoharana kely iray aho izao maraina izao mikasika olona iray izay . . . Indray mandeha ity

vehivavy kely ity dia—dia nandray ny Fanahy Masina. Olona kely iray tena mora fanahy izy. Izy ireo...Hoy izy...Eny, nanana fiainan-tsarotra iray izy, ary alikaolika ny vadiny. Ary noho izany, nanohy fotsiny izy; naharitra taminy izy. Hoy izy hoe, “Raha te-handeha any am-piangonana ianao, Malala, dia mandehana!” Fa ankehitriny, nandeha nankany amin’ily trano fisotroana izy, tao amin’ny Brown Derby taloha, teto. Nanohy nandeha. Noho izany dia nijanona tany foana izy ireo, Bonifers izany taloha. Maro aminareo an’ny andro fahiny eto no mahatsiaro rehefa nanana i Bonifer teo amin’ny zoron’ny... Antsoina hoe Brown Derby izy ankehitriny, mino aho fa izay ilay izy.

¹¹⁷ Noho izany, nijanona tany, ary ny zavatra voalohany fantatrareo, indray hariva dia nipoitra ny fanontaniana iray mikasika ny fiangonana sy mikasika an’ireo Kristiana. Hoy ny iray tamin’ireo mamolava antitra nipetraka teo hoe, “Tsy misy intsony izany karazana Kristiana izany. Ary tsy misy ny zavatra tahaka an’izany. Io andiana mpihatsaravelatsihy rehetra io,” hoy izy, “mahita azy ireo ianareo eto mifoka, misotro, manao an’ily zavatra iray ihany izay ataontsika, nefa,” hoy izy, “miantso ny tenany ho Kristiana. Tsy misy izany karazan-javatra izany.”

¹¹⁸ Nitsangana ity mamolava anankiray ity ka nanao hoe, “Iray minitra fotsiny! Misy anankiray izay fantatro.”

Hoy izy, “Iza izany?”

Hoy izy, “Ny vadiko izany.” Hitanareo? Lasa mamy sira izy. Nahazo an’izany foana izy.

Hoy izy hoe, “Mifanamby aho fa raha napetraka teo amin’ny fangejana iray izy...”

Hoy izy hoe, “Tsia, mbola Kristiana iray foana izy; hoporofoiko aminao izany.” Hoy izy, “Teneniko aminao izay hataontsika; ndao isika handeha any an-trano, dia hasehoko anao na Kristiana iray izy na tsia.” Hoy izy, “Ndao isika handeha any an-trano, ary ankehitriny, ndao isika ho mamamo marina tokoa. Hihetsika toy ny hoe mamamo marina tokoa isika.” Nandondona teo amin’ny varavarana, niditra mivembena teo amin’ny zavatra rehetra ary—ary... “Nahoana no mipetraka tahaka an’izao ilay seza?” sy ny zavatra rehetra. Ary nametraka seza iray ho azy rehetra izy (ireo vahininy, fantatrareo)—ary niezaka ny hanao azy ireo ho tongasoana arak’izay azo atao. Hoy izy, “Tiako ianao hanamboatra sakafo hariva ho anay.” Ary noho izany izy ireo... Nivoaka izy ka nanamboatra vitsivitsy. Hoy izy, “Mila fehin-kisoa sy atody izahay.” Fantany fa nanana an’izany izy ireo, noho izany dia nanamboatra an’ily fehin-kisoa sy atody izy ireo. Rehefa tonga teo amin’ny latabatra izy, dia nijery azy ireo tahaka an’izao, naka ny viliany, ary nanakapoka an’ily zavatra tamin’ny tany, nanao hoe, “Fantatrao, tsy tahaka an’izao

no itiavako ny atodiko. Avia ry tovolahy ndao isika hiala eto na ahoana na ahoana,” tahaka an’izany—tahaka an’izany.

¹¹⁹ Nivoaka izy ireo ary nipetraka tahaka an’izao, fantatrareo. Dia nivoaka izy; hoy izy hoe, “Malala, izaho—miala tsiny aho fa tsy voamboatrako izy ireo; hanamboatra vitsivitsy amboniny ho anao aho.”

¹²⁰ “Oh, fahadalana, fantatrao fa voalohany dia tsy tahaka an’izao no itiavako azy ireo,” nanao hadalana fotsiny tahaka an’izany. Nivoaka teo izy ireo, dia nipetraka, ary nihetsika toy ny hoe mamomamo. Henon’izy ireo izy tao anatin’ny tao somary nihira irery tamin’ny feo ambany, nihira tamin’ny feo tena moramora:

Tsy maintsy Jesosy irery ve no hitondra ny hazo
fijaliana,
Ka handeha malalaka izao tontolo izao?
Misy hazo fijaliana iray ho an’ny tsirairay avy,
Ary misy hazo fijaliana iray ho ahy.
Io hazo fijaliana nohamasinina io no ho entiko,
Mandra-panafaky ny fahafatesana ahy.

Nijery an’ily iray hafa ny mamolava iray, nanao hoe, “Kristiana iray izy; ananany ilay izy!” Ary io vehivavy kely io no nitarika ny vadiny, miampy an’ireo hafa ireo ho eo amin’i Kristy tamin’io hariva io. Hitanareo? Nahoana? Hitanareo? Aoka ianao ho tena mora fanahy fotsiny. Tsarovy fotsiny, Fantany ny rehetra mikasika an’izany.

¹²¹ Noho izany, ranabavy, na rahalahy, na mety ho iza ilay izy, na rahalahy, izany ilay izy eto, satria nanontany mikasika ny vadiny izy, aoka ho mamy sira fotsiny ianao; hangetaheta izy raha misy zavatra hangetaheta ao anatin’ny. Raha tsy izany, dia tsarovy, raha nahazo olona ratsy ianao, dia hahazo ilay anankiray tsara ianao ao amin’ny Arivo taona. Manohiza mandeha fotsiny; hatao mahitsy ny tsy mety rehetra any.

331. Rahalahy Branham, mampianatra ve ianao fa ny Ampakarina dia tsy tokony ho any amin’ny fiangonana iray raha tsy ianao no mitory teny any, na izany hoe ny tabernakla, amin’ny teny hafa, ny tabernakla? (*Misy izany hoe, izany dia midika hoe “amin’ny teny hafa.”*)

332. Iza koa, mampianatra ve ianao fa isika dia tsy mila mitandrana ny—ny Alahady na ireo andro fety, mikasika ny hoe miasa, manjono, sy ny sisa? Na . . . (Hilaza aho fa Alahady izany. Toy ny hoe Alahady ilay izy amiko. Na eo amin’ny farany ambany dia toy ny hoe . . . na Alahady, ataoko fa izay ilay izy, ireo andro fety na Alahady. Hia, Alahady, toa tahaka an’izany ve ilay izy? Andro masina—andro masina, Alahady ary andro masina.)

¹²² Tsia! Diso ianao. Hitanareo? Mamelà ahy hamerina ary hamaly azy fotsiny arakaraky ny androsoako.

Mampianatra ve ianao fa ny Ampakarina dia tsy tokony handeha any amin'ny fiangonana iray hafa raha tsy ianao no mitory teny—mitory teny izany hoe, amin'ny teny hafa, ny tabernakla?

¹²³ Tsia! Tsy mampianatra an'izany aho. Tsy mino an'izany aho; tena tsy mino an'izany aho. Manana mpitoriteny isika mipetraka eto izay miparitaka manerana ny firenena rehetra, ary mino aho fa ampahan'io Ampakarina io izy ireo. Mino aho fa ny lehilahy na vehivavy iray dia afaka mandeha any amin'ny fiangonana na aiza na aiza tian'izy ireo haleha izay mampianatra ny Teny. Ary mino aho, raha tsy mampianatra ny Teny manontolo izy ireo, ary tsy afaka mandeha any am-piangonana any amin'ny toerana hafa izay ampianaran'izy ireo ny Teny manontolo ianareo, dia mandehana any amin'izay ampianaran'izy ireo ny antsasaky ny Teny mandra-pahatonganareo any amin'izay ampianaran'izy ireo ny Teny manontolo. Mandehana any am-piangonana na inona na inona ataonao. Ataovy izany.

Mampianatra koa ve ianao fa isika dia tsy maintsy—isika dia tsy maintsy...tsy mila mitandrana ny Alahady, na andro masina, na—na miasa, na ohatra hoe miasa, na manjono ny Alahady?

¹²⁴ Mino aho fa fahotana ny manjono, sy mihaza, ary miasa ny Alahady nefa afaka mandeha any am-piangonana ianareo. Ankehitriny, mino aho fa mandika ny lalàn'Andriamanitra ianareo. “Misy didy ho an'izany ve?” Eny, tompoko! Ankehitriny, ao amin'ny Testamenta Taloha dia nanana tandindona iray an'ny andro Sabata isika. Izany dia ny rehetra... Ary tsy tonga mba hitandremanareo ny andro Sabata Jesosy. Ny Sabata fahiny dia ny Sabotsy, izay faran'ny herinandro. Ny Alahady no andro fahavalo, na andro voalohany amin'ny herinandro, izay nitsanganan'i Jesosy.

¹²⁵ Tsy mino aho fa tsara ny... Ankehitriny, raha any an-efitra lavitra any ho any ianareo, ary any ivelany ianareo eo amin'ny dia fihazana, tsy misy fiangonana manodidina, zavatra tahaka an'izany, ary tsy misy na inona na inona azonareo atao; ary raha nanjono ianareo, dia mino aho fa ho mety tsara izany. Fa raha eto an-tanàna ianareo, na manodidina izay misy fiangonana, dia tokony handeha any am-piangonana amin'ny fomba rehetra ianareo, any ho any.

¹²⁶ Ary mino aho, raha mikasika ny miasa, mino aho fa raha ao anaty hady ny omby, na misy zavatra tsy maintsy atao ny Alahady, dia mandrosoa ary ataovy ilay izy, raha zavatra izay tsy misy azonareo atao ilay izy, dia tsy maintsy tahaka an'izany no iasany. Fa raha manao an'izany fotsiny ianareo, ary miandry hatramin'ny Alahady hanaovana azy, na manao an'ilay izy fotsiny tahaka an'izany, dia diso ianareo. Hitanareo?

Tsy tokony hanao an'izany isika, tokony hanaja an'izany andro masina izany isika.

¹²⁷ Ary ankehitriny, tsarovy, mandehana any am-piangonana any ho any, toerana iray. Raha... Izaho—afaka miantso fiangonana ara-anaram-piangonana iray aho, fa tsy hanao an'izany aho, satria ity fiangonana ity, ny zavatra tokana fantatro fa ampiaranin'izy ireo izay inoako fa izany, dia milaza izy ireo hoe mino fa Jesosy Kristy no Zanak'Andriamanitra. Eny, mino an'izany aho. Ny fampianarany hafa rehetra dia... Izy ireo dia mino ny... ary ny famelàna ny fahotana dia amin'ny alàlan'ny rano. Ankehitriny, tsy ny an'ny Tokana izany; manao an'ilay zavatra iray ihany izy ireo, fa tsy miresaka mikasika azy ireo aho. Izy ireo dia mino an'io—io fahaterahana indray amin'ny alàlan'ny rano io, sy ny sisa. Ary izaho tsy mino an'izany. Ary izy ireo, oh, mino izy ireo fa raha misy zavatra misy fanasitranana avy amin'Andriamanitra ao anatiny dia avy amin'ny devoly izany. Ary izy ireo dia mino ny rehetra... Izy ireo no tokana—izy ireo no zavatra tokana izay misy, ary ny zavatra tokana izay tsy maintsy ataonareo dia ny mametraka ny anaranareo eo amin'io boky io. Ary raha tsy manana an'izany ao ianareo, dia very. Ankehitriny, tsy mino an'izany aho. Fa raha tsy nisy fiangonana hafa handehanana (tsy ho nandeha tany hitsikera aho), dia ho nandeha tany aho miaraka amin'ny fikasan'ny fanatrehako, ary mipetraka eo akaikin'ny olona iray aho, mba ahafahan'i Kristy izay tao am-poko hitaona olona iray ao. Mandehana eo anivon'izy ireo, fa aza mpandray anjara amin'ny tsi-finoan'izy ireo.

333. Ranadahy Branham, te-handray ny Fanahy Masina aho. Te-hahafantatra an'izay hatao aho. Manana enta-mavesatra aho mba hahavoavonjy ny fianakaviako. Ary nanao sonia ny anarany ilay anabavy.

¹²⁸ Raha te-handray ny Fanahy Masina ianao, dia mamelà ahy hiteny zavatra aminao, Ranabavy malalako, raha eto ianao. Ary—ary—izaho... (Rahalahy Neville, mambra iray an'ny fiangonana eto ve ity? Eo amin'ny farany ambany...?) Izaho tsy—tsy tsaroako koa izy ireo. Fa raha—raha eto ianao, Ranabavy B-o-u-g-h, raha eto ianao, dia mamelà ahy hiteny aminao. Hoy ny Baiboly hoe, “Sambatra ireo izay noana sy mangetaheta ny fahamarinana...” Tena sambatra ianao na dia ny mila an'Izany fotsiny aza. Hitanao? Ankehitriny, tsarovy, tsy hoe ianao—iana—manana Azy ianao, fa sambatra ireo izay noana sy mangetaheta an'Izany, “fa izy ireo no hovokisana.” Mijanona tsara amin'izany fotsiny.

¹²⁹ “Inona no tokony hataoko ho an'ny fianakaviako?” Ampiasao ilay finoana iray ihany izay ampiasainao ho an'ny tenanao, ho an'ny fianakavianao. Apetraho amin'ny Tompo izy ireo ary minoa amin'ny fonao rehetra fa ho voavonjy ianao. Avelao izany... Aza mamela an'izany ho tonga fotsiny

eo amin'ny fisainanao ara-boajanahary eto, avelao hidina any ambany ao amin'ilay anatin'ny izany, ilay amparahatoka, amin'izay fotoana izay dia anao izy ireo. Omen'Andriamanitra anao izy ireo rehefa anananao eto ambany eto izany.

¹³⁰ Na inona na inona anananao ao am-ponao eto ka angatahanao izany, rehefa mivavaka ianao, dia minoa fa azonao izay angatahanao. Ankehitriny, tsy afaka misalasala an'izany intsony ianao. Tsy afaka mino an'izany ianao ary misalasala an'izany amin'ny fotoana iray ihany. Firy no mahafantatra an'izany? Tsy afaka mino sy misalasala amin'ny fotoana iray ihany ianao. Tsy maintsy mino ianao fa izay angatahanao, dia azonao izany, avy eo dia nilaza Zzy fa homena anao izany. Noho izany dia minoa fotsiny ho an'ny fianakavianao, dia ho azon'izy ireo izany.

334. Rahalahy Branham, ahoana ny amin'ny zanakalahinay satria—satria tsy ao amin'ny—tsy mitory mikasika an'ireo Trompetra? Tsaroanao ve ny fampanantenana nomenao ahy teo amin'ny telefona mikasika azy sy ireo Trompetra Fito?

¹³¹ Tsy tsaroako izany. Tsy tsaroako hoe inona ilay izy. Fa na inona na inona ilay izy, ampahafantaro an'i Billy Paul hoe inona ilay izy. Na inona na inona nampanantenaiko, dia hataoko izany. Tsy tsaroako. Fantatrareo, izaho . . . Indraindray aho dia mahazo, angamba amin'ny alina iray, mamaly antso telopolo, efaolo amin'ny fotoana iray, hitanareo, noho izany dia tsy tsaroako hariva aorian'ny hariva, indraindray rehefa eo aho, noho izany dia tsy azoko ilay izy na inona na inona.

Ahoana ny amin'ny rahavaviko sy ny anadahiko Katolika? Misaotra anao.

¹³² Oh, avy any ivelan'ny tanàna ity olona ity, lavitra any Texas. Izaho . . . Eny, ranabavy, raha ianao—raha avy any Texas ianao ary mahazo an'ity horonam-peo ity, na raha misy horonam-peo iray, ataoko fa tsy hisy horonam-peo eo amin'ity, fa raha misy . . . (Manao horonam-peo ve izy ireo? Manao an'izany ve ianareo?) Eny àry, raha izy ireo . . . Ny horonam-peo . . . Noho izany dia teneniko aminao hoe inona. Raha ianao . . . Eo amin'ity horonam-peo ity, rehefa hitanao ity, dia tsarovy, “Ahoana ny amin'ny zanakalahinay rehefa . . . mikasika an'ireo Trompetra Fito?” Tsy tsaroako ny mikasika an'izany, raha tsy hoe nampanantena ny hahita azy aho na zavatra hafa mandritr'ireo Trompetra Fito. Raha nampanantena aho, dia hahita azy; satria tsy nitory an'ireo Trompetra Fito aho, nitory *Ny Fetin'Ny Trompetra* aho. Azonao ny mikasika an'izany.

¹³³ “Ary ahoana ny amin'ny rahavaviko sy ny anadahiko Katolika? Misaotra anao!” Hoteneniko aminao, Rtoa. C-o-r-n-i-l-s-e-n . . . Raha eto ilay ramatoa, jereo i Billy Paul izao maraina izao. Ary—ary raha tsy izany, eny, izaho dia—izaho dia—izaho—tsy azoko hoe inona ilay izy (hitanao?); fanontaniana iray fotsiny

ilay izy. Izaho—tsy mety azoko ilay izy (hitanao?), inona ilay izy, satria nampanantena zavatra mikasika ny zananilahy sy ireo Trompetra ary mikasika anabavy Katolika iray aho; ary izaho—izaho tsy—tsy ao an-tsaiko ankehitriny ny hahatsiaro an'izany. Jereo fotsiny, Billy.

Ity dia tsy maintsy. . . Fangataham-bavaka iray fotsiny ity. Manome ny anaran'ilay olona ka nanao hoe, “aretin'andoha sy aretin'ny taolan'orona.” Noho izany ity fotsiny dia. . . Mivavaha fotsiny ho azy ireo, heveriko. Eny àry.

335. Azavao azafady ny fanambadiana sy fisaraham-panambadiana. (Efa azoko izany. Fanontaniana fito ity, fanontaniana valo amin'ny singan-taratasy iray.) **Azavao azafady ny fanambadiana sy fisaraham-panambadiana.**

Efa nataoko.

336. Mosesy sy—sy Elia eto an-tany ve ankehitriny? Eto an-tany ve i Mosesy sy Elia ankehitriny? Eto Amerika ve izy ireo?

¹³⁴ Tsia! Hitanareo? Tsia, tsy eto izy ireo; tsy ho eto izy ireo raha tsy efa esorina ilay Fiangonana, avy eo Mosesy sy Elia. . . Firy no mahazo an'izany? Eny àry. Ary ndao jerentsika. Tsy manana anarana voasonia izy ireo eo amin'ity, noho izany. . . Eny àry. Raha iza no hany nametraka an'ireto fanontaniana ireto. . . Mino aho fa misy fito amin'izy ireo; nomeko. . . nanamarika fito. Eny àry!

337. Azavao ny fahasamihafana eo amin'ny “Anaran'i Jesosy,” sy ny “Anaran'i Jesosy.” (Andraso iray minitra.) **Azavao ny fahasamihafana eo amin'ny anarana “Jesosy” sy ny “Anaran'i Jesosy.”**

¹³⁵ Eny, ho iray ihany izy roa ireo raha ampiharina amin'ny fomba iray ihany (hitanareo?), ampiharina amin'ilay Olona iray ihany, ny anarana *Jesosy*, sy ny *Anaran'i Jesosy*. Ny *Anaran'i Jesosy* sy ny anarana—ny anarana hoe *Jesosy* dia izay maha-Izy Azy. Ny *Anaran'i Jesosy* dia miresaka ny amin'ilay Olona, noho izany ilay izy dia ho ilay iray ihany. . . Heveriko fa izany dia. . . Tsy toa mitombina ve izany? Hitanareo? Ny anarana *Jesosy* dia ilay Olona Izy tenany, ary ny *Anaran'i Jesosy* dia ianareo manondro an'io Olona io. Hitanareo?

¹³⁶ Atao hoe, ny anarako dia *William*. Izaho izany. Eny àry. Ankehitriny, hoy ianareo. . . Miresaka aho. . . Ny *anaran'i William*, amin'izay fotoana izay dia manondro ahy ianareo. Izany no anarako. Hitanareo? Ankehitriny.

338. Niova ve ny Anaran'ny Tompo tamin'ireo fizaram-potoana samihafa?

¹³⁷ Eny, eny! Izany dia nantsoina indray mandeha—Izy dia antsoina hoe ilay IZAHO NO IZY. Izy dia nantsoina hoe Jehovah, ary nanova imbetsaka Izy. Ny fotoana farany niovan'izany dia rehefa tonga nofo Andriamanitra ary naka anaran'olombelona.

¹³⁸ Jehovah, IZAHO NO IZY, ary ireo rehetra ireo, dia titra an'ny Anarana iray. Hitanareo? Natao batisa tamin'ny anaran'i Jehovah ianareo, tsy maintsy ny Anaran'i Jesosy Kristy izany. Natao batisa tamin'ny anaran'i Jehovah-rafa ianareo, Jehovah Manase, ary Jehovah-jire, ianareo rehetra, tsy maintsy Jesosy Kristy izany. Ilay IZAHO NO IZY dia Jesosy Kristy.

¹³⁹ Tsarovy, nitsangana teo tamin'io andro io, ary hoy Izy hoe, “Milaza ianareo fa nihinana mana tany an-efitra ianareo . . .”

“Ny razanay nihinana mana.”

“Fa maty!” hoy Izy.

¹⁴⁰ Hoy izy ireo hoe, “Eny, fantatray ankehitriny fa adala ianao, satria olona iray fotsiny ianao ary tsy mihoatra ny dimampolo taona, nefa milaza fa nahita an'i Abrahama ianao.”

Hoy Izy hoe, “Talohan'ny nisian'i Abrahama dia, IZAHO NO IZY.” Hitanareo? Izy no IZAHO NO IZY. Ary ireo titra sy anarana rehetra izay hany an'Andriamanitra dia natao Anaran'olombelona anankiray, Jesosy Kristy Tompo. Eny àry.

339. Ankehitriny: Raha mitsahatra ny fotoana rehefa nosokafana ireo Tombokase, amin'izay fotoana izay dia . . . Raha nitsahatra ny fotoana (mamelà ahy) rehefa nosokafana ireo Tombokase, amin'izay fotoana izay ny Arivo taona koa—amin'izay fotoana izay dia tapitra koa ny Arivo taona, sa tsy izany?

¹⁴¹ Tsia, tsia! Tsy nitsahatra ny fotoana rehefa nosokafana ireo Tombokase. Tsy azo tsara ilay izy. Ny nitranga, voambara ireo zava-miafina, fa tsy ny fotoana no nitsahatra. Hitanareo? Jereo fotsiny. Diniho tsara mihitsy ankehitriny, ary alefaso ny horonam-peonao raha nahazo an'izany avy amin'ny horonam-peo iray ianao. Hitanao?

¹⁴² Tsy nitsahatra ny fotoana mandra-pahatongan'ny . . . Tsy maintsy ho mpino ny arivo taona efa lasa ity na zavatra hafa, izay nametraka an'ilay fanontaniana. Satria hitanareo? Manana arivo taona iray isika aorian'ny nahalasanan'ilay Fiangonana any an-Trano ary miverina eto an-tany. Amin'izay fotoana izay no mitsahatra ny fotoana ao amin'ny Lanitra Vaovao sy ny Tany Vaovao.

¹⁴³ Ankehitriny, tsy ny Arivo taona no Lanitra Vaovao sy ny Tany Vaovao. Mbola hisy fahotana foana aorian'ny Arivo taona. Ny Arivo taona dia tandindon'i Noa niditra tao anatin'ny sambofiara, ary nentina, ary nitondra an'i Hama sy izy ireo teny amin'ilay ilany hafa. Ary nivoaka avy tao amin'ny sambofiara mihitsy aza ny fahotana. Hitanareo?

¹⁴⁴ Fa Enoka, ilay anankiray nafindra, dia tandindon'ilay Ampakarina izay niakatra, fa tsy ilay anankiray izay nentina. Noho izany dia mbola ho eo amin'ilay ilany hafa an'ny Arivo taona foana ny fahotana, fa tsy mandritra ny Arivo taona.

Hitanareo? Mandritra ny Arivo taona dia fiadanana. Hitanareo? Fa ny fahotana dia hokarakaraina eny amin'ilay ilany hafa an'ny Arivo taona, ary amin'izay fotoana izay vao mifarana ny fotoana.

¹⁴⁵ Ary ankehitriny, ny fanokafana an'ireo Tombokase Fito izay nomen'ny Fanahy Masina, ireo Tombokase Fito dia natao hampahafantatra fotsiny an'izay tavela tao amin'ireo fizaram-potoana ao aoriantrika.

¹⁴⁶ Ankehitriny, tahaka ny niezahan'ny teolojiana malaza iray nanery ahy teo amin'izany, hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, ianao... Hanome anao ny tsiambaratelon'ireo Tombokase Fito ireo Andriamanitra indray andro. Ireo Tombokase Fito ireo dia ho zavatra izay mbola tsy nianarantsika mihitsy, fa ho zavatra izay tsy ao anatin'ny Baiboly akory aza izany." Tsia, tsia! Tsy ho izany ilay izy, satria raha manao an'izany ianareo, izany dia hanao an'ilay izy ho... Raha niteny an'izany taminareo aho, dia ho mpaminany sandoka, satria (hitanareo?) ity Teny ity... Eo... Ny zavatra rehetra izay—izay... Ny fanambaran'i Jesosy Kristy manontolo dia feno tanteraka ao amin'ity Teny ity. Hitanareo? Ary raha mikasika an'ireo fiangonana fito ireo Tombokase Fito, dia tsy maintsy efa lasa izany, satria ao amin'ny Taom-Piangonan'i Laodikia isika. Ary ireo Tombokase Fito dia nanambara fotsiny ihany an'izay navelan'izy ireo tany aoriana tany, ary nanokatra an'izay navelan'izy ireo izany; izay navelan'i Luther; izay navelan'i Wesley; ary ny mpanavao rehetra, sy ireo Pentekotista, ary hatramin'ny fotoana ankehitriny.

¹⁴⁷ Ankehitriny, ny zavatra manaraka tavela dia ny famindrana an'ilay Fiangonana, ny fiverenan'i Mosesy sy i Elia, ny fanjakana Arivo taona eto an-tany miaraka amin'ny Ampakarina sy Mpampakatra mandritra ny arivo taona, ary avy eo ny Hazo Fitsarana, ary avy eo dia fandranganana tanteraka ny fahotana. Tsy hisy intsony izany amin'izay fotoana izay.

¹⁴⁸ Ankehitriny, tsy ny... Mitsahatra... Tsy namarana ny fotoana mihitsy ireo Tombokase. Fotoana na vanim-potoana mandra-pahatongan'ny aorian'ny Arivo taona. Tsia! Mbola hisy foana ny fotoana mandra-pahatongan'ny aorian'ny Arivo taona.

340. Misy idiran'ny Arivo taona amin'ny taona arivo anankiray ve? Tsy mety ho taranaka iray ve izany?

¹⁴⁹ Tsia! Ny taranaka iray ao amin'ny Baiboly dia voatsinjara ho efapolo taona. Fa hoy ny Baiboly hoe, "Ary velona sy nanjaka niaraka tamin'i Kristy nandritry ny arivo taona izy ireo." Ho arivo taona iray eo ambonin'ny tany izany, satria ny arivo taona iray eto ambonin'ny tany dia isaina fotoana iray fotsiny, toy ny fanoharana amin'Andriamanitra, toy ny indray andro. Ny arivo taona eto ambonin'ny tany dia indray andro fotsiny amin'Andriamanitra, araka ny fanisam-potoan'Andriamanitra. Firy no mahazo an'izany ankehitriny?

¹⁵⁰ Noho izany, izany dia ilay andro Sabata izay tsy hiasan'ily Fiangonana mafy hanohitra ny fahotana intsony. Ary voafatotra mandritry ny vanim-potoana kely i Satana, arivo taona, satria ny olony dia ao amin'ny helo daholo, ary ny . . . Ilay Fiangonana izay eto an-tany dia navotana ary ao amin'ny Fanatrehan'i Kristy mihitsy, noho izany dia tsy manana na inona na inona azony iasana izy. Noho izany, tsy rojo iray izany, araka ny nolazaiko, rojon-kazo iray, fa rojon-java-misy iray izany; tsy manana na inona na inona azony atao izy. Tsy afa-manoatra sy tsy manana fanantenana izy, miandry fotsiny ny fitsanganan'ireo olony; noho izany dia sarahina tahaka ny ondry amin'osy izy ireo.

341. Tsy nanatona an'i Solomona mba hitsapa azy ve ilay mpanjakavavin'i Sheba—hitsapa azy mba ny tenany mihitsy no hahita raha ny—raha Solomona marina tokoa no anaran'ny Tompo na tsia? (Tsy mino aho fa azoko izany. Andraso fotsiny.) **Tsy nanatona an'i Solomona mba hitsapa azy ve ilay mpanjakavavin'i Sheba mba ny tenany mihitsy no hahita raha Solomona marina tokoa no anaran'ny Tompo na tsia?** (Izaho—tsy azoko angamba ity anankiray ity. Izao fotsiny . . . Miala tsiny iray minitra fotsiny aho. Mamelà ahy hamaky azy indray.) **Tsy nanatona an'i Solomona mba hitsapa azy ve ilay mpanjakavavin'i Sheba mba ny tenany mihitsy no hahita raha Solomona marina tokoa no anaran'ny Tompo na tsia?**

¹⁵¹ Tsia! Tsy nitsapa mihitsy izy mba hahitana raha—raha Solomona no anaran'Andriamanitra. Mpanjaka iray i Solomona. Tonga izy, ary hoy izy, izy—hoy izy hoe, “Marina tokoa fa Andriamanitra dia momba ny Mpanjakany sy momba ny Olony.” Hitanareo? Tonga izy ary notsapaina . . . Nitsapa an'i Solomona mikasika ny fanomezam-pahasoavany izy, satria nanana zavatra tao am-pony izy izay nambaran'i Solomona taminy, izay naneho fa izy no mpanjakan'Andriamanitra teto ambonin'ny tany.

¹⁵² Tsaroanareo tany, mino aho, tany—tany—tany . . . Izay nihaviany, tany amin'ny tanin'i—i—i—i Sheba izay nihaviany, nandalo ny olona, fantatrareo, ary—ary niteny mikasika an'ireo zavatra lehibe izay niseho, hoe nanana Andriamanitra iray izy ireo tany izay nanosotra ny mpanjakany, ary ny . . . ahoana fa voahosotr'Andriamanitra ilay mpanjaka. Tsy mino aho fa nihevitra izy fa ny anaran'i Solomona, na, ny anaran'Andriamanitra dia Solomona, satria raha nihevitra izy, dia ho nanao azy ho mpanompo sampy iray indray izany. Hitanareo? Noho izany, izy—tena afaka nanao an'izany izy. Tao am-pony dia afaka nihevitra izy fa Andriamanitra dia Solomona, Solomona dia Andriamanitra, satria mpanompo sampy iray izy eo am-panombohana. Fa rehefa nambaran'i Solomona taminy ny tsiambaratelo tao am-pony, tamin'ny alàlan'ny—ny fanomezam-pahasoavan'ny famantarana iray; izay antsoina, tamin'izany, hoe fahendrena. Namantatra

an'izany izy. Fantany fa nomba an'i Solomona Andriamanitra, satria tamin'izay fotoana izay . . . Izy ireo dia . . . Hitany . . . Raha tonga niaraka tamin'izany tao an-tsainy izy . . .

¹⁵³ Raha ny—raha ilay olona eto, ilay mpanontany, dia manontany hoe, “Fantany ve tamin'izany fa i Solomona marina tokoa . . . ny anaran'ny Tompo dia Solomona marina tokoa?” Hitanareo, tsy Solomona no Tompo; hitany tamin'ny alàlan'ny olona izany, satria nanompo an'i Jehovah izy ireo, ary teo ilay fiara lehibe, sy ilay fanekena lehibe, ilay—ilay fiara izay nisy an'ireo didin'ny Tompo. Ary niteny taminy mikasika ny teo amin'ny Tendrombohitra Sinay izy ireo sy ireo toerana samihafa izay nisy azy ireo. Ary noho izany, dia afaka nahita izy hoe Andriamanitra—hoe tao anatin'io lehilahy io ilay Andriamanitr'io fanekena io, satria izy dia nanana—nanana famantarana izay an'Andriamanitra irery ihany izy. Hitanareo? Noho izany dia fantany fa—fa tao amin'i Solomona Andriamanitra. Fa ankehitriny, mety ho tahaka an'izany no amakiana azy raha manontany an'izany ilay mpanontany. Fa, “Fantany ve fa Solomona marina tokoa no anaran'i Tompo?” Angamba tsy arak'izay noeritreretin'izy ireo mihitsy no nanoratany an'izany. Hitanareo? Noho izany heveriko fa angamba izy ireo dia nilaza—nilaza an'izao: “Hoe tao amin'i Solomona ny Tompo.” Eny, azo antoka fa tao. Satria raha izany ilay fanontaniana, azo antoka! Nahafantatra an'Andriamanitra izy, satria nanao an'io fanamarihana io. Ary tsy te—hanompo andriamanitra hafa izy. Ary mino aho fa izy—nilaza izy fa izy isan'andro dia . . . Hitany hoe nahoana . . . Tsy nanana fofon'aina tavela izy tao anatin'ny; tsy nanana fanontaniana tavela izy tao anatin'ny. Nambaran'i Solomona mihitsy ilay zavatra manontolo, ka fantany fa nomba azy Andriamanitra.

342. Izahay — iraiky amby roapolo taona lasa izay no nivadianay tamin'ny alàlan'ny fitsaran'ny fandriampahalemana. Izany — tsy nety ve izany?

¹⁵⁴ Eny, tsy nety ny nanaovanareo an'izany. An'ny tranon'Andriamanitra ny fanambadiana. Fa satria efa mivady ianareo, dia izao rehefa mivady marina tokoa ianareo: mivady ianareo rehefa mifampivoady, rehefa mifampanantena ianareo hoe ianareo dia . . . hoe hifampitondra ianareo. Ny fitsaran'ny fandriampahalemana dia afaka manome alàlana anareo, fepetra araka ny lalàna izany, ny fiarahana miaina amin'ny mahavady lahy sy vady vavy tsy ho vady lahy sy vady vavy tsy aradalàna. Fa rehefa mampanantena an'ity zazavavy ity ianao, ary ity . . . mampanantena an'io lehilahy io ianao fa hiaina mahatoky aminy, ary raisinao ho vadinao izy, amin'izay fotoana izay ianareo vao mivady. Tsaroanareo, nanazava an'izany aho tamin'ny herinandro lasa, mino aho fa izay ilay izy. Hitanareo? Rehefa mampanantena azy ianareo. Hitanareo?

¹⁵⁵ Na tao amin'ny taloha aza—tao amin'ny Baiboly taloha,

raha voafofo ho an'ny virijiny iray ny lehilahy iray, ary (fantatrareo ny lalàna mikasika an'izany. Nahoana, mitovy amin'ny fijangajangana iray mihitsy izany. Izany tokoa!) rehefa nampanantena izy, dia izay ilay izy.

¹⁵⁶ Napetraka ilay fanontaniana indray andro hoe, “Ny fanafoanana—fanafoanana—ny fanafoanana iray ve mitovy amin'ny fisaraham-panambadiana?” Hitanareo? Rehefa manontany ahy an'ireo fanontaniana ireo ianareo, ry sakaiza, dia tsy fantatrareo izay ataon'izany amiko. Manana sakaiza maro aho mipetraka eto izay nanambady indroa na intelo. Fantatrao ve fa miresaka amin'ny zanakolahy manokana aho, Billy Paul? Hanala an'i Billy Paul ve aho? Tsia tokoa! Billy Paul dia nanambady zazavavy kely iray, ary nanatona, ka nanao hoe, “Dada, hanambady aho.”

¹⁵⁷ Nanasa ny fiarako aho; hoy aho hoe, “Akapohy amin'ny rindrina ny lohanao,” nanohy nanasa ny fiarako tahaka an'izany fotsiny.

Hoy izy hoe, “Hanambady aho.”

Hoy aho hoe, “Oh, mandehana,” nanohy tahaka an'izany fotsiny. Nihodina izy ary niteny tamin'ny reniny, dia nihomehy azy ny reniny. Fantatrareo ve izay nataony? Nandositra niaraka tamin'ny ankizy kely mbola any amin'ny sekolim-panjakana ary nanambady. Nofonanay ilay mariazy, ny rain'io zazavavy io sy ny tenako. Nofonanay ilay mariazy, saingy manambady izy na izany aza. Io ny zanakolahy mipetraka eto mihaino ahy ankehitriny. Ankehitriny, marina tokoa izany.

¹⁵⁸ Nanatona ahy izy niaraka tamin'ilay tovovavy izay iarahany miaina ankehitriny, ny vinantovaviko. Ny zafikeliko . . . Hoy izy hoe, “Dada hampanambady ahy ve ianao?”

¹⁵⁹ Hoy aho hoe, “Tsia velively.” Ny zanakolahy manokana izany. Mihevitra ve ianareo fa tsy mandidy ahy hatrany amin'ny tsoka izany nefa izaho no nitondra azy teo an-tsandriko ary nanao ny zavatra rehetra izay azoko natao, ary izaho efa sady ray no reny ho azy? Mihevitra ve ianareo fa tsy mamono ahy ny milaza an'izany? Saingy izany no Fahamarinana. Izany tokoa! Ny zanakolahy mipetraka eto mihaino . . . Ny vinantovaviko sy ny zafikeliko mipetraka eto mihitsy ankehitriny . . . Saingy teneniko aminy fa tsy mety izany (hitanareo?), satria tsy maintsy miteny aho. Voafatotr'ity Teny ity aho.

¹⁶⁰ Ary milaza aho, nampivadian'ny mpitsara ve ianareo? Tokony ho nampivadian'ny fiangonana ianareo, tamin'ny alàlan'ilay mpitoriteny. Izany no zavatra mendrika hataon'ny Kristiana iray. Fa satria efa nanao an'io fampanantenana io ianareo, sy voady, ary efa nivady iraika amby roapolo taona lasa izay, heveriko fa mety tsara izany.

Hoy ianareo hoe, “Eny izaho . . .”

¹⁶¹ Ny fanontaniana dia mety hoe, “Tokony ho avy ve aho ary hampivadiana indray?” Raha irianao izany. Aza manana na inona na inona ao an-tsainao izay manelingelina ny finoanao, satria raha misy zavatra ao, dia tsy afaka handeha lavitra noho izany mihitsy ianao; mijanona eo mihitsy. Rehefa tonga io baraingo io, dia eo no hiafaranao, eo mihitsy. Fa ankehitriny, ho ahy dia ho mety tsara izany.

¹⁶² Ilay lehilahy nanao batisa ahy tamin’ny Anaran’i Jesosy Kristy Tompo dia nandroaka ahy hiala tamin’ny fiangonana tamin’ny farany, satria tsy nifanaraka taminy aho mikasika an’ireo vehivavy mpitory teny. Tsy nanao ahy hatao batisa indray izany. Hitanareo? Azo antoka fa tsia. Hitanareo? Mety tsara izany.

¹⁶³ Fa tsarovy fotsiny, fa mandidy ahy ireo zavatra ireo. Manana sakaiza akaiky aho mipetraka eto, lehilahy sy vehivavy izay handray ny azy... hametraka ny... hanongotra ny masonry ka hanome ahy an’izany raha mangataka an’izany amin’izy ireo aho (eny, tompoko!), ary nanambady indroa izy ireo, indraindray intelo, mipetraka eto izao ankehitriny izao. Ary ny zanakolahy manokana, ny zafikeliko manokana, ny zafi-... ary ny vinantovaviko izay tiako... Jereo i Billy, toy ny ahoana no nijoroako teo anilany ary toy ny ahoana no nijoroany teo anilako, fa mba hilazana ny marina na ny marina, ny marina dia marina.

¹⁶⁴ Izaho manana... Afaka mivoaka eto aho androany ary miantso ny sasany amin’ireo Assemblées de Dieu na ny sasany amin’ireo olona ireo ka miteny amin’izy ireo hoe, “Izaho manana... izaho dia... diso tanteraka, tsy hijanona amin’ity Teny ity aho, hijanona miaraka aminareo aho.” Mety ho tena olona malaza iray tsy ho ela mihitsy aho angamba miaraka amin’ilay fanomezam-pahasoavan’Andriamanitra. Ny hanipy ny fitaomako rehetra amin’ny iray amin’ireo rafi-pandaminana ireo, ho nanana anarana goavana iray aho angamba eo anivon’izy ireo. Tsy miraharaha mikasika ny anarako eo anivon’izy ireo aho. Tiako izy ireo, izany no fahamarinana. Saingy tsy maintsy ho marina aho. Izaho—izaho—ho mpihatsaravelatsihy iray aho raha nanao an’izany.

¹⁶⁵ Ary ho mpihatsaravelatsihy aho raha nitsangana teto satria mipetraka eto ny zanakolahy manokana izay nampanantenaina ho an’ny zazavavy iray, ary nilaza aho... Raha—raha tsy mbola nanana an’ilay lanonana nolazaina taminy mihitsy aza izy, tsy mampaninona raha efa hany niaina niaraka tamin’ilay vehivavy aza izy, na natory niaraka taminy, ilay zazavavy, na inona na inona ilay izy, rehefa nanao an’io voady io izy, dia nanambady izy, Billy Paul na tsy Billy Paul. Izany marina tokoa no fahamarinana! Manambady izy rehefa nanao an’izany fampanantenana izany. Raha izaho izany, dia mitovy ihany.

¹⁶⁶ Tsy maintsy mahitsy fo isika. Raha tsy afaka hahitsy fo

amin'ny zanakolahy aho, dia tsy afaka hahitsy fo aminareo. Raha tsy mahitsy fo aminareo aho, dia tsy hahitsy fo amin'Andriamanitra. Ary tiako ianareo hino an'izay teneniko aminareo ho hevitra tsotra sady marina. Aza manao zavatra hafa avy amin'izany, lazao arak'izay nilazako azy fotsiny ilay izy (hitanareo?), satria hiteny aminareo ny Fahamarinana aho.

¹⁶⁷ Ankehitriny, tsy miresaka aminareo rehetra tahaka an'izany matetika loatra aho, satria zanako ianareo, izany no iantsoako anareo. Izaho no niteraka anareo ho an'i Kristy tamin'ny alàlan'ny Filazantsara. Ary raha mbola miaraka eto isika, ny vondrontsika manokana mipetraka eto fotsiny, izaho—mandidy kely anareo aho. Fa te-hiteny aminareo aho hoe: fa rehefa manatona ahy ianareo ka manontany na inona na inona, dia hoteneniko aminareo ny tsara indrindra izay fantatro hoe ahoana! Raha ao amin'ny Teny ilay izy, dia tsy ahoako raha manameloka ahy aza izany, manana fatotra maro aho izay tokony ho didiana hiala amiko. Marina tokoa!

¹⁶⁸ Fa rehefa manontany zavatra amiko ianareo, dia hiteny aminareo aho. Raha miteny zavatra aminareo aho, dia hiteny aminareo ny Fahamarinana. Niezaka niaina tahaka an'izany foana aho. Tahaka an'izany no tiako hahavelomana ary tahaka an'izany no tiako hahafatesana, mba hahitsy fo amin'ny olona rehetra.

¹⁶⁹ Nanatona ahy ny zazavavy kely iray vao tsy ela akory izay; tsy eto ilay vehivavy ankehitriny. Tom Simpson, maro aminareo no mahafantatra azy. Tom dia lehilahy mahafinaritra iray; tsy misy iray amin'ny havany eto. Heveriko fa lasa niverina ireo olona rehetra ireo, raha tsy hoe mbola eto i Fred. Izaho... Fred Sothmann, tsy fantatro na mbola eto izy na tsia, fa izaho—heveriko fa eto izy ireo. Fa Tom Simpson, izy ireo... tonga avy tany Canada izy niaraka—niaraka tamin'i Fred. Ary izy ireo... Fantatrareo Rahalahy Fred, ny mpitantan-draharahantsika.

¹⁷⁰ Ary Rahalahy Tom, maro aminareo no mahafantatra azy eto. Ary lehilahy tsara iray i Tom; zalahy mahafatifaty izy; ary toy izany koa Rtoa. Simpson. Raha nihaino an'izay teneniko aminy fotsiny ihany izy, dia hamindra indray koa izy. Ary mipetraka eo amin'io seza misy kodiarana io izy kilemaina. Hamindra izy raha hanao fotsiny an'izay voalaza hatao. Ary diniho fotsiny ka jereo raha tsy marina izany. Hitanareo? Ankehitriny. Saingy tsy maintsy manao an'izay notenenina tamin'ny mba hatao izy raha manantena ny hanao an'izany.

¹⁷¹ Ary ny iray amin'ireo zananivavy kely, zazavavy kely mamy... Izaho... Fony izy ireo zavatra bitika kely, dia nakariko teo amin'ny lohaliko izy ireo ary nilalao niaraka tamin'izy ireo. Goavana loatra izy ireo ankehitriny; izy ireo dia saiky vehivavy, folo, roa ambin'ny folo taona. Ary noho izany, nanatona ahy ny iray tamin'izy ireo ka nanao hoe, "Ranadahy Branham, nanonofy

aho.” Dia noteneniny tamiko ilay nofy. Ary hoy izy hoe, “Inona ny dikan’izany?”

Hoy aho hoe, “Tsy fantatro, Malala. Hivavaka aho, ary raha omen’ny Tompo ahy izany, dia ho teneniko aminao.”

¹⁷² Hoy izy hoe, “Eny àry!” Niverina izy afaka andro vitsy, nanao hoe, “Azonao ve ilay nofy?”

Hoy aho hoe, “Tsia, Malala, tsy azoko; tsy Nambarany tamiko ilay izy.”

¹⁷³ Teo amin’ny herinandro iray na roa taty aoriana dia niverina izy, nanao hoe, “Ranadahy Branham, ahoana ny amin’ily nofy?”

Hoy aho hoe, “Tsy fantatro.” Eny, toy ny hoe somary diso fanantenana izy. Izaho . . .

¹⁷⁴ Tsarovy, rehefa mangataka zavatra amiko ho tenenina aminareo ianareo, ka tsy azoko avy amin’ny Tompo ilay izy, dia diso fanantenana koa aho. Fa izaho tsy ho mpihatsaravelatsihy, na mpandainga iray, fa hiteny aminareo ny fahamarinana aho. Raha miteny amiko Izy, dia hiteny aminareo aho; raha tsy miteny Izy, dia tsy hiteny aho. Izay ihany no azoko atao. Ary tiako ianareo hino ahy tahaka an’izany.

¹⁷⁵ Ary ankehitriny, nihevitra aho fa fantatro ny dikan’ily nofy tao an-tsaiko, fa ahoana no nahafantarako. Tsy maintsy mahita an’ily zavatra indray aho. Ary tsy misy na dia iray aza aminareo afaka mametraka ny rantsan-tànanareo amin’ny fotoana rehetra na amin’ny toerana rehetra, izay hany nitenenako taminareo ny fandikana nofy iray tamin’ny Anaran’ny Tompo ka tsy tahaka an’izany marina tokoa ilay izy. Eny, tompoko! Tsy mbola nilaza na inona na inona taminareo tamin’ny Anaran’ny Tompo mihitsy aho ka tsy niseho koa, tahaka an’izany mihitsy, satria izaho dia—izaho . . . Izy izany. Ary noho izany dia tsy andraikitra ilay izy arak’izany, fa Izy izany; Andraikiny izany.

¹⁷⁶ Hoy aho hoe, “Jereo, Trudy, ahoana moa raha nandeha tany Arizona isika. Ary ahoana moa raha—raha tonga aho niteny taminao fa rehefa tonga any ianao, ‘HOY NY TOMPO HOE, ny anadahy kelinao dia ho . . .’? Johnny kely, ilay anankiray izay nanihaniako mikasika ny hoe manana ny kibony misokatra foana.” Hoy aho hoe, “Ahoana moa raha voahitsaka eny andalàmbe izy? Ary hoy aho hoe, ‘Fantatrao ve izay hitranga? Ho voahitsaka eny an-dàlambe izy.’ Ary hanatona ahy ianao, ary—ary hilaza ianao hoe, ‘Ranadahy Branham . . .’ ‘Mandehana, ento any amin’i Ranadahy Branham izy,’ raha ny marina. Ary avy eo dia handeha hitady manerana ianao, ary hahita ahy mitsangana eo amin’ny tohatra, miresaka amin’ny lehilahy manao palitao sy pataloha fotsy. Ary avy eo dia hametraka ny tànako fotsiny eo amin’i Johnny kely aho; ho tonga amin’ny fiainana indray izy ary hihazakazaka.”

Ankehitriny, hoy aho, “Avy eo dia mandeha any Andrefana ianao, ary ny zavatra voalohany fantatrao, indray andro dia nandre ny reninao niantsoantso ianao, ny dadanao niantsoantso, ary nijery, ka i Johnny kely no voahitsaka. Inona no ho nataonao?” Hitanareo? Mino ahy ianareo. Hitanareo? Ary tiako ianareo hanana fahatokiana ahy. Tsy hiteny aminareo na inona na inona amin’ny fanombatombanana fotsiny aho; hiteny aminareo ny fahamarinana aho, na tsy hiteny na inona na inona aminareo. Ary hoy aho hoe, “Avy eo dia manatona ahy ianao ka manao hoe, ‘Oh, Johnny kely . . .’ Na, manatona ny reninao, ‘Oh, voahitsaka i Johnny kely. Maty izy! Maty izy!’”

¹⁷⁷ “Tonga ny dokotera, manokatra ny masony, manamarina ny fony, ny fofon’ainy. ‘Maty izy. Ento any amin’ny tranom-paty izy.’”

“Inona no ho nataonao? Hilaza ianao hoe, ‘Andraso iray minitra fotsiny! Andraso iray minitra fotsiny! Ataovy eo an-tsandriko izy; andao isika handeha.’” Amena!

“Ho aiza ianao, Trudy?”

“Tsy fantatro.”

“Inona no anananao? Manana ny anadahy kelinao maty ianao eny an-tsandrinao. Manohy mandeha eny an-dalambé fotsiny. Hoy ny olona hoe, ‘Adala ve io zazavavy io?’ Tsia, tompoko!” Manana ny HOY NY TOMPO HOE izy. Inona no hitranga?

¹⁷⁸ “Ny zavatra voalohany fantatrao, dia milaza amin’ny rainao sy ny reninao hoe, ‘Andraso, hahita an-dRahalahy Branham isika. Hijoro eo amin’ny tohatra izy miresaka amin’ny lehilahy iray manao palitao sy pataloha fotsy. Io izy mitsangana io mihitsy. Diniho izay hitranga.’ Tsy misy fisalasalana ao an-tsainao. Mandroso eo ka manao hoe, ‘Ranadahy Branham, fantatrao ve izay noteneninao tamiko?’”

“Eny, Trudy. ‘Johnny, mifohaza!’” Mitsambikina ary mandehana eo an-dalambé.

¹⁷⁹ “Fa ahoana moa raha manombatombana fotsiny aho miteny zavatra sasany aminao izay heveriko fa marina, ka miteny aminao amin’izany fanao izany hoe, HOY NY TOMPO HOE, nefa tsy marina ilay izy, ary tsy mitranga, tsy miseho mihitsy ilay izy; amin’izay fotoana izay dia hatahotra mafy mikasika an’ilay zazalahy kely ianao. Tsy ho fantatrao na ho entina izy na tsia.”

¹⁸⁰ Andriamanitra no naniraka ahy eto mba hanampy anareo, ary te-ho fanampiana iray ho anareo aho. Ary tsy mampaninona ilay izy raha mandidy, mandratra na inona na inona izany, tsy maintsy lazaiko ilay izy na ahoana na ahoana.

¹⁸¹ Fa ankehitriny mikasika ny resaka fanambadiana sy fisaraham-panambadiana, efa nangataka taminareo aho tahaka ny rahalahy iray, hazòny ny filaminanareo mandra-pandrenareo

avy amiko. Renareo ve? Manohiza mandeha fotsiny mihitsy arak'izay efa niainanareo. (Mandany fotoana be loatra aho eo.)

¹⁸² “Nivady izahay iraka amby roapolo taona lasa izay (hia) . . . ny fitsaran'ny fandriampahalemana.” Ranabavy malala, Rahalahy malala, indray mandeha dia niteny tamiko ny mpivarotra iray fa niditra tao am-piangonana izy (Kristiana izy) tany Connecticut na tany ho any tany, fiangonana goavana be, niditra mba hivavaka fotsiny. Ilay izy dia tsy . . . Pentekotista izy, saingy niditra tao izy mba hivavaka. Ary nolazainy fa rehefa niditra tao izy ka nandohalika tao am-piangonana mba hivavaka . . . nilaza fa nandalo fotsiny izy, reraka, karazana manin-te-hody, mpivarotra iray izy, ary mivarotra entana, ary nilaza fa izy . . . amin'ireo orinasa. Ary nandeha teo izy mba—mba hanao ny sasany hividy na zavatra, ary noho izany dia nandalo teo akaikin'ilay fiangonana izy, nieritreritra hoe, “Handeha aho . . . Mino aho fa hiditra aho ka hivavaka.” Mivoha ny varavarana; nolazainy fa niditra izy. Tsy nandre olona izy, noho izany dia nandohalika izy ary nanomboka nivavaka. Rehefa avy nivavaka teo izy, dia nijanona teo amin'ny adiny iray teo, hoy izy, nandre varavarana sasany nikarapoka avy hatrany izy na zavatra; nihevitra izy fa mpiambina na zavatra an'ny fiangonana ilay izy. Nilaza izy, fa afaka kelikely dia nahamarika izy, indro tonga . . . Nandre olona niresaka izy. Nitsofoka teo izy ary nijery, ary nijery ny manodidina mba hahita raha ilay mpiambina izany. Nisy lehilahy iray sy vehivavy nitsangana teo anoloan'ny alitara nifampitantana, nanao hoe, “Mandray anao aho, malala, ho vady ampakariko ara-dalàna.” Hitanareo?

Hoy izy hoe, “Mandray anao aho, malala, ho vady ampakariko ara-dalàna.”

“Nahoana,” hoy izy, “zavatra hafahafa ity,” hoy izy, ity Pentekotista ity, hoy izy hoe, “ity lehilahy sy vehivavy ity dia mivady tsy misy mpitory teny.” Hitanareo? Ary noho izany dia nipetraka fotsiny izy ary niandry; ary rehefa nanao ny voadiny izy ireo mba hiaina hifampatokny, ny fahafatesana ihany no hampisaraka azy ireo, dia mifamihina izy ireo, nifanoroka, nitodika ary nivoaka nitsiky. Hoy izy hoe, “Vetivety fotsiny!” Hoy izy hoe, “Somary liana te-hahalala aho; vahiny iray aho.” Hoy izy, “Mivady tanteraka ve ianareo?”

Hoy izy, “Eny!”

“Tsy misy mpitory teny iray ve?”

Hoy izy hoe, “Tsia!” Hoy izy, “Efapolo taona no nivadianay.” Hoy izy hoe, “Nivady teto amin'ity alitara ity mihitsy izahay efapolo taona lasa izay, ary isan-taona dia miverina izahay ary manavao ny voadinay.” Hevitra tsara iray izany. Hitanareo?

¹⁸³ Fa raha ny amin'ny hoe mivady, rehefa mampanantena azy ianareo, dia mandray ny teninareo izy; ianareo mandray ny teniny; ary mandray ny teninareo roa Andriamanitra. Hitanareo?

Fa aza mampanantena mihitsy raha tsy...[Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

343. Rehefa tapahan'izy ireo izany eo...Lava vo—volo lava ve rehefa tapahan'izy ireo izany eo anoloana? (Ankehitriny, andraso iray minitra, mamelà ahy hahazo an'ity eto.) **Volo lava ve rehefa izy ireo...**

¹⁸⁴ Eny, izaho—izaho...Angamba izao no tian'izy ireo lazaina hoe: “Mbola volo lava ve rehefa tapahan'izy ireo eo anoloana izany?” Tsy izany intsony, notapahin'izy ireo izany. Hitanareo? Fa tahaka an'ilay lehilahy izay nanana pataloha ka nanapaka azy ireo intelo nefa mbola fohy loatra foana. Ahoana hoe? Ahoana hoe? [Miresaka amin-dRahalahy Branham ny olona iray—Mpand.] Oh, izany no resahan'izy ireo. Tahaka ny anihaniako ny zanakovavy kely, hoy izy...Ireo “booms” no iantsoako azy ireo, fantatrareo, sanga, na inona na inona ilay izy, fantatrareo, manerana ny anoloana eto.

¹⁸⁵ Eny, heveriko fa ireo ankizy izay manapaka ny volony eo anoloana ireo...Ianareo, angamba afaka hiteny aminareo mikasika an'izany ny reninareo, hitanareo, raha te-hanao tahaka an'izany ianareo. Heveriko fa izany dia hitovy amin'ny karazana—karazan'ny mitovy kely amin'ny vehivavy iray izay nijery ny fitaratra fijerena ny any aoriana raha efa nihoatra ny dimy amby roapolo taona teo izy nefa te-hanapaka azy ireo eo anoloana tahaka an'izany, mitovy amin'ny ankizy kely iray. Jereo eto izay andehananao, ranabavy, fa tsy izay efa nisy anao. Hitanao?

¹⁸⁶ Ary ankehitriny, fa ny manapaka ny volo, izaho—izaho—izaho—izao no ho teneniko aminao. Izaho tsy afaka—izaho—izaho tsy manana—tsy manana Soratra mba hilazana fa afaka manapaka betsaka amin'ity ianao ary tsy afaka manapaka amin'ilay hafa. Izaho—tsy manana Soratra ho an'izany aho, izaho—tsy afaka hiteny an'izany aminao aho, ranabavy, na rahalahy, na iza na iza izany.

¹⁸⁷ Zavatra anankiray no lazaiko. Naniry aho...Ankehitriny, fantatro fa efa nanao an'izany koa ireo zanako, Rebekah sy Sarah, hitako izy ireo rehefa notapahin'izy ireo ny volony teto anoloana, ary nandrandra an'izany teto tao an-damosina, ary manao an'ireo zavatra ireo eo anoloana, tahaka an'izao. Izaho—izaho tsy, izaho—izaho...Ankehitriny, tsy manakana azy ireo aho. Hitanareo? Tsia, tompoko! Ho ahy, dia naniry aho mba tsy hametrahany ireo hety iray mihitsy akory aza eo amin'ny volony. Saingy rehefa lasa lava izy rehetra, mihantona tahaka an'izao, ary nanapaka fotsiny ny anoloan'izany hiala amin'ny mason'izy ireo, ireo ankizy kely miaraka...Izaho—tsy ho fantatro raha izany dia ho...?....Tsy hieritreritra tahaka an'izany aho. Hitanareo? Izaho...fa rehefa manana ianareo...

Raha afaka ianareo, izaho . . . ho anareo anabavy, ho navelako arak'izay nanaovan'ny Tompo azy fotsiny ilay izy. Hitanareo?

¹⁸⁸ Ary mazava ho azy, fantatro fa te-ho tsara tarehy ireo vehivavy; natora izany, ary izany—izany no tokony haha-izy azy ireo. Hitanareo? Tokony ho tahaka an'izany izy ireo. Ary noho izany, tsara izany, fa aza fotsiny—aza . . . amin'ny teny hafa dia tahaka an'izao, aza mitovy amin'izao tontolo izao (hitanareo?); aza manahaka an'izao tontolo izao. Ireo zavatra ratsy . . . Tianareo ny hibango azy, tahaka an'izany, fa aza tapahana ny volonareo ankehitriny. Raha manana randrana mihantona ianareo, na—na inona na inona na eo amin'ny volonareo, dia avelao ho lava izy. Aza tapahana izy toy ny hoe hitovy amin'izao tontolo izao. Raha ireny zazavavy kely ireny fotsiny . . .

¹⁸⁹ Ny dadatoako taloha dia nanana zazavavy kely iray tany—tany New York. Izy no nanana volo tsara tarehy indrindra. Karazana mainty volontany ilay izy ary manao ny randrany izy . . . Ny reniko taloha dia afaka . . . Ny randrany dia nidina nankany aoriana hatrany amin'ny lohaliny. Ary ity zazavavy kely ity dia nanana randrana tahaka an'izany koa; Jacqueline no anarany. Ary nobangoiny nidina tahaka an'izao ny ampahan'izany ary notapahany tahaka an'izao ilay izy. Ary izaho dia . . . Teo amin'ny dimy ambin'ny folo, valo ambin'ny folo, roapolo taona lasa izany. Ary nanontany aho taloha, maninona no tsy nobangoiny nankany aoriana fotsiny ilay zavatra manontolo, dia ho tsara tarehy kokoa ilay izy toy izay manana azy fotsiny tahaka an'izao, eto tahaka an'ireo Beatles moderina izay ananan'izy ireo amin'izao ankehitriny izao, fantatreo. Ary ny . . . Oh, marina izany, tsy mino aho fa hanao an'izany aho. Ny zavatra rehetra mitovy amin'ireo Beatles ireo, izay toa avy amin'izao tontolo izao, noho izany dia avelao . . . avelao hipetraka tsara fotsiny izany. Hia!

344. Izaho sy ny vadiko dia tsy mitovy fijery eo amin'ny Baiboly, ireo Fahamarinana, tahaka an'io Fahamarinana izay torianaio. Tsy mahazo izy. Tokony handeha hiaraka aminy any amin'ireo fiangonana ve aho nefa tsy mino ny fampianaran'izy ireo aho? Tena sahirana aho mikasika an'izany.

¹⁹⁰ Eny! Raha vady vavy iray ho an'ity vady lahy ity ianao, ka tsy manameloka anao izy, ianao tsy—tsy tokony hanameloka azy ianao (hitanao?), satria ny vady lahy dia nohamasinina amin'ny alàlan'ny vady vavy. Hitanao? Ary mino aho, raha mandeha any amin'ny fiangonana ara-anaram-piangonana iray izy na zavatra tahaka an'izany, tiany handeha any miaraka aminy ianao . . . Hitanao? Raha ianao no tsy . . . Jereo, tsy misy na inona na inona afaka handratra anao, satria tsy hihaino an'izay lazain'izy ireo ianao na ahoana na ahoana, satria nilaza ianao eto fa tsy mino ny toritenin'izy ireo. Hitanao? Noho izany dia tsy handratra anao izany, fa manehoa fanajana fotsiny amin'ny

vadinao. Ampandefero aminy ny tenanao, ary angamba amin'ny fanaovana an'izany, ianao—ianao dia . . . Raha mampianatra sy manao zavatra izy ireo any . . . Nampianarina zavatra ambony kokoa noho izany ianao; ho mamy sira ianao; hahita izy ka hanatona ny Tompo. Mino aho fa handroso aho. Mamindrà fo, jereo eto hoe amin'ny firy izao!

345. Zakaria 4 sy Apokalypsy 11:3-12 ve, miresaka ny amin'ilay olona iray ihany? Jereo Zakaria 4:12-14 sy Apokalypsy 11:4.

Nosoniavin'izy ireo eo amin'izany ny anarany, rahalahy na anabavy avy amin'ity fiangonana eto ity.

¹⁹¹ Ndao jerentsika, Zakaria 4. Oh, eny, ireo hazo oliva roa izany. Hia, ireo hazo oliva roa ary ny Apokalypsy 11 dia . . . Oh, hia, izay ilay izy. Zavatra mitovy. Izy roa ireo izany. Izany—izany dia—dia Mosesy sy Elia, ireo hazo oliva roa.

Mivavaha ho an'ny . . . Fangataham-bavaka iray ity.

Miala tsiny aho, ity dia tsy azoko vakiana eo anatrehan'ny . . . Mikasika ny fifandraisan'ny fianakaviana ilay izy. Hia, apetraho miaraka amin'io anankiray etsy io ity. Tsy afaka mamaky an'ity ho an'ny besinimaro aho. Ao amin'ny fifampiresahana manokana izy ireo na ahoana na ahoana, noho izany—noho izany . . .

346. Rahalahy Branham, ratsy ve ny—ny . . . (Inona no lazain'ity? Ratsy ny inona? ny Alahady? Miasa?) Ratsy ve ny miasa Alahady?

¹⁹² Vao avy nazavaiko izany. Raha ao anaty hady ny omby, dia avoahay izy, fa aza atosika ao anaty hady izy mba hamoahana azy fotsiny ny Alahady!

Rahalahy Branham, hitory teny eto ve ianao amin'ny Alahady heriny?

¹⁹³ Fanontaniana iray fotsiny izany. Tsia, Ranabavy, Rahalahy, na iza na iza izany. Ankehitriny, ireto sasany ireto dia napetraka teto fotsiny. Tsy maintsy nametraka—nametraka azy ireo, na olona iray no nametraka azy tao anatin'ilay fonosana.

Rahalahy . . . Ho anao ity, Rahalahy Capps. “Hihira ve ianao hoe, *Tsy Ho Antitra Mihitsy Isika?*” Izaho tsy maintsy tafiditra tao amin'ny . . . Nafangaroko ny sisa tamin'izy ireo.

347. Rahalahy Branham, te-hahafantatra ny olona iray hoe nahoana ianao no tsy (v-o-a-. . .) voalaza ao amin'ny Baiboly. Mino aho fa ianao no Habakoka 2:1-4. (Raiso izany, Rahalahy Neville, Habakoka 2:1-4) Aoka izy ireo hamaky an'io ka hianatra an'izany, toko faha-3 . . . hieritreritra anarana sy ireo tandindona an'ireo toko efatra, mino—mino aho fa ianao io.

¹⁹⁴ Ankehitriny, raha mbola mikaroka an'izany izy, izany dia Habakoka 2:1-4. Rahalahy na Ranabavy, na iza na iza mametraka an'ilay fanontaniana (tsy misy anarana eo),

mahafinaritra izany, izaho—tiako ny anontanianareo an'ireo zavatra ireo. Fantatro izay ao am-ponareo (hitanareo?), ary noho izany dia ho teneniko aminareo. Tsia. Hitanareo? Tsy voatery hanana ny anaranareo ao amin'ny Baiboly ianareo, hitanareo. Fa, hitanareo, raha mbola ao amin'ny Baiboly foana ianareo, eo. . . Raha mbola ao amin'i Kristy foana ianareo, dia ao amin'ny Baiboly ianareo; ao Aminy ianareo, hitanareo, ao amin'ny Baiboly. Hitanareo? Raha mbola ao amin'i Kristy foana ianareo, amin'izay fotoana izay dia ao amin'ny fahafenoan'ny Baiboly ianareo. Hitanareo? Ao amin'ny toeranareo feno ianareo rehefa ao amin'i Kristy. Azon'ny rehetra ve izany?

¹⁹⁵ Manana an'ilay izy ve ianao, Rahalahy Neville? Inona? Hia. Habakoka—Habakoka. . . Tsy namaky an'izany aho. Vao avy napetraka tato fotsiny ity, heveriko, izao maraina izao. Habakoka 2:1-4. Izay ilay izy. Habakoka 2—Habakoka 2, ary 1 ka hatramin'ny 4:

Hitsangana eo ambonin'ny fiambenana aho, ary hipetraka eo ambonin'ny tilikambo, ary hiambina sy hahita an'izay holazainy amiko, ary izay havaliko izaho—izaho dia . . . rehefa anarina aho.

Dia namaly ahy ny TOMPO, ka nanao hoe, Soraty ny fahitana, ka ataovy mazava amin'ny vato fisaka izany, mba ho azon'izay mihazakazaka vakiana izy.

Fa ny fahitana dia mbola ho amin'ny fotoana voatondro, nefa amin'ny farany dia hiteny izany, ary tsy handainga: na dia mitaredretra aza izy, dia andraso; fa ho avy tokoa Aho, ary Izaho tsy hitaredretra.

Indro, ny fanahiny izay miavonavona dia tsy mahitsy ao aminy: fa ny marina ho velon'ny finoany.

¹⁹⁶ Eny, ankehitriny, izaho—azoko eritreretina ity olona malala izay nanontany an'ity. . . Hitanareo? Olona iray izay tia ahy izany, raha tsy izany dia tsy ho nanoratra an'izany izy ireo. Hitanareo? Ankehitriny, tsy afaka hilaza aho fa ny. . . Ny Baiboly dia tsy miantso ny anarako—ny anarako hoe, *William Branham*, na miantso ny anaranareo na iza na iza izany, fa ao Aminy isika na ahoana na ahoana. Ary ireto. . .

¹⁹⁷ Ary ankehitriny, mahita an'ireo toerana mahazatra ianareo izay manondro, ao amin'ny Baiboly, izay milaza zavatra sasany. Hitanareo? Ankehitriny, raha handinika ianareo, dia miverimberina ny tantara ao amin'ny Baiboly. Hitanareo? Ankehitriny, ndao isika hanome Soratra iray ho anareo fotsiny ho an'ny anankiray ankehitriny. (Hitako fa maro aminareo no mandray naoty an'izany.) Ankehitriny, ao amin'ny toko faha-3-n'ny Masindahy Matio, Izao no voalaza, “Ary rehefa niantso Ny Zanany avy tany Egipta Andriamanitra mba hahatanteraka an'izay voalaza hoe, ‘Avy tany Egipta no Niantsoako Ny Zanako’ . . .” Ankehitriny, raha anananareo ny—ny Scofield na

Baiboly misy fanoroana hafa, raha hanaraka an'io fanoroana io ianareo, ilay vakiny eo amin'ny sisiny, izany dia hamerina anareo eo amin'izay Niantsoany an'i Jakoba, Isiraely, avy tany Egipta. Hitanareo? Fa Jakoba no Zanany izay Nantsoiny avy tany Egipta; ary Jesosy koa No Zanany izay Nantsoiny avy tany Egipta. Noho izany (hitanareo?) ny Tenin'Andriamanitra dia tsy mifarana mihitsy. Hitanareo, manondro ny tenantsika ao amin'ny Baiboly isika ao amin'ny samihafa... Firy no mahatsiaro ny hafatro mikasika ny hoe manondro ny tenanareo miaraka amin'ireo olona Kristiana, Phoenix, Arizona, izay nitoriako an'izany? Hia, maro aminareo no manana an'izany eo amin'ny horonam-peo. Hitanareo? *Voatondro miaraka amin'ny Olona Kristiana*. Hitanareo? Afaka manondro ny tenanareo ianareo na aiza na aiza tianareo hanondroana ao amin'ity Soratra ity raha Kristiana ianareo, ary raha tsy Kristiana ianareo, dia afaka manondro ny tenanareo ao amin'ny Baiboly. Hitanareo? Noho izany dia heveriko fa hanampy angamba izany. Te-hahavita betsaka amin'ireto arak'izay vitako aho.

348. Rahalahy Branham, milaza ny sasany fa tapitra ny famindrampo ary tsy misy olona azo vonjena. Ankehitriny, marina ve izany? (Faly aho fa nahazo an'ity anankiray ity.) Mandinika izahay ary mivavaka...Mandinika ny laharam-bavaka izahay, ary toa mbola mahita famindrampo foana ny sasany.

Ankehitriny, izany ilay fanontaniana voalohany, manana roa ianareo.

¹⁹⁸ “Tapitra ve ny famindrampo?” Aza mieritreritra an'izany mihitsy! Hitanareo? Manohiza fotsiny mihitsy manao ny zavatra rehetra izay vitanareo mandra-panala anareo. Hitanareo?

¹⁹⁹ “Mahamarika izahay ao amin'ny laharam-bavaka fa mahita famindrampo ny sasany.” Azo antoka! Ireo famindrampo, misokatra ireo varavarana. Hitanareo? Mieritreritra aho hoe taiza no nahazoanao an'ity, ity fisainana ity dia mety mipetraka eo anelanelan'ny...Hitanareo, tsy manam-potoana hanomezana ny tsirairay avy amin'ireto Soratra ireto ny toerany marina aho, (hitanareo?), manana ny toerany tsirairay avy ireo zavatra ireo. Izy ireo... Mahita famindrampo ianareo ao amin'ny laharam-bavaka, marina tokoa.

²⁰⁰ Raha fantatro fa ho avy amin'ity tolakandro ity Jesosy, dia hanao an'ilay zavatra izay ataoko izao ankehitriny izao fotsiny aho (hitanareo?), manohy hatrany fotsiny. Misokatra foana ny famindrampo. Hitanareo?

²⁰¹ Ary ankehitriny, eo amin'izay eritreretiko fa nahazoanao an'izany, dia mikasika ny fahataperan'ireo Taom-Piangonana Fito sy ireo Tombokase Fito izay novahana. Hitanareo? Ireo Tombokase Fito, izany dia naneho fa izay miseho dia... an'izay niseho. Ny Taom-Piangonana Fahafito, eo amin'ny

fiafaran'ny Taom-Piangonana Fahafito isika. Rehefa milaza aho hoe *ny fiafarana*, dia tsy midika izany fa tena izao io ora io, tena izao minitra izao. Tsaroanareo, nilaza ny Baiboly, tamin'ny andron'ny—an'ny Tompo Jesosy, hoy i Paoly hoe, "Fa antomotra ny fotoana." Fantatrao ve hoe hafiriana izany tamin'ny fotoan'Andriamanitra? Omaly izany. Ny fotoako, dia efa roa arivo taona izany. Hitanareo? Antomotra ny fotoana. Hitanareo? Izay antsoin'Andriamanitra hoe *antomotra* dia tsy izay antsointsika hoe *antomotra*. Hitanareo?

²⁰² Noho izany dia manohiza mino fotsiny, manohiza mivavaka, manohiza...Mbola manokatra famindrampo foana Andriamanitra; manohiza miditra ao anatin'izany fotsiny haingana arak'izay vitanareo. Andriamanitra no hanao ny fampijanonana rehefa tonga ny fotoana hampijanonana. Hitanareo?

349. Ankehitriny. Rahalahy Branham, marina ve fa tsy misy olona tokony hitory teny afa-tsy ianao? Efa hitanay ny— efa nahita anao nanendry lehilahy izahay. Izahay tena— tsy mino fa hanao an'izany ianao raha tsy nisy... raha tsy tokony hitory teny izy ireo.

²⁰³ Mamindrà fo! Rahalahy, ranabavy, na iza no niteny taminao fa tsy misy olona tokony hitory teny afa-tsy izaho, azo antoka fa ho olona mahantra iray amin'Andriamanitra aho miaraka amin'izany rehetra izany. Tsia! Ny lehilahy tsirairay na... izay mahatsapa antson'Andriamanitra iray eo amin'ny fiainany, dia midira ao amin'ilay asam-panompoana ary manomboha mitory teny; mila azy ireo isika.

²⁰⁴ Ireo lehilahin'Andriamanitra dia voahosotra manerana an'izao tontolo izao mba hitory ny Filazantsara. Hitanareo? Izaho dia vato kilonjy kely iray fotsiny eo amin'ny tora-pasika eo anivon'ireo vato goavana maro. Hitanareo? Noho izany aho... Misy betsaka mihitsy no mahay kokoa, mendrika kokoa, eo amin'ny zavatra betsaka ho toriana noho izaho; izaho dia olona kely iray fotsiny, manetry tena mipetraka eto. Voam-bary anankiray ao anatin'ny sompitra iray manontolo aho. Hitanareo? Koa izany fotsiny ny... Fantatrareo izay tiako lazaina!

²⁰⁵ Mila mitory ny Filazantsara ny olona rehetra izay nantsoin'Andriamanitra.

350. Ahoana no ahafahan'ny Kristiana iray hiditra lalina kokoa ao amin'ny fitiavan'Andriamanitra?

²⁰⁶ Vakio ny Teny ary mivavaha. Vakio ny Tenin'Andriamanitra ary mivavaha. Handeha haingana aho, maka betsaka arak'izay vitako fotsiny.

Nanao fanontaniana anankiray aho, saingy nametraka azy (d-i-s-...) diso. Tiako ho fantatra raha hanana asam-panasitranana iray ianao alohan'ny handaozanao ny

tanàna. Raha tsy izany...tsy maintsy hanao...Hanana fifampiresahana manokana aminao ve aho?

²⁰⁷ Ankehitriny, eo amin'izay ihany, heveriko fa teo amin'ny fifampiresahana ity olona ity androany maraina. Mazava ho azy, nanana asam-panasitranana iray isika; efa nanana asam-panasitranana iray ihany koa isika.

351. Rahalahy Branham, azavao azafady ny Korintiana Voalohany—Korintiana Voalohany 11—11, ary andininy faha-4 ka hatramin'ny faha-6. Tsy midika ve izany hoe ny (m-a-. . .) manasaraka—manasaraka (m-a-. . .) manarona ny volo, sa ny volo lava no fanaronana tokana ilainy?

²⁰⁸ Tadiavo ho ahy ny Korintiana Voalohany 11. Ndao jerentsika, Korintiana Voalohany 11:4. Iza no lazainy, “Rehefa mivavaka. . .” Oh, hia, izy. . .Eto no nahazoan'izy ireo an'izany. Hoy izy ireo hoe, “Rehefa mivavaka na maminany, dia afaka maka ny volonay ve izahay—afaka ve izahay. . .” Ndao jerentsika, nanao tsipika iray eo amin'ny zavatra iray izy ireo eto.

Rehefa maminany—rehefa maminany, afaka maka ny volonay ve izahay rehefa izahay. . .? Hmm. Ianao—hoy ianao hoe: Afaka mametraka na manala ny volonay ve izahay rehefa maminany?

²⁰⁹ Raha ianareo—raha manana tovam-bolo iray ianao, dia afaka ianao, fa izaho—izaho dia. . .na manao ny iray amin'ireo solovolon'ny Beatle ireo, na zavatra, fa. . .Raha afaka ho mety tsara ao amin'ny anankiray aho, dia ho nanao anankiray ho an'ny tenako aho angamba, fa izany. . .tsy solovolon'ny Beatle, fa to—tovam-bolo iray.

²¹⁰ Fa mety tsara izany. Raha tsy manana volo ianao ka mila anankiray. Raha afaka manao an'izany ianao, dia mety tsara tanteraka izany. Eny, tompoko! Raha ny vehivavy iray, tsy dia lava loatra ny volony, mila fanohizam-bolo iray izy ao anatiny ao, dia hilaza aho hoe, anaovy ilay izy, Ranabavy.

²¹¹ Raha voan'ny sery sy ny sisa ny lehilahy iray, ary mila ny. . . amin'ny fomba iray. . .na dia ho an'ny bikany amin'ny vadiny aza, raha te-hanao tovam-volo iray izy, dia ataovy ilay izy. Eny tokoa. Tsy misy maharatsy an'izany (tsia, tompoko!) mitovy aminareo amin'ny nifinareo, na sandry artifisialy, na zavatra hafa. Raha ny natiora no manana—naka zavatra avy taminareo nefa tena ilaina ilay izy dia mandrosoa, mety tsara tanteraka izany.

Fa izao no voalaza eto, “Afaka mametraka na manala ny volonay ve izahay rehefa mivavaka na maminany? Inona tokoa no dikan'izany?”

²¹² Eny àry, vakio, Rahalahy Neville. . .dia 4—4 hatramin'ny 6, eny àry, eny àry.

Ny lehilahy rehetra mivavaka na maminany, . . . misarona ny lohany, dia mahafa-boninahitra ny lohany. (Izany hoe, raha manana volo lava izy. Eny àry.)

Fa ny vehivavy rehetra izay mivavaka na maminany miaraka amin'ny lohany tsy misarona dia mahafa-boninahitra ny lohany: . . . (Izany hoe ny vadiny.) . . . satria izany dia toy ny anankiray izay voaharatra mihitsy aza.

Fa raha tsy misaron-doha ny vehivavy, dia aoka hohetezana izy: . . . (Raha te-hanapaka ny volony izy, dia asaivo haratany manontolo izany. Hitanareo? Raha tsy afaka manana izy. . .) . . . fa raha tsy henatra ho an'ny vehivavy ny—henatra ho an'ny vehivavy ny hohetezana na hoharatana, dia aoka izy hisaron-doha.

²¹³ Tsy mahita na inona na inona mikasika ny mametraka na manala volo aho eo, raha tsy hoe ilay vehivavy no mila. . . Hoy izy, raha milaza izy fa tsy maintsy manapaka an'izany, amin'izay fotoana izay dia aoka izy hanaratra an'izany manontolo. Hitanareo? Satria raha tsy manao izy, dia aoka izy hanana ny volony; fa ny volony no fisaronany. Fa ho an'ny lehilahy hanana ny lohany misarona, volo lava tahaka ny vehivavy iray, mitsangana eo amin'ny polipitra, hitovy amin'ny vehivavy iray izy eo ambony eo. Hitanareo? Noho izany dia tsy tokony hanana an'izany tahaka an'izany izy. Hitanareo?

²¹⁴ Izany hoe—midika izany fa mametraka volo izy ireo na manala. . . Heveriko fa mety ho diso ilay olona amin'ny fiheverana eo fa izany dia midika hoe le—lehilahy izay maminany miaraka amin'ny lohany misarona, avy eo dia manala ny fisaronany izy. Hitanareo? Tsia. Izany tsy hoe nanana volo lava izy, izany dia midika hoe, raha misaron-doha izy. . . Ankehitriny, manohiza mamaky lavidavitra kely kokoa fotsiny, ianao izay nametraka an'ilay fanontaniana, dia ho hitanao fa ny lohan'ny vehivavy dia ny vadiny. Firy no mahafantatra an'izany? Ary ny lohan'ny lehilahy dia Kristy; noho izany, ny lehilahy dia tokony hanapaka ny volony nohon'ny amin'i Kristy, satria ao Aminy no misy ny lehilahy, ny vehivavy, ary ny rehetra. Izy dia sady ray, reny, anabavy, rahalahy, ny rehetra. Fa ao amin'ny lehilahy iray dia lahy irery ihany izany. Noho izany, dia tsy maintsy manapaka an'izany izy nohon'ny amin'i Kristy; fa ao amin'ny vehivavy no misy ny vavy irery ihany, noho izany dia afaka manana ny fisaronany izy; fa ny vadiny no manapaka azy. Izy no tompony, mpanapaka azy; koa noho izany, dia tsy maintsy manana volo lava izy.

²¹⁵ Ary noho izany raha milaza izy fa izy dia tsy maintsy, tsy maintsy hanapaka an'izany, amin'izay fotoana izay dia aoka izy hoharatana. Ary voalaza, fa raha henatra na fahafaham-baraka ho an'ny vehivavy izany, izay natao ho tsara tarehy, nefa

manana ny volony voaharatra tanteraka, amin'izay fotoana izay dia aoka izy hanana ny fisaronany eo amin'ny lohany; aoka izy hanana volo lava. Hitanareo? Noho izany ilay izy dia . . . Ny olona rehetra . . . Manazava ny rehetra ve izany? Ny tiako tenenina, dia mety tsara ve ilay izy? Manaova, “Amena,” raha mety ilay izy, raha azonareo ilay izy. Hitanareo? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Eny ary.

352. Rahalahy Branham (Folo minitra fotsiny no ananantsika ankehitriny).—**Rahalahy Branham, tsy manana mpitory teny izahay any amin'izay ipetrahanay, fa manana fivoriana ho an'ny horonam-peo izahay ny Alahady hariva irery ihany. Tokony hitondra ny zanakay any amin'ny fiangonana hafa ve izahay ho amin'ny sekoly Alahady? Ampy ve ny fivoriana ho an'ny horonam-peo?**

²¹⁶ Eny, aoka ho arak'izay andehanan'ireo zanakareo izany. Hitanareo? Ankehitriny, raha mitondra ny zanakareo ianareo, mbola tanora izy ireo; ka mitondra azy ireo ao anatin'ny karazana vondrona iray any ianareo, izay hanatsofoka an'ireo karazan-javatra ao amin'izy ireo izay izy ireo—izay izy ireo—izay izy ireo—raha toy ny hoe mianatra betsaka avy amin'ireo horonam-peo sy ny sisa izy ireo . . . Ary ianareo, atao hoe, nametraka azy ireo ao amin'ny fiangonana Katolika iray ianareo, mitondra azy ireo any amin'ny fiangonana Katolika, mitondra azy any amin'ny zavatra tahaka an'izany; tsy hanoro hevitra an'izany aho. Hitanareo? Raha izy ireo . . .

²¹⁷ Fa ankehitriny, raha manana fiangonana kely iray tsara ianareo any izay tsy mifanaraka aminareo angamba eo amin'ny zavatra roa na telo, ka te-handeha any amin'ny sekoly Alahady ny zanakareo, olon'ny Filazantsara feno izy ireo, na zavatra, eny, mety tsara tanteraka izany. Fa jereo, fa rehefa tonga eo amin'ny toerana iray ianareo izay . . . Izany dia miankina amin'ny hoe ahoana no andraisan'ny zanakareo an'ilay izy. Hitanareo? Diniho izay ataon'ny zanakareo, inona, ahoana no fihetsik'izy ireo amin'izany.

353. Ndao jerentsika. Raha tsy manana fiangonana iray handehanana ianareo, dia tokony hihaino an'ireo horonam-peo fotsiny ve ianareo?

Eny! Izany dia . . . Izaho dia—izaho . . . Ho tsara izany.

354. Tsy maintsy manana fahatsapana iray ve ny zanakareo mba hananana ny Fanahy Masina? Raha ny—raha—raha mahita ny Hafatry ny andro farany izy ireo, dia manana ny Fanahy Masina ve izy ireo?

²¹⁸ Tsy maintsy manana fahatsapana iray ny tsirairay avy! Tsy afaka hiditra amin'ny fomba hafa afa-tsy amin'ilay fomba iray ihany izay idiranareo ireo zanakareo. Hitanareo? Tsy maintsy ateraka indray izy ireo. Tsy misy zafikely ao amin'ny

Fanjakan'Andriamanitra; zanaka daholo izy ireo. Tsy maintsy manana an'izany izy ireo, tsy maintsy manana fahatsapana iray miaraka amin'Andriamanitra mba hidirana, tahaka anareo mihitsy. Ankehitriny dia manantena aho fa afaka maka an'ity aho. Izany dia . . .

355. Ry malala indrindra: (Ndao jerentsika.) **Mikasika ny Soratra an'ny Efesiana 4:11 ka hatramin'ny 13, izahay rehetra ve** (Ndao jerentsika.)—**mahazo ny fahatanterahan'ny olo-masina amin'ny alàlan'ny horonam-peo ve izahay rehetra, sa tokony ho eto izahay, izay iasan'ireo fanomezan'ny Fanahy sy ireo asa samihafa an'ny fiangonana, mba hanampy anay ho tanteraka? Efa nino ny Tenin'ny Tompo rehetra ny fonay.**

²¹⁹ Ankehitriny dia avy any Oregon ity olona ity. Ankehitriny, ry malalako . . . Mino aho fa fantatro hoe iza izany. Hitanareo? Izany dia . . . Oh, eny, fantatro, fantatro tokoa. Ny—ny zanakao lahy . . . Raha eto ilay olona, dia fantatro fa ianao dia . . . Raha tsy eto ianao, dia mety ho tamin'ny Alahady lasa izany. Hitanareo? Mety tonga tamin'ny Alahady lasa ity. Fa ny anao—ny zanakao no lehiben'ny faritra arovana, hitanao, ary izany dia . . . izy no mifehy . . . Izy dia . . . Heveriko fa izy ilay anankiray izay nanasa ahy tany mba handeha hihaza ombimanga niaraka taminao tany Oregon, izay . . . Ary heveriko fa marina izany. Ankehitriny, fantatro io olona io amin'ny alàlan'ny taratasy avy . . . ary noho izany . . .

Tsia! Te-ho tonga eto am-piangonana eto izy ireo ho an'ny fahatanterahana. Hitanareo? Fa isika—manana fifampimbonana isika eto amin'ny fiangonana, fa ny fahatanterahana dia tonga eo amintsika sy Andriamanitra. Ny Ràn'i Kristy no mahatanteraka antsika amin'ny Fanahy Masina.

²²⁰ Ankehitriny, ao am-piangonana hoy izy, “. . . manana an'ireo fanomezam-pahasoavana miasa.” Ankehitriny, tena tsy manana fanomezam-pahasoavana be loatra miasa eto izahay, fa manana ny sasany amin'izy ireo. Manana ny fanomezam-pahasoavana an'ny fiteny tsy fantatra izahay, ary—ary ny fanomezam-pahasoavana an'ny faminiana (roa na telo amin'izy ireo).

²²¹ Heveriko fa ny Rahalahinay Higginbotham eto, na aiza na aiza misy azy, izy dia manana fanomezam-pahasoavana iray an'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra. Ary manana ny Rahalahinay Junior Jackson miaraka aminay izahay, ary miteny amin'ny fiteny tsy fantatra izy. Ary avy eo dia manana roa na telo amin'izy ireo izahay mpandika. Rahalahy Neville eto koa, ny pasiteranay, dia miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ary indraindray dia maminany, ary ny Tompo dia mitondra eo aminy . . .

²²² Indray andro mihitsy dia nilaza zavatra izy. Niantso tamin'ny telefona tao amin'ny trano iray nisy ahy izy, izay naminaniany mikasika olona iray, niteny tamin'izy ireo fa hisy lehilahy mamolava izay . . . hisy fiovàna lehibe ao aminy eo no ho eo na zavatra tahaka an'izany. Ary ilay lehilahy dia nivoaka avy tao amin'ny Alcoholics Anonymous, mbola alikaolika foana, fa nandritra ny valo amby enimpolo andro dia tsy nikasika alikaola akory aza, na tsy nisy fanafody ho an'izany, na inona na inona. Izany no naminanian-dRahalahy Neville mikasika azy ireo.

²²³ Noho izany izahay dia . . . Manana ny sasany amin'ireo fanomezam-pahasoavana miasa eo anivonay izahay, ary tena faly izahay miombona amin'ny tsirairay aminareo, izay manana fomba iray, izay iasanareo, na te-ho tonga sy hiombona miaraka aminay, ny zavatra rehetra izay azonay atao, dia tena faly izahay mikasika an'izany. Hitanareo? Fa ankehitriny ny fahatanterahana dia an'i Kristy.

Ankehitriny, ndao jerentsika, eo amin'ny iray amboniny na roa amboniny.

356. Rahalahy Branham, ho tena tsara fanahy ve ianao hanazava an'ilay sary nalain-dRahalahy Arganbright? Fanontaniana voalohany: ny faharoa mikasika ny — ny sary faharoa eo amin'ny rindrina, ilay hazavana manodidina anao, ny fampoehana, sy ny sisa.

²²⁴ Eny ankehitriny, teneniko aminareo hoe inona. Nanao sonia ny anarany izy ireo, ary tsy eto izy ireo ankehitriny. Azontsika izany. Izany dia Rahalahy sy Ranabavy Jackson avy any Afrika Atsimo; niverina izy ireo. Noho izany dia azontsika izany; efa nazavaintsika izany.

357. Rahoviana ny fiangonana izay . . . Rahoviana ny fiangonana izay nanao . . . izay (m-a- . . .) maty nandritry ny fahoriambe sy nit- . . . hitsangana? Hiandry ny fitsanganana'ny tsy masina koa ve izy ireo? Ho velona indray ve izy ireo mandritry ny Arivo taona?

²²⁵ Ankehitriny, fanontaniana tsara izany. Mendrika mihoatra noho ny fotoana azoko omena azy, fa mba ahafahako hahazo fotsiny . . . Hitanareo? Izaho tsy manana . . . Nahavita roa ampahatelon'izay natomboko androany maraina aho farafahakeliny, efa adiny roa. Tena betsaka fotsiny ka tsy afaka haka azy ireo ianareo. Hitanareo? Ary te-hahazo betsaka araka izay vitako fotsiny aho, tsy mahita hoe aiza izy ireo. Fantatro fa misy an'ireo tena tsara ihany koa ato izay tokony ho fantatra, tahaka ny taranaky ny menarana mba ho azavaina, sy ny sisa; fa handeha haingana aho ary hiditra amin'ity haingana mihitsy.

²²⁶ “Ny fiangonana izay maty nandritra ny vanim-potoan'ny fahoriambe ve (hitanareo?) ho ao amin'ny fitsanganana?” Ny fitsanganana faharoa, fitsanganana faharoa.

227 “Hiandry ny fitsanganan’ny tsy masina koa ve izy ireo?” Ny marina sy ny tsy marina dia hatsangana amin’ny fotoana iray ihany.

228 “Ho velona indray ve izy ireo mandritry ny Arivo taona?” Tsia! Ary ny sisa amin’ny maty dia tsy velona mandrapahatapitry ny arivo taona. Ankehitriny, tena fohy izany, saingy azoko antoka . . .

358. Inona no tian’i Paoly lazaina amin’ny hoe fahafahana sy fahalalahana ao amin’i Kristy? Ahoana no ahafahana amin’ny lalàna?

229 Eny, tsy voafehin’ny lalàna ianareo. Atao hoe, ohatra, ity dia ilay zavatra iray ihany; hanazava amin’ny fomba araboajanahary aho, haingana mihitsy. Ohatra, eto dia izao no voalaza, mandeha eny an-dàlambe, telopolo mailly isan’ora no haingana indrindra azonareo andehanana. Mety tsara izany ankehitriny. Ankehitriny raha mandeha eny an-dàlambe efaolo mailly isan’ora aho, dia melohin’ny lalàna. Fa raha mandeha eny an-dàlambe telopolo mailly isan’ora fotsiny aho, dia tsy eo ambanin’ny lalàna. Hitanareo? Izany dia fahafahana ao amin’i Kristy (hitanareo?), ilay zavatra iray ihany.

230 Tsy voafehin’ny lalàna ianareo raha mbola . . . Raha tsy mangalatra aho, mandainga, mifoka, mijangajanga, ny iray amin’ireo zavatra eo ireo, dia tsy voafehin’ny lalàna aho. Hitanareo? Afaka amin’ny lalàna aho; ao amin’i Kristy aho.

359. Ahoana ny hevitrao mikasika ny fanabeazan’azana?

231 Nanana ny sasany tamin’izany aho teo amin’ireo fifampiresahana androany maraina. Aleoko miresaka manokana amin’ny—aminareo eo amin’ireo zavatra ireo (hitanareo?), amin’ireo zavatra eo ireo, ’satria misy teny sy zavatra izay tsy maintsy lazaiko, izay izaho . . . Aleoko milaza azy raha ilay vady lahy sy vady vavy . . .

232 Ary misy azo atao anaovana an’izany amin’ny fomba tsara. Izaho dia hilaza an’izany, ihany koa, amin’ny ankapobeny. Betsaka ny andro eo amin’ny fiainan’ny vehivavy tsy mahalonaka azy. Azonareo ve? Eny àry. Nahoana . . .

233 Ankehitriny, indraindray dia misy za—zaza iray hamono vehivavy iray; raha nanana zazakely iray izy dia hamono azy izany. Mila mandinika an’izany koa ianareo. Hitanareo? Noho izany dia mitandrema tsara mihitsy mikasika an’izany. Hitanareo? Hitanareo, mitondra aina izany, koa izany no nametrahana anareo eto an-tany mba hataonareo.

234 Raha farofy ny vadinareo, ka ny iray hafa, zaza iray, no hamono azy, izaho—izaho—tsy hanao an’izany aho. Tsy mihevitra aho fa tian’ny Tompo hanao an’izany ianareo. Ary ianareo—manatòna ahy manokana mikasika an’ireo zavatra ireo; ataovy amin’ny fifampiresahana manokana izany. Avelao aho

hiresaka aminareo manokana (hitanareo?) ary afaka mahatsapa aho...

²³⁵ Hitanareo, ny isam-batan'olona tsirairay, afaka miteny aho na mandainga amiko izy ireo na tsia. Hitanareo? Zavatra samihafa no tenenin'izy ireo amiko. Aleoko mahita anareo fotsiny... Hitanareo? Satria raha avoakanareo tahaka an'izany ilay izy, dia tsy fantatrareo. Izany dia satria misy ny isam-batan'olona sy ny sisa tahaka an'izany; afaka miteny an'ilay izy aho, na miteny ny fahamarinana izy ireo na tsia. Hitanareo?

360. Nahoana no—nahoana no hovahana mandritry ny vanim-potoana kely i Satana aorian'ny arivo taona an'ny Apokalypsy 20 sy 3, ary Apokalypsy 20:27?

²³⁶ Nahoana no hovahana izy? Izany dia mba handehanana hanangona ny olony amin'ny fitsanganana faharoa, satria i Satana dia tsy maintsy hiharan'ny—ny fitsarana ihany koa. Hitanareo? Tsy maintsy melohina izy.

Oh oadray, ity dia bo—boky feno azy ireo. Tsy mino aho... Ary ity misy taratasy iray hafa feno azy ireo. Mamelà ahy haka anankiray tena, tena, haingana eto ankehitriny.

361. Rahalahy Branham, azavao azafady ny Asa 9 andininy faha-7 sy ny Asa 20...Asa andininy faha-22. (Hitady an'izany ho ahy ve ianao, Rahalahy Neville.) **Azavao azafady ny Asa 9 andininy faha-7.**

²³⁷ Ankehitriny, raha mbola mitady an'izany izy, dia hojereko raha afaka haka iray hafa haingana mihitsy aho. Reraka ve ianareo? Fantatro fa reraka ianareo.

Azavao azafady ny zava-miafin'ny famindràna ny Ampakarina. Ahoana no hisehoan'izany ary aiza, ilay toerana, andehanan'ny Ampakarina. Tsy fanontaniana maha-te-ho tia ve izy ireo? Mahafinaritra marina tokoa izany. Afaka hitsangana eto mandritry ny andro manontolo aho...

Iray minitra fotsiny ankehitriny, andininy... Asa 9 andininy faha-7. Misaotra anao, Rahalahy Neville. 9 andininy 7:

Ary ilay lehilahy izay niaraka taminy dia nitsangana tsy nahateny, nandre ny feo, fa tsy nahita olona.

²³⁸ Ankehitriny, fantatro hoe aiza no andehanan'ao. Hitanao? Ankehitriny, ny toerana manaraka dia nilaza fa izy ireo... mifamadika. Ankehitriny, izaho—tsy fantatro izay niseho teo. Tsy afaka miteny aminareo fotsiny aho, satria ny toerana manaraka dia nandre izy ireo. Ny iray, tsy hitan'izy ireo ilay izy, ary ny toerana manaraka, dia hitan'izy ireo ilay izy fa tsy ren'izy ireo. Firy no efa mba nahita an'izany tany aloha tao amin'ny Baiboly? Izaho efa nahita, fa tsy afaka manazava an'izany. Hitanareo? Izaho... Ny Tompo no tsy maintsy manambara an'izany amiko. Izaho—efa niteny taminareo vao teo aho, hoe

tsy maintsy mahitsy fo aminareo aho. Hitanareo? Tsy fantatro. Miala tsiny aho. Raha izaho—raha tsy afaka manazava an'izany aho, dia hahitsy fo betsaka aho hiteny aminareo fa tsy afaka aho. Fa izaho—tsy hikasika an'izany aho rehefa—rehefa tsy fantatro.

²³⁹ Tsy afaka manazava an'izany aho, satria amin'ny toerana iray dia voalaza fa nahita an'ilay Hazavana izy ireo nefa tsy nandre an'ilay Feo mihitsy, na zavatra tahaka an'izany; ary amin'ilay toerana manaraka, dia hitan'izy ireo ilay . . . nandre an'ilay Feo fa tsy nahita an'ilay Hazavana mihitsy. Tsy afaka manazava an'izany aho. Hitanareo? Izaho—tsy fantatro izay nitranga, ary tsy ho fantatro mandra-panambaran'ny Tompo amiko an'izany; tahaka ny tsy ahafahako miteny aminareo mikasika ny fanambadiana sy ny fisaraham-panambadiana. Tsy nahafantatra aho mandra-Panambarany an'izany tamiko.

²⁴⁰ Ary na dia izao maraina izao aza, ny Tompo Andriamanitra, Mpamorona ny lanitra sy ny tany dia mahafantatra an'izany ho ny fahamarinana, androany maraina no Namaranany an'ilay zavatra manontolo, niteny tamiko mikasika ny fanambadiana sy ny fisaraham-panambadiana. Marina izany. Izany no antony ilazako hoe, mamelà ahy hanangona an'izany rehetra izany. Mikaroka . . .

²⁴¹ Rehefa ny iray amin'ireo zavatra ireo tahaka ny taranaky ny menarana, rehefa naseho ahy izany, izaho—tsy afaka nahita an'izany aho, na inona na inona; fa nanohy nanaraka an'izany fotsiny aho, ary ny zavatra voalohany fantatrarao . . . Avy eo dia miala lavitra irery ianareo, ary amin'izay fotoana izay vao manomboka manokatra an'izany ny Fanahy Masina. Ankehitriny, mila olona iray hanandrana hanameloka an'izany aho ankehitriny. Hitanareo? Tsy afaka manao an'izany ianareo.

362. Azafady azavao ny zava-miafin'ny famindràna ny Ampakarina.

²⁴² Fiovàna iray fotsiny, hitanareo, ny vatantsika. Ankehitriny, ndao ataontsika hoe *ny antsika*. Fantatrarao ve ny tiako lazaina rehefa milaza an'izany aho? Tsy ny ho mpanevateva no tiako lazaina. Tsy *ireo antsika* no tiako lazaina; tsy ity fiangonana ity no tiako lazaina; ny tiako lazaina dia ny mpino tsirairay.

²⁴³ Abrahama, dia niandry zanaka iray nampanantenaina izy, izay nampanantenaina azy. Marina ve izany? Ary ilay Fiangonana dia miandry Zanaka iray nampanantenaina. Ny Ampakarina (marina ve izany?), ny Ampakarina dia miandry an'ilay Zanaka nampanantenaina.

²⁴⁴ Alohan'ny ahafahan'ilay zanaka nampanantenaina ho tonga tamin'i Saraha sy Abrahama, dia tsy maintsy novaina ny vatan'izy ireo. Marina ve izany?

²⁴⁵ Efa antitra loatra izy mba hahazo zazakely iray. Tsy nanana làlan-dronono izy tao amin'ny nonony; efa maina ny nonony. Tsy lonaka ny kibony; momba izy. Tsy afaka hahazo an'ilay zazakely

izy; efa antitra loatra ny fony mba hahatanty fihetsehan-jaza. Noho izany dia inona no nitranga? Nanova azy hiverina ho ramatoa tanora iray Andriamanitra. Ary nanao an'ilay zavatra iray ihany tamin'i Abrahama Izy, satria nilaza Izy fa ny vatany dia maty tsara mihitsy. Hitanareo? Ary tsy maintsy nanova ny vatan'izy ireo Izy mba handraisana an'ilay zanaka nampanantenaina.

²⁴⁶ Ary tsy afaka mandray an'ilay Zanaka nampanantenaina isika izay nampanantenaina antsika amin'izao andro izao ao anatin'ireto vatana izay iainantsika ireto; fahotana ireto vatana ireto.

²⁴⁷ Ity fieritreretana voalohany ity no mifehy an'ity vatana ity amin'ny alàlan'ny mahita, manandrana, mahatsapa, manimbolo, ary mandre, ary nanao antsika hikorontana tanteraka; mandanjalanja isika sy ny zavatra hafa rehetra. Fa io vatana vaovao io, izay avy amin'ity nateraka indray ity (tsy ity fieritreretana voalohany ity, ho levona izy) . . . Izany dia ilay zavatra ao anaty izay velona. Ny olona rehetra izay mahazo an'izany dia manaova hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

²⁴⁸ Ilay izy dia tsy ity ivelany ity mahita, manandrana, mahatsapa, manimbolo, ary mandre. Tsy izany ilay izy. Fehezin'ny fahafatesana izy ary ho faty, fa ilay ampahanareo ao anaty, eto ambany eto, ao anatiny, izany dia ilay, olona tsy mety maty. Hitanareo? Ary izany ilay olona izay anombohan'ny fiainana vaovao, avy amin'io fahateraham-baovao io; ary manorina olona iray hafa izany araka ny endrik'io olona izay maha-izy anareo io, manodidina an'io fiainana io. Azonareo ve ilay izy?

²⁴⁹ Noho izany dia ato anatiny ato izany amin'ny ampahany, ary inona izany? Ny Teny nampanantenaina talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Ary ny manodidina eo, ity dia mampitaratra fotsiny an'ilay negatifa; itsy dia hampitaratra an'ilay pozitifa, ny Teny. Hitanareo? Ary ilay zavatra iray ihany dia . . . Na, ny famindràna ny Ampakarina dia ho ilay zavatra iray ihany. Ny Teny izay ao anatinareo, hivaingana manodidina an'io Teny io ilay vatana, ary ilay zavatra iray ihany no niseho tamin'i Saraha.

²⁵⁰ Talohan'ny . . . Rehefa io vatana antitra izay nananany io, io vatana voalohany io, tsy maintsy novaina izany mba hamokatra zanakalahy iray. Azonareo ve ilay izy? Tsy afaka nanao an'izany io vatana io. Tsy afaka manao an'izany ity vatana ity, noho izany dia tsy maintsy ovaina amin'ilay fomba iray ihany izy mba handray an'ilay Zanaka.

363. Ahoana no hisehoan'izany, ary rahoviana no . . . aiza no . . . aiza no andehanan'ny Ampakarina?

²⁵¹ Mankany amin'ny Voninahitra Izy, any An-danitra ho an'ny Sakafo harivan'ny Mpanambady, tahaka an'i Isaka sy Rebeka

ao amin'ny tandindona mihitsy, rehefa nandeha nitsena an'i Isaka i Rebeka. Tsarovy i Eliezera, izay maneho ny hafatra izay nalefan'i Abrahama ankehitriny, nandeha Eliezera mba hitady ampakarina iray ho an'i Kris-...ho an'i Isaka. Nahita an'i Rebeka tsara tarehy tao amin'ny hatsiatsiakan'ny hariva izy, zazavavy kely mainty hoditra, nivoaka niaraka tamin'ny sinin-drano iray. Ary nivavaka Eliezera, nanao hoe, "Tompoko Andriamanitra, omeo dia tsara sy fahombiazana aho ankehitriny ho an'i tompoko, Abrahama."

²⁵² Ary hoy izy hoe, "Mandehana, aza maka azy avy eo anivon'ny Filistina; aza maka azy." Mandehana eo anivon'ny havany, maneho fa ny Ampakarin'i Kristy sy Kristy dia mpihavana iray rà, satria Rebeka sy—sy Isaka dia zanaky ny mpiray tam-po.

²⁵³ Ary noho izany dia nandeha izy ireo, ary nivoaka ity Rebeka tsara tarehy ity ka naka rano; ary nivavaka izy; ary nampisotro ny rameva sy ny sisa. Ary avy eo, hanamarika ianareo fa Rebeka dia nanana...Tsy maintsy an'i Rebeka ny safidy farany. Nangataka an'ilay zazavavy tamin'ny rainy izy; nangataka an'ilay zazavavy tamin'ny reniny izy; ary tsy afaka nanaiky izy ireo na ny anankiray aza. Tian'izy ireo hijanona vetivety izy. Hoy izy hoe, "Aza sakanana amin'ny asako aho."

²⁵⁴ Ary tsy maintsy nanao ny safidy i Rebeka, satria hoy izy hoe, "Izy no ilay ankizivavy; aoka izy no hanao ny safidy."

²⁵⁵ Ary vantany vao natolotra azy izany, dia haingana mihitsy no nanapahany hevitra; hoy izy hoe, "Handeha aho." Dia niakatra teo ambonin'ilay rameva izy ka nandeha nitsena ny... Jereo, ilay tena rameva izay nampisotroiny mihitsy no ilay rameva izay nitondra azy ho any amin'ny mpampakatra azy sy ny fahombiazany rehetra. Ary ilay tena rameva mihitsy, ilay tena herin'ny (io biby io ao amin'ny Baiboly dia maneho hery)...Ary ilay Hery izay omentsika rano sy fiderana mihitsy (Amena! Hitanareo?), rano, fiainana, fiderana, ny Teny, no ilay tena zavatra izay mitondra antsika mankao amin'ilay tanin'ny Voninahitra mba hitsena ny Mpampakatra. Eny, tompoko! Amena!

Miandry ny fihavian'io andro Arivo taona
finaritra io,
Rehefa ho avy ny Tompontosika finaritra, haka Ny
Ampakariny miandry.

²⁵⁶ Ary tsarovy, fa nandao an'ilay tranolay i Isaka ary nitsangana tany ivelany tany an-tsaha nisaintsaina tamin'ny fiafaran'ny tolakandro. (Amena!) Rehefa nahita an'i Rebeka tonga izy...Ary tsy mbola nahita azy mihitsy izy ary izy tsy mbola nahita azy mihitsy, fa izany no voaloham-pitiavana. Raiki-pitia taminy izy ary izy taminy, ary nisaron-doha mihitsy aza izy. Amena! Oh, oadray!

²⁵⁷ Ary jereo, rehefa nahita azy izy, dia feno hafaliana ny fony. Tsy fantany hoe iza no hovadiany, fa tamin'ny finoana. Amena! Ary—ary—ary tsarovy, Jesosy dia handao ny Fanjakana, ary tsy any amin'ny Voninahitra isika no hitsena Azy, eny amin'ny habakabaka isika no hitsena Azy, eo anelanelan'ny lanitra sy ny tany, izay nohitarina mba hanavotana antsika. Ary izy nitsena an-dRebeka teo afovoany, teo anelanelan'ny tranony sy ny tranony. Amena! Nitondra azy nankao an-tranony izy, ary nanambady azy, ary lasa mpandova ny zavatra rehetra izay nananan'ny rainy. Amena! Oh, tanteraka, tanteraka mihitsy. Eny àry.

Fanontaniana: Manasaraka ny lehilahy sy ny vadiny ve Andriamanitra ao . . . ?

²⁵⁸ Izaho—tsaratsara kokoa amiko ny tsy mamaky an'ity anankiray ity. Hitanareo, hitanareo? Izany dia ny—izany dia ny . . . mety tsy maintsy hilaza teny iray. Hitanareo? Fantatro ianareo rehetra, fa ireto—ireto—ity dia atao horonam-peo (hitanareo?), noho izany aho—tsaratsara kokoa amiko ny tsy mamaky. Ilay izy dia zavatra mikasika . . . Ilay olona izay nanoratra azy, fantatrao hoe inona ilay izy; ary izaho—tsaratsara kokoa amiko ny mahita anao eo amin'ny fifampiresahana manokana. Hitanao? Tsaratsara kokoa amiko ny tsy . . . Tsy mihevitra aho fa ho tsara ny hamakiana an'izany. Hitanareo? Ilay izy dia—mety tsara ilay izy, ilay olona, tsy misy na inona na inona tsy mety amin'ilay izy; nametraka fanontaniana aradala izy ireo, saingy izaho—heveriko fa tsaratsara kokoa ho ahy ny mahita an'izany eo amin'ny fifampiresahana manokana. Tsy hieritritra tahaka an'izany ve ianao? Na iza na iza fotsiny ianao . . . Fantatrao hoe iza izany, na iza na iza ianao.

²⁵⁹ Oh, oadray! Oh, efa nihoatra ny fotoantsika isika, ry olona. Isika—tsaratsara kokoa amintsika ny mamarana ka handeha—handeha any amin'ny sakafontsika. Adiny firy no tianareo hitsanganako . . . ho laniana eto? [Hoy ny olona iray hoe, “Mandritry ny andro manontolo.”—Mpand.] Oh, oadray, oadray! Iray fotsiny—iray fotsiny, hia, iray fotsiny, kely fotsiny angamba. Raha misy hany tsy maintsy handeha haingana, aza avela ho may ny sakafonareo. Fa raha ianareo—raha ianareo . . . Ary—ary hisakafo ao amin'ny Blue Boar angamba aho, na ao amin'ny Pryor, na ny iray amin'ireo toerana ireo, ary tsy hanelingelina anareo angamba izy ireo. Raha tsy maintsy handeha ianareo, dia Andriamanitra hitahy anareo; azoko. Hitanareo? Ary izaho dia haka fotsiny eo amin'ny, hapetrako eto mihitsy *ireto*, ary izay ihany no hovaliako. Avy eo aho—handeha aho, *ireto* mihitsy, tokony ho eo, haka eo amin'ny dimy ambin'ny folo minitra amboniny, avy eo dia handeha aho, tsy maintsy hiainga.

364. Manana zanakavavy roa aho manambady lehilahy ao amin'ny d-e-a-v- . . . ary mino an'ity Hafatra ity izy ireo. Izy ireo . . . ireo anaram-piangonana, (Marina izany.), ary

mino an'ity Hafatra ity izy ireo ary nanohana an'Izany, ary nahazo. . . Inona no tokony hataon'izy ireo? Nahazo fanoherana izy ireo. Inona no hataonay?

²⁶⁰ Hazòny ny toeranareo! Tanteraka mihitsy. Asehoy ny lokonareo. Izay ilay izy; aza milefitra amin'izy ireo. Tsia, tompoko! Tsy milaza aho hoe, aza mandeha eo anivon'izy ireo, miombona, na zavatra tahaka an'izany, raha mbola afaka miombona foana ianareo; fa rehefa tonga eo amin'ny hoe manova ny sakafo mahazatra izy ireo, fantatrarareo, tsy afaka mihinana miaraka amin'ny papangobe ny voromailala iray.

365. Rahalahy Branham, hanazava ny Marka 13:27 ve ianao azafady? Izao koa, Rahalahy Branham, ahoana ny amin'ireo olona ao amin'ny Apokalypsy 20:7 sy 9, inona. . . izay hiady amin'ireo olo-masina? Avy aiza izy ireo? Hisy fitondrana iray ve tahaka ny tamin'ny—ny fianakavian'i Noa?

²⁶¹ Apokalypsy 13 na. . . Tsia. Marka 13:27, Rahalahy Neville. Apokalypsy 20. Manana ny Baibolinao ve ianao eo, Rahalahy Capps? Apokalypsy 20, ary izany dia toy ny hoe 7 sy 9. Heveriko fa izaho, raha mbola mikaroka an'izany izy ireo. . . Eto, manana an'izany mihitsy izy eto. Apokalypsy, inona ilay izy ankehitriny? Marka 13:27, 13:27.

Ary amin'izany dia haniraka ny anjeliny izy, ary. . . hanangona ny voafidiny avy amin'ny vazan-tany efatra, ary ho. . . ary ny ampahany faran'ny tany hatramin'ny ho. . . ka hatramin'ny ampahany faran'ny lanitra.

. . . ampahany faran'ny tany ka hatramin'ny ampahany faran'ny lanitra.

²⁶² Miresaka ny amin'ny fitsanganana izany, ny famindràna, fiakarana. Haniraka ny Anjeliny Izy mba hanangona. Efa mba nieritreritra ve ianareo hoe inona ireo anjely? Hah? Iraka. Hanangona azy ireo Izy, hamory azy ireo miaraka (hitanareo?), hitondra azy ireo, hanambatra azy ireo miaraka avy amin'ny ampahany faran'ny tany ka hatramin'ny ampahany faran'ny Lanitra, ny Teny izay, efa tonga voaseho teto an-tany. Hitanareo? Azonareo ve ilay izy? Efa voalaza ny Teny; voaseho eto Izany. Hitanareo? Eny àry, Rahalahy Capps. Ndao jerentsika.

Ary rehefa efa tapitra ny arivo taona, Satana dia. . . novahana avy tao an-tranomaiziny,

²⁶³ Eny àry. Vao avy nanazava an'izany aho, sa tsy izany, ahoana no hamahana azy avy ao an-tranomaiziny amin'ny fiafaran'ny arivo taona?

Eny àry, manana anankiray hafa mihitsy aho eto. Iray minitra fotsiny.

366. Rahalahy Branham, avy amin'Andriamanitra ve ilay izy, sa avy amin'ireo fanaoko manokana ilay izy rehefa ireo

zavatra izay niseho, rehefa (a-l-...) alaim-panahy...?
Izany ve...? (Jereo raha mety ho azonao ity. Tsara soratra ilay izy, fa ny fianarako no mahantra. Inona no lazainy eo?...?..Izaho—tsy mino aho fa afaka mamaly an'ity. Rahalahy Capps na izaho dia tsy mety mahazo... Voalaza,)
Izany ve...? (Raha tsy hoe ilay izy—ilay izy dia... raha mpampivelona iray ilay izy. Zavatra mikasika ny asan'ny mpampivelona.) **Avy amin'Andriamanitra ve ilay izy rehefa nijanona tsy nanao asan'ny mpampivelona aho, sa fahadisoako ilay izy?**

²⁶⁴ Tsy ho fantatro. Aleoko mahita an'ity ao amin'ny fifampiresahana manokana. Hitanareo?

Ankehitriny, dia zavatra iray ara-dalàna ny asan'ny mpampivelona, mpampivelona iray fotsiny izany. Hilaza aho...Ankehitriny, ilay olona dia tsy mihitsy...Tsy hoe navelako ity mba hilazana fotsiny hoe tsy hamaly azy, satria ity dia midika betsaka ho an'io vehivavy io tahaka ny dikan'ny fanontaniana aminareo na ny ahy amiko. Hitanareo? Fa ankehitriny, ilay izy raha—ilay izy raha—mpampivelona iray, hoe niala tamin'ny asan'ny mpampivelona fotsiny ianao satria nihevitra ianao fa tsy tokony hiasa...Eny, heveriko fa tokony hitovy betsaka amin'ny famindrampo ny asan'ny mpampivelona. Hitanao? Tokony hieritreritra ianao hoe manao zavatra iray ianao, tahaka ny dokotera iray.

²⁶⁵ Ny dokotera iray izay dokotera tsara, hanampy olona iray isika na nanana vola iraimbilanja izy na tsia, ny tena dokotera iray. Hitanareo? Ary heveriko fa ny mpitoriteny iray, na iza na iza, ny asantsika dia tokony ho amin'ny tsirairay, satria manao ny fiainana ho tsaratsara kely kokoa ho an'ny tsirairay hafa fotsiny isika.

²⁶⁶ Izaho...Rehefa niteny tamiko izy ireo fa tokony hahazo zato dolara isan-kerinandro avy amin'ity fiangonana ity aho ho karama, nahoana, izany dia toy ny—toy ny namono ahy. Ankehitriny...Rtoa. Wilson, fantatro, ary angamba ny zananilahy, ary mipetraka eto izy ireo, dia mahatsiaro taona maro lasa izay, nitovy teny teto aho nandritry ny fito ambin'ny folo taona fa tsy naka iraimbilanja mihitsy aho teo amin'ny fiainako. Ny vola kely rehetra, ny zavatra rehetra nety azoko, dia napetrako tao amin'izany avy hatrany. Hitanareo? Ary rehefa niteny tamiko izy ireo fa tsy maintsy tokony handray an'izany aho mba hanaovana an'ireto, dia toy ny namotika ahy izany. Hitanareo? Mazava ho azy, mino aho fa mety tsara izany, saingy amiko fotsiny (hitanareo?), tsy mila na inona na inona aho, tsy vola, ny zavatra tokana ilaiko dia—dia ny—ny fiombonanareo sy ny fankasitrahana'Andriamanitra amintsika.

²⁶⁷ Izaho—tiako ianareo (hitanareo?), tiako ianareo, ary tiako ianareo hahitsy; ary tiako hahitsy ny tenako. Ary izaho—tiako

ianareo hino ahy; izaho mino anareo. Ary raha manatona ahy miaraka amin'ny fanontaniana iray ianareo, dia tiako ny hahitsy fo aminareo. Ary raha izaho—teneniko aminareo amin'ny Anaran'ny Tompo, tiako ianareo hanao marina tokoa an'izay noteneniko taminareo. Aza miovaova amin'izany na—na kely aza, amin'izay fotoana izay dia handeha miaraka tsara mihitsy tahaka an'izany isika. Hitanareo? Ary avy eo, ireo hafa . . .

²⁶⁸ Ary noho izany ankehitriny, raha ny asan'ny mpampivelona . . . Ary heveriko fa raha ianao, ao am-ponao ny ho mpampivelona . . . Tsy ny olona rehetra no afaka ho mpampivelona iray. Ny mpampivelona iray dia olona malemy fanahy sy tsara fanahy amin'ny olona, ary oh, heveriko fa ny tena mpampivelona iray . . . Raha efa mba narary tany amin'ny hopitaly iray ianareo, na zavatra iray, mahita mpampivelona tena tsara iray izay ho avy sy hanao anareo hahazo aina, na zavatra iray na hafa . . .

²⁶⁹ Nahazo fandidiana anankiray aho rehefa voatifitra tamin'io fotoana io; tsy maintsy nankany amin'ny hopitaly aho. Nisy mpampivelona kely iray teo, izaho dia niantso azy hoe “Sweet Pickles,” satria nanana poti-tsakafo foana izy tao am-bavany, nihinana an'izany. Tahaka an'izany foana isan'andro. Ary teo amin'ny efatra ambin'ny folo taona fotsiny aho tamin'izany, ary voatifitra. Ary ramatoa kely tsotra iray fotsiny izy na ahoana na ahoana, ary izy dia . . . ireo ranjo voatifitra, saiky izy roa ireo no potipotika tahaka an'izany, ary nametraka ondana iray izy *teto* ary ondana iray *tetsy*; ary nanampy ahy foana izy isan'andro. Ary nieritreritra foana aho (ankizy kely iray fotsiny aho tamin'izany)—nieritreritra aho fa afaka hanambady azy, satria izy dia—tena tsara fanahy sy tsara tamiko izy. Eny izaho . . . Izany . . . Hitanareo, midika zavatra izany (hitanareo?) ny manao zavatra.

367. Te-hametraka fanontaniana iray aho. Nomerano iray: Ny akanjomandrin'ny ramatoa ve . . . (Ankehitriny, andraso iray minitra fotsiny; avelao aho hamaky azy . . . ? . . . Tsia, ho mety tsara ity.) Anisan'ny fitafian-dehilahy ve ny akanjomandrin'ny ramatoa iray?

²⁷⁰ Ry tovolahy, aza miteny amiko fa tsy afaka manontany anareo an'ireo sasany izay mandoro izy ireo. Tsy fantatro. Avelako aminareo fotsiny ny fanapahan-kevitra amin'izany. Tsy tokony hisehoseho eo anoloan'ny olona miakanjo azy ireny ianareo; izaho—fantatro izany. Koa ho tahaka an'izany ilay izy, fa amin'ny . . . amin'ny fandehanana eny am-pandriana izaho—izaho—tsy fantatro. Tsy maintsy mihemotra ihany koa aho eo amin'ity anankiray ity.

Niteny taminareo aho fa hahitsy fo raha tsy fantatro. Tsy hametraka ny eritreritro manokana mikasika an'izany aho (eny

àry), raha tsy hoe mila ny hevitra manokana ianareo. Raha tianareo izany, dia ho teneniko aminareo. Hitanareo?

Tsarovy ankehitriny, izany dia tsy... izany—izany... Ity—mety ho diso any amin'ny iray tapitrisa mailly ity. Heveriko fa ho tsara ny manao akanjolava fitondra matory. Saingy—fa raha ianareo—fa raha ianareo... Saingy miankina aminareo fotsiny izany. Ankehitriny, izaho tsy afaka—tsy afaka miteny an'izany aminareo aho, satria tsy afaka manohana an'izany aho. Ankehitriny, izany dia—izany dia—izaho izany, fa tsy Izy, tsarovy. Hitanareo?

368. Ratsy ve ny manapaka an'ireo sisim-bolon'ny vehivavy?

Mino aho fa vao avy nandalovantsika izany minitra vitsy lasa izay (hitanareo?), ho an'ilay kely... Heveriko fa izy ireo no miantso azy ireo—ireo zavatra kely izay mihantona tahaka an'izao...

369. Rahalahy Branham, eo amin'ny iray amin'ireo horonampeo an'ireo Taom-Piangonana Fito dia nilaza ianao fa i Jodasy dia nohamarinina, nohamasinina. Ireo tena izy ireo ve... (Anankiray tsara izany)... azavao... fahatsapana, fahatsapana tena izy an'ny fahasoavana izay noraisiny? Nilaza koa ianao fa i Jodasy dia nanana ny anarany tao amin'ny Bokin'ny Fiainana, kanefa, fantatsika fa nandeha tany amin'ny fiainan-tsi-hita izy ary very. Ahoana no ahafahan'ny olona iray hanana ny anarany teo amin'ny Bokin'ny Fiainana nefa mbola very foana? Na nahoana Andriamanitra no mametraka ny anaran'ny olona eo amin'ny Bokin'ny Fiainana nefa Fantany fa ho very izy ireo amin'ny farany?

²⁷¹ Ankehitriny, anankiray tsara izany, sa tsy izany? Ankehitriny, mety ho tsara ity. Ankehitriny, tsy maintsy hiankina amin'ny Tompo fotsiny aho mba hamaly an'ity, satria mandehandeha fotsiny aho, mandinika, raha ny marina. Jereo! Voalohany, ao amin'ny... ireo fiangonantsika, dia nilaza aho fa i Jodasy dia nanana ny anarany teo amin'ny Bokin'ny Fiainana. Marina izany. Fantatsika izany, satria Jesosy dia niteny tamin'izy ireo rehefa nirahina izy rehetra (Matio 10), handroaka devoly, hitory ny Filazantsara, handray maimaim-poana, hanome maimaim-poana; ary niverina izy ireo nifaly, satria nanaiky azy ireo ny devoly. Marina ve izany? Ary niteny tamin'izy ireo Jesosy, ary niantso ny anaran'izy ireo Izy (iza avy izy ireo, firy no nirahina); ary niverina izy ireo sy Jodasy Iskariota izay namadika Azy koa... Hitanareo? Niverina izy ireo nifaly, satria nanaiky azy ireo ny devoly. Ankehitriny, hitanareo, ilay toetra no ratsy teo. Hitanareo? Tsy tokony hifaly ianareo satria manana fahefana hanao devoly iray hiala aho. Hitanareo? Tsy tokony hanao an'izany ianareo, tokony hifaly ianareo satria efa nahazo fahasoavana ampy mba ho voavonjy

mihitsy aza ianareo. Hitanareo, hitanareo? Tsy tokony hifaly ianareo . . . Tahaka an'izany ny olona . . .

²⁷² Mazàna ireo olona izay manana fanomezam-pahasoavana dia ireo olona izay tsy mila an'ireo fanomezam-pahasoavana. Hitanareo? Niezaka nandositra niala tamin'ilay zavatra i Paoly, toy izany koa i Mosesy. Ireo mpitarika lehibe tahaka an'izany dia miezaka mandositra an'ilay asa; fantatr'izy ireo izay mipetraka eo anoloany. Andriamanitra . . .

Hitanareo, raha maka zalahy iray ianareo izay isan'andro, "Oh, Tompo, fenoy hery aho, dia hivoaka eto, ary handroaka devoly." Tsy hanao an'izany mihitsy Izy. Mahafantatra tsaratsara kokoa noho ny hatoky olona iray tahaka an'izany Andriamanitra. Hitanareo? Tsy hanao an'izany mihitsy Izy.

²⁷³ Ilay izy dia io zalahy izay tsy te-hanao na inona na inona amin'izany io. Hitanareo? Izany ilay zalahy ka afaka haka azy Andriamanitra ary hampianatra azy zavatra indray andro any. Hitanareo?

Koa noho izany, niverina i Jodasy nifaly, izy rehetra ireo, izay ireo anarana . . . Hoy Izy hoe, "Aza mifaly fa manaiky anareo ny devoly, fa mifalia fa ny anaranareo dia voasoratra ao amin'ny . . . eo amin'ny Bokin'ny Fiainana." Ankehitriny, raha mahamarika ianareo ka maka an'i Daniela ihany koa. Ny Ba- . . . Hitanareo?

Satria eo amin'ny Bokin'ny Fiainana ny anaranareo (satria any An-danitra izany, efa fantatra ny anaranareo), tsy mbola midika izany fa voavonjy ianareo. Hitanareo? Tsy niova fo ianareo, mandra-pahazoanareo ny Fanahy Masina. Tsarovy izany. Miova fo amin'ny ampahany fotsiny ianareo. Hitanareo? Ianareo tsy . . .

²⁷⁴ Raha—raha mangataka amiko ha—hazo ôka iray ianareo ka omeko voan'ôka iray, amin'ny ampahany dia manana hazo ôka iray ianareo, amin'ny ampahany, saingy tsy mbola mitombo ilay izy. Izany no antony hinoako ny fiarovana araka ny fomba inoako.

Raha izaho—raha mangataka sahan-katsaka iray aho, ary mahita katsaka saiky izao no haavony, amin'ny ampahany, dia manana sahan-katsaka iray aho. Tsy mbola mitombo ilay izy, mety hisy zavatra hitranga. Hitanareo?

Ankehitriny, eo amin'ny lalanareo ianareo mandalo ny fanamarinana sy ny fanamasinana mankany amin'ny batisan'ny Fanahy Masina. Fa rehefa tena natao batisa marina tokoa tamin'ny Fanahy Masina ianareo, dia ao amin'ny Fanjakana ianareo. Ankehitriny, hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, marina ve izany?"

²⁷⁵ Ankehitriny, tsy manam-potoana aho ankehitriny mba—mba hanome anareo ny Soratra; tadiavo fotsiny izany rehefa tonga any an-trano ianareo, satria tsy fantatro . . . ny saiko.

Tsy maintsy mijery ao amin'ny konkordansako indray aho eto mba hahita an'izany. Niteny tamin'i Petera i Jesosy, izay efa sady voavonjy no nohamasinina... Nino an'i Jesosy izy, dia nohamasinina. Masindahy Jaona 17:17, hoy Jesosy hoe, "Manamasina azy ireo, Ray, amin'ny Fahamarinana; Ny Teninao no Fahamarinana." Ary Izy sy ny Teny dia iray ihany. Izy ireo dia nohamasinina, tamin'ny ampahany, tamin'ny Fahamarinana, ny Teny, ny Fahamarinana. Ary avy eo, Jesosy dia niteny tamin'i Jodasy, na—na, Petera ny alin'ny famadihana, hoy Izy hoe, "Rehefa miova fo ianao, dia ampaherezo ny rahalahinao," rehefa niova fo ianao.

²⁷⁶ Nanaraka Azy nandritra ny telo taona ilay lehilahy ary nanana anarana teo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry, ary efa nandroaka devoly, sy nanao asa lehibe, sy nahasitrana, ary nanao ny karazana rehetra... nitory ny Teny, sy ny zavatra rehetra, nefa mbola tsy niova fo foana. Jereo ny... Mandroso mankany amin'ny fiovam-po ianareo. Hitanareo?

²⁷⁷ Ny zazakely izay... Rehefa miseho ilay hetsika eo anelanelan'ny—ny atody sy ny tsirin'aina, na ny tsimoka... Fa rehefa izy ireo... Amin'ny ampahany, dia eo ilay zazakely rehefa vita ilay hetsika. Avy eo dia mitombo ilay vatana, dingana faharoa; fa tsy maintsy ateraka eto ilay zazakely, ary amin'izay fotoana izay izy no mandray ny fofon'aina. Tsy mbola fofon'aina izany. Hoy ianareo hoe, "Oh, velona izy!" Tsia, tsy velona izy! Ireo hozatra kely izay mihetsiketsika izany, hozatra. Hitanareo? Tsy mandray aina ilay zazakely raha tsy teraka izy. Ary afaka mitsambikina sy mihetsiketsika ianareo, saingy ianareo tsy... Hitanareo, hitanareo? Tsy maintsy ateraka ianareo. Fantatrareo ve izay tiako lazaina? Eny àry.

²⁷⁸ Ankehitriny, ankehitriny, nilaza izy avy eo fa mandray... "Nilaza ianao fa Jodasy dia nanana ny anarany teo amin'ny Bokin'ny Fiainana, kanefa, fantatsika fa nandeha nankany amin'ny fiainan-tsi-hita izy ary very. Ahoana no ahafahan'ny olona iray, arak'izany, hanana ny anarany ao amin'ny Bokin'ny Fiainana nefa mbola ho very foana?" Ankehitriny, mamela ahy haka zavatra kely iray amboniny ato ho an'ity olona malala ity.

²⁷⁹ Mariho ankehitriny, ny Baiboly dia nilaza fa rehefa nahita i Daniela... Izy—izy no nanoratra ny Bokin'ny Apokalypsy voalohany, Daniela. Ary mahamarika isika, tao amin'ilay fahitana fa nahita Azy nanatona ny Fahagola izy izay fotsy tahaka ny volon'ondry ny volony. Firy no mahatsiaro namaky an'izany? Ary efa voamarikareo ve, Jaona ao amin'ny Apokalypsy dia nanatona an'ilay zavatra iray ihany, Apokalypsy 1? Ary nitsangana teo Izy; ny Volony dia fotsy tahaka volon'ondry, ny Tongony sy ny endriny dia nitovy—Fahagola. Fahagola, izany hoe, tsy nanana fotoana; ilay Anankiray Mandrakizay. Ary tonga Izy... Diniho ankehitriny! Ary tonga teto an-tany ireo olo-masina dia novelarina ny boky, ary nisy

Boky iray hafa novelarina, dia ny Bokin'ny Fiainana, boky anankiray. Tonga teo amin'ny fitsarana izy ireo, ary ny... Tonga Izy, ary tonga niaraka Taminy ireo alinalina. Marina ve izany? Nanompo Azy, ny Ampakarina, ny Mpanjakavavy sy ny Mpanjaka...

²⁸⁰ Iza no mpanjakavavy kelinareo ao an-trano? Mikarakara sakafo ho anareo izy. Marina ve izany? (Izay mahatara anareo ankehitriny.) Fa rehefa izy—rehefa manompo anareo izy. Izany no anompoan'ny Ampakarina an'i Kristy, ny Teny. “Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny Teny rehetra.” Hitanareo? Manompo ny Teny ho an'ny Mpanjaka Izy, maneho Ny Teniny nampanantenaina amin'ny taona izay Iainany. Amena! Ah, nilaza zavatra aho arak'izany, tsy azonareo ilay izy, fa...

²⁸¹ Mariho! Oh, oadray! Anankiray tsara izany. Hitanareo? Manompo amin'ilay taona, ny Teny. Mariho ankehitriny! Ary tonga Izy...Tonga Izy, ary alinalina no nanatona Azy; dia napetraka ny fitsarana, ka novelarina ny boky; ary nisy Boky hafa iray novelarina dia ny Bokin'ny Fiainana; ka notsaraina arak'izany izy ireo. Iza io tonga io? Ilay Ampakarina izay tsy voatery ho tonga amin'ny fitsarana, afaka amin'ny fitsarana Izy.

²⁸² Nisy boky hafa iray novelarina dia ny Bokin'ny Fiainana, ary ireo izay nanana ny anarany tao amin'ny Bokin'ny Fiainana dia tsy maintsy notsaraina avy tamin'io Boky io. Ary Jodasy Iskariota dia nilaza ho mpino iray, ary nanana ny anarany voasoratra teo anivon'ireo izay teo amin'ny Bokin'ny Fiainana izy. Marina ve izany? Nihambo ho nanana Fiainana Mandrakizay izy. Ary ny anarany dia napetraka teo amin'ny Bokin'ny Fiainana. Noho izany izy dia tsy maintsy...Nahoana, tsy maintsy notsaraina izy arak'izany mba habitana hoe nahoana izy no nanameloka ny Tenin'ny Fiainana tamin'izany, nivarotra ho an'ny volafotsy madinika telopolo. Ny sasany dia mivarotra mba ho Metodista iray, Batista na inona koa. Nivarotra ny toerany tao amin'ny Bokin'ny Fiainana. Ary izy dia hitsara... izy dia tsy maintsy ho...hitsangana eo ary ho tsaraina amin'ny alàlan'izany, amin'ny alàlan'ny Teny. Hitanareo? Izany no antony tsy maintsy nanaovan'i Jodasy an'izany. Hitanareo? Tsy maintsy tonga amin'ny fitsarana i Jodasy. Teo amin'ny Bokin'ny Fiainana ny anarany, saingy tsy midika izany fa voavonjy izy. Tsy maintsy mitsangana eo amin'ny fitsarana izy.

²⁸³ Ilay virijiny matory dia hitsangana mihitsy eo ambanin'ireo—ireo zavatra iray ihany. Mariho, hoy i Jesosy ao amin'ny Masindahy Jaona 5:24 hoe, “Izay mandre Ny Teniko.” Izany hoe izay afaka mandray an'Izany; tsy izay mandre fotsiny an'Izany voatery ka mandeha manao hoe, “Fahadalana.” Hitanareo? “Izay mandray Ny Teniko, Izay mandre Ny Teniko ka mino (tsy mody-mino, fa mino marina tokoa) Izay naniraka Ahy (dia ny Teny) no *manana* Fiainana mandrakizay ka tsy ho tonga amin'ny fitsarana; fa efa” (fotoana lasa) “tafandrahy avy

tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana.” Hitanareo? Izay ilay izy.

²⁸⁴ Noho izany dia nanana ny anarany teo amin'ny Bokin'ny Fiainana i Jodasy (marina izany), saingy voaheloka izy, satria inona no nataony? Nivarotra ny fizokiana izy.

Teraka tao amin'ny fianakaviana iray niaraka tamin'ny teny fikasan'Andriamanitra i Esao. Ny lahimatoa no nanana ny fizokiana. Firy no mahafantatra an'izany? Tamin'ny alàlan'ny teny fikasan'Andriamanitra iray, dia teo amin'ny boky ny anaran'i Esao ho an'ny fizokiana (marina ve izany?), fa natakalony voatavo iray vilia izany, na pitipoa. Noana mba hameno ny kibony, ny tapakilan-tsakafony, nanakalo ny fizokiany tamin'ny tapakilan-tsakafo iray izy ka tsy afaka nahita toerana hibebahana.

²⁸⁵ Ireo mpisafo tany izay nandeha niaraka . . . tany mba hisafo ny tany, dia tonga ary nihinana an'ireo voaloboka izay nentin'i Josoa sy Kaleba niverina mihitsy aza. Kanefa, inona no nataon'izy ireo? Nivarotra ny fizokiany.

²⁸⁶ Nilaza Jesosy, na i Paoly izay niresaka niaraka tamin'ny tsindrimandrin'i Kristy ao amin'ny Hebreo ny toko faha-6: “Fa tsy azo atao ho an'ireo izay efa nohazavaina indray mandeha, ka efa natao ho mpandray anjara amin'ny Fanahy Masina, ary efa nanandrana ny Herin'ny fiainana ho avy; raha hihemotra izy ireo, mba hanavao ny tenany indray ho amin'ny fibebahana, satria manohombo ny Zanak'Andriamanitra ho an'ny tenany izy ireo, ary manao ny Ràn'ny fanekena, izay nanamasinana azy ireo, ho zavatra tsy masina, ka nanao tsinontsinona an'ireo asan'ny fahasoavana. . .” Tsy azon'io olona io atao ny mba hiverina indray.

²⁸⁷ Izy ireo, ny tsirairay avy afa-tsy Josoa sy Kaleba, dia maty sy levona tao amin'io an-efitra io, kanefa mpino izy ireo, kanefa teo amin'ny boky ny anaran'izy ireo.

²⁸⁸ Ary eto, Paoly no miresaka, raha misy olona hany tonga amin'ny toerana iray hoe efa voavonjy izy, ary nohamasinina (ny Rà no manamasina; Hebreo 13:12 sy 13 dia milaza fa ny Rà no manamasina), ary avy eo dia tonga mihitsy hatreo amin'ny vavahadin'ny batisan'ny Fanahy Masina, ary nohon'ny laza na anaram-piangonana dia mandà tsy handeha ao amin'izany, hoy izy, “Very io olona io ka tsy azo ho vonjena mihitsy” (hitanareo?); satria nanao tsinontsinona an'ireo tena asan'ny fahasoavana mihitsy aza izy izay niantso azy ho eo amin'io toerana io sy naneho an'izany taminy, nefa avy eo dia mihodina, miala lavitra an'izany. Manao ny Ràn'ny fanekena izay nanohomboana azy izy . . . nanohomboana an'i Kristy ho zavatra tsy masina. Satria ny Rà izay namonjy azy, ary nanamarina azy, sy nanamasina azy no mitondra azy hatrany amin'ny batisan'ny Fanahy Masina. Nefa avy eo dia miala lavitra ary mamela an'izany. . .

²⁸⁹ Ankehitriny, diniho io modely io. Maka fotoana betsaka aho, fa jereo! Nanaraka an'ireo lalana iray ihany ireo i Jodasy Iskariota. Nohamarinina izy tamin'ny finoana ny Tompo Jesosy ary avy eo dia nanaiky Azy ho Mpamonjiny manokana. Nohamasinina izy ary nomena fahefana handroaka fanahy; napetraka teo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ny anarany. Fa rehefa tonga teo amin'ny Pentekosta sy ny batisan'ny Fanahy Masina ilay izy, ny fahafenoan'ny Teny, dia nasehony ny lokony. Izany marina tokoa no nataon'ireo mpisafa tanin'i Kanana; izany marina tokoa no nataon'i Esao.

²⁹⁰ Izany marina tokoa no nataon'i Satana tamin'i Eva tao amin'ny sahan'i Edena: “Azo antoka tokoa fa Andriamanitra tsy...”

Fa hoy izy hoe, “Andriamanitra dia nilaza...”

Hoy izy hoe, “Hia, fantatro fa izany dia milaza an'itsy; fantatro fa izany dia milaza an'ity, saingy azo antoka...” Hitanareo, ilay zavatra iray ihany foana hatrany, ary toy izany koa ilay izy amin'izao andro izao.

²⁹¹ Ny fiangonana dia nanaraka tamin'ny alàlan'ny Fanamarinana, Martin Luther; tamin'ny alàlan'ny Fanamasinana, Wesley. Fa izany, rehefa tonga eo amin'ny fotoan'ny batisan'ny Fanahy Masina ilay izy, dia mampiseho ny lokony izy ireo; tsy mila na inona na inona hatao amin'izany izy ireo. Nazareana, Mpivahinin'ny Fahamasinana, Fiangonan'Andriamanitra, ireo rehetra izay mino ny fanamasinana, tsy afaka mametraka ny fanondronareo eo amin'izany ianareo; marina izany. Fa rehefa tonga eo amin'ny sisin-tany iray ilay izy, tonga hatrany amin'io toerana handraisana ny Fanahy Masina ho an'ny fahateraham-baovao io, amin'izay fotoana izay dia inona no nataon'ny devoly? Tonga eo ary miezaka manodina an'izany. Oh, izy dia... hanao ny zavatra rehetra izay ao amin'ny fahefana fantany izy mba hihazona ny olona any ivelan'izany.

²⁹² Tonga teo izy ireo, ary nanao hoe, “Tsy maintsy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ianareo. Tsy maintsy manana fahatsapana iray ianareo. Tsy maintsy manao an'ity ianareo.” Tsy maintsy ateraka ao amin'izany ianareo. Aza mamela olona hiteny aminareo fa io fanamasinana sy ny Fanahy Masina io dia ilay zavatra iray ihany, satria tsy izany ilay izy! Tsy izany tokoa!

Henoy ity Nazareana mihorakoraka eto aoriana eto ity hoe, “Tsy izany ilay izy.” Hitanareo? Fantany fa misy fahasamihafana ao amin'izany, satria misy tokoa izany. Rahalahy Capps, rahalahintsika mahery fo. Hitanareo?

²⁹³ Azo antoka, ny Nazareana... Tsy misy olona afaka milaza teny iray hanohitra an'ireo olona mpivavaka tsara ireo; tsara mihitsy arak'izay mety haha-izy azy izy ireo. Fiangonan'Andriamanitra, Nazareana, Metodista Afaka, tena

izy ireo olona ireo, saingy rehefa tonga eo amin'ireo asan'ny Fanahy ilay izy, dia hoy izy ireo hoe, “Oh, oh, ny devoly izany.” Ary inona no nataon'izy ireo teo? Miteny ratsy ny Fanahy Masina. Rehefa manao an'izany izy ireo . . .

²⁹⁴ Ankehitriny, inona ny fitenenan-dratsy? Tsy misy famelàna. Marina ve izany? “Izay nohazavaina indray mandeha, natao ho mpandray anjara, ary nanandrana an'ireo fanomezam-pahasoavana avy any an-danitra.” Mpan- . . . Nanandrana—nanandrana ny fanamasinan'Andriamanitra: nodiovina niala tamin'ny sigara, sy ireo vehivavy maloto, ary ireo karazampiainana rehetra tahaka an'izany. “Ary nanandrana an'ireo zavatra avy any an-danitra.” Mba hahitana fa mandeha hatrany amin'io sisin-tany io izy ireo tahaka ny nataon'ireo mpisafotany izay nihinana ampahany tamin'ireo voaloboka. Fa inona no tokony hataon'izy ireo? Tokony nandrava ny anarampiangonany izy ireo mba hidirana ao amin'io. Hitanareo? Milaza . . . Hitanareo? “Nanandrana an'ireo fanomezam-pahasoavana avy any an-danitra; hita fa nanohombo ny Zanak'Andriamanitra tamin'ny tenany indray izy ireo; ary nanao ny Ràn'ny fanekena izay nanamasinana azy ireo ho zavatra tsy masina.”

²⁹⁵ Ny fanamasinana dia rehefa atao eo amin'ny boky ny anaranareo amin'ny maha-mpino iray. Ny teninareo . . . Voasoratra ao amin'Ny Ràn'ny anaranareo. Hitanareo? Ny fanamasinana no manao an'izany; ary mandroso ianareo, rehefa natoky anareo Izy hatreto, ary avy eo dia mandroso . . . Hoy izy ireo hoe, “Eny, ho Fantany ve izany?”

²⁹⁶ Eny, Fantany izany. Fantany fa tsy hanao an'izany ianareo tany amin'ny voalohany. Fantany fa tsy hanao an'izany i Jodasy. Fantany hatrany amin'ny voalohany izy; izy no zanaky ny fahaverezana. Saingy tsy maintsy tanteraka ireo zavatra ireo. Hitanareo? Tsy maintsy tanteraka ny Teny, ny rehetra, na dia ireo tandindona sy aloka aza. Oh, oadray! Afaka mijanona eo amin'izany mandritra ny ora maro isika.

370. Rahalahy Branham, rehefa nanome ny hafatra mikasika an'ireo fitopolo herinandron'ny fiangonana ianao . . . fitopolo herinandro (Mamelà ahy.) an'i Daniela, mino aho fa nilaza ianao fa ilay manontolo—ilay herinandro farany manontolo na ireo fito taona farany dia hanomboka rehefa nentina tao amin'ny Fampakarana ny Ampakarina.

²⁹⁷ Tsia, tsia, tsia, tsia, tsia, tsia, tsia, tsia! Diso ny nahazoanao azy (hitanao?), tsy ireo herinandro fito manontolo. Ilay—ilay herinandro dia nanomboka rehefa tonga teto an-tany i Jesosy. Hoy izy hoe, “Ny Mesia, Andriana, dia ho avy ka haminany, ary eo afovoan'ireo herinandro fito, dia ho esorina Izy.” Ary Jesosy dia nitovy teny telo taona sy tapany marina tokoa, izany hoe antsasaky ny fitopolo herinandro, ireo fito andro, herinandro—

andron'ny herinandro. Hitanareo? Ary misy telo taona sy tapany tavela.

²⁹⁸ Ankehitriny, rehefa tonga eto an-tany i Mosesy sy Elia, Apokalypsy sy Zakaria izany... (Rahalahy Coomer ny—ny fanontaniana sy Ranabavy Coomer eo dia mitovy.) Ankehitriny, rehefa izy ireo... Rehefa Zakaria 4 sy Apokalypsy 11, ireo hazo oliva roa sy ny sisa, dia i Mosesy sy Elia, rehefa tonga eto an-tany izy ireo dia maminany efatra amby enimpolo sy roanjato sy arivo andro. Inona izany? Telo taona sy tapany marina tokoa. Ilay zavatra iray ihany marina tokoa izany. Tsy... Hitanareo? Na iza na iza ity olona malala ity. Tena, tena, tsara tarehy, nanoratra—nanoratra teo amin'ny taratasy misy titra ara-pivavahana voasoratra—andalana eto sy ny sisa, ary tena tsara ilay izy. Ary fanontaniana iray tena tsara ilay izy, saingy (hitanao?) tsy azonao ilay izy, izay nolazaiko mihitsy. Tsy nino mihitsy aho fa ho tapitra eto ireo fitopolo herinandro manontolo. Nesorina ny Mesia. Firy no mahatsiaro an'izany tao amin'ny toriteny teto? Izany tokoa! Hitanareo? Fito herinandro.

371. Hatramin'io, dia toa tanteraka nandritr'ilay asam-panompoana ireo telo taona sy tapany voalohany (Eny, eto dia azonao tsara ilay izy eto.) an'i—an'i Jesosy, fa ilay fiteny hoe, “afovoan'ny herinandro” dia toa ampiharina amin'ny antikristy irery ihany izay manapaka ny fanekeny tamin'ny... (Tsia, io antikristy io dia manapaka ny fanekeny tamin'ny fiafaran'ny telo taona sy tapany farany. Hitanareo?) Araka ny fahazoako ny horonam-peo mikasika an'i Daniela, dia nifarana ny sivy amby enimpolo herinandro voalohany rehefa niditra tao Jerosalema Jesosy ny A.D. 30, noho izany io telo taona sy tapany an'ny Asam-panompoany io dia ho tafiditra ao anatin'ireo sivy amby enimpolo herinandro; ary ireo herinandro farany manontolo—ary ny herinandro farany manontolo na fito taona dia mbola ho tanteraka ary hanomboka amin'ny Fampakarana. Azafady hazavao amiko izany.

²⁹⁹ Fantatrao, rahalahy, ranabavy, na iza na iza no nametraka an'ity fanontaniana ity. Tena tsara (hitanao?), fa mino aho fa mikorontana kely ianao eo amin'izay nolazaiko. Hitanareo? Ankehitriny, ny... Rehefa tonga tao Jerosalema Jesosy (marina tokoa izany), dia izany no fiafaran'ny... Hitanareo? Niala avy tao mihitsy Izy ary nohombaona. Hitanareo? Ary Izy—naminany nandritry ny antsasaky ny fitopolo herinandro Izy izany hoe telo sy tapany. Ankehitriny, nesorina Izy, ary natao fanatitra iray ny Fanahiny. Ary ankehitriny, ho avy arak'izany... Amin'izao andro farany izao, mbola misy telo taona sy tapany nampanantenaina an'ireo—ireo Jiosy. Ary ny... nandritr'izany fotoana izany no nisy fanangonana ny olo-masina ho an'ny Fampakarana, ilay Fiangonana.

³⁰⁰ Ankehitriny, tsy ho vitako hatramin'ny farany ireto rehetra ireto, Rahalahy—Rahalahy, Ranabavy.

372. Afaka azavainao ve azafady ny Korintiana Voalohany, toko 7, andininy 1 sy faha-9? (Raiso izany, Rahalahy Neville, Korintiana Voalohany, toko 7, andininy 1, ankehitriny.)

373. Ary ny tena mpino tsirairay ve no hanao an'ireo asa izay nolazain'i Jesosy, araka ny voalaza ao amin'ny Masindahy Jaona 14:12 (Tsy izany loatra. Tsia!): **manasitrana ny marary, mamoaka devoly, manangana ny maty** (Tsy mihevitra aho fa ao amin'ny Masindahy Jaona 14 izany, fa mety tsara izany. Marka 16 izany.), **sa—sa—sa ho an'i Elia irery ihany io? Ny mpino ve dia tsy maintsy manao an'izany rehetra izany. . . an'io. . . manao marina tokoa. . . izay mino marina tokoa? Ary raha tena mpino iray marina tokoa izy, dia hanangana ny maty sy hanao fahagagana lehibe ve izy?**

³⁰¹ Ankehitriny, izany dia eo anivon'ireo mpino. Hitanareo? Tsy ny olona rehetra no manana an'ireo fanomezam-pahasoavana ireo, ary tsy midika izany fa olona anankiray fotsiny no hanao an'izany; hisy vondron'olona. Toy ny hoe ohatra, ahoana moa raha—raha manana zazavavy kely iray isika tato ampiangonana, na zazalahy kely iray, na olona iray tena tiantsika tokoa, ka niala tamin'izy ireo ny aina. Hivory ny fiangonana manontolo, ary handeha hivavaka sy hifady hanina izy ireo: “Tampo, mamindrà fo amin'io zaza io.” Hitanareo? Afaka hanangana azy Andriamanitra.

³⁰² Firy no mba namaky ny *Nicaea Fathers* sy izy ireo? Fantatrareo, tahaka an'izany no nanaovan'izy ireo an'izany tao amin'ny fiangonana voalohany. Nivory izy rehetra ireo, fantatrareo, ary nanangana ny pasiterany mihitsy aza indraindray ary olona samihafa tahaka an'izany, raha hitan'Andriamanitra fa mety ny hanaovana an'izany; fa nataon'izy ireo izany.

374. Raha voavonjy ny fiangonana na dia tsy mandeha ao amin'ny Fampakarana aza izy, araka ny inoako fa nampianarinao, dia tsy maintsy mandalo fahoriambe izy mba ho diovina. Fa ahoana ny amin'ireo izay maty ireo, ahoana no hahavoadio azy ireo?

³⁰³ Eny àry. Ireo izay manana an'izany. . . Tsy mila fanadiovana ny Ampakarina; efa voadio Izy. Ary ireo izay—izay—izay maty tany ireo, ireo izay mandalo. . . Hitanareo? Tsy nandray ny Hazavana izay noraisin'ireto fiangonana eto ireto mihitsy izy ireo; niaina teo ambanin'ny Fanamarinany izy ireo, Fanamasinany, sy ny sisa tahaka an'izany. Niaina tamin'ilay Hazavana nananany izy ireo, angamba tao amin'ny—tao amin'ny fomba iray izay niaretan'izy ireo, ary na inona na inona nandalovany, tao amin'ny fanenjehana azy ireo. Fa ankehitriny, amin'io fotoan'ny fampakarana tahaka an'izao io (hitanareo?),

dia tsy maintsy ho tonga ny fotoana iray ankehitriny izay hahatonga an'io ampakarina io (izay mandà ny ampahan'ny Lohan'ny Ampakarina) tsy maintsy hijaly nohon'ny fandàvany, satria ny Filazantsara dia tsy natao mazava tamin'izy ireo tany, tahaka ny anaovana azy mazava aminareo amin'izao andro izao. Hitanareo? Mahita azy tena mazava ianareo. Nanana an'ireo taona sy ohatra rehetra ireo ianareo, nosokafana ireo Tombokase, novelabelarina ny Taonan'ny Fiangonana, sy ny zavatra rehetra tahaka an'izany. Tena mazava fotsiny izany ka tsy afaka ho diso an'izany ianareo. Hitanareo? Ary noho izany, raha mandà tanteraka an'izany ianareo, dia zavatra iray ihany no atao, miaritra nohon'ny amin'izany.

³⁰⁴ Hitanao ve izany Rahalahy Neville? Mikasika ny inona ilay izy? Izaho fotsiny. . . Tsaratsara kokoa amiko ny mandeha ankehitriny, satria efa tara loatra izao. Hitanareo? Izaho dia. . . Fito—fito, sivy. . . Ndao jerentsika.

Nefa raha tsy afaka maharitra izy ireo, dia aoka hanambady: fa tsaratsara kokoa ny manam-bady noho ny ho maimay.

³⁰⁵ Eny àry. Izany dia ho an'ny fiainana maloto fotsiny. Raha tokony ho lehilahy iray, zazalahy iray, zazavavy, na zavatra na hafa rehefa miaraka izy ireo ary—ary fantatr'izy ireo fa tokony hivady izy ireo, dia mandrosoa ary aoka hivady. Heveriko fa ianareo—azonareo izay tiako lazaina, sa tsy izany? Hitanareo? Aza miaina fiainana maloto kely fotsiny eo, satria tsy tsara izany. Hitanareo? Anabavinareo io amin'ny lafiny iray, raha Kristiana iray ianareo. Ankehitriny, raha izao tontolo izao ilay izy, dia izao tontolo izao: alika mihinana alika. Fa io zazavavy izay iarahanareo io, dia anabavinareo koa. Io no ho renin'ny—ny zanakareo izay ho avy. Aza miaina fiainana maloto kely aminy, aseho fa tena lehilahy mihaja Kristiana ianareo. Miainà tahaka ny tokony iainan'ny lehilahy mihaja Kristiana iray. Hitanareo? Ary ento tahaka ny anabavinareo izy, ary rehefa mivady ianareo, dia mbola ento tahaka an'izany foana izy.

³⁰⁶ Mety hamaly an'io aho izao ankehitriny izao. Tsy mino ny fiainana maloto eo anivon'ireo olona Pentekotista aho, ny olon'ny fahamasinana, na dia manambady aza izy ireo. Tsy mino an'izany aho. Tsia, tompoko! Ny sasany amin'io zavatra maloto io izay—izay tena mahatsiravina. . . Mahita ato aho eto indrindray eo amin'ireo. . . Tsy izao maraina izao, tsia, tsy miteny an'izany aho. Fa ny tiako lazaina dia eo amin'ireo fotoana misy ahy any California sy ireo toerana samihafa tahaka an'izany. Mihaona amin'ireo mpitoriteny aho any, izay eo amin'ny famantarana, dia tsapako fa toa afaka hanodina azy ireo eo amin'ny lohaliko aho ary manome azy ireo “fampiantanana protoplasma an'ny Filazantsara” kely iray. Eny, tompoko! Oadray, ny mahita lehilahy iray izay hanandrana haka ny vady keliny, ary maloto, feno loto, izany dia. . . Azonareo izay tiako

lazaina. Heveriko fa tokony ho menatra ny tenanareo ianareo amin'ny maha-lehilahin'Andriamanitra mba...Aoka ho vady lahy iray fotsiny ianareo; aoka ho mamin'ny fo. Hajao tahaka ny anajanareo azy foana izy. Aza miraharaha an'ireo, ny sasany amin'ireo tsi-...bokin'ny fananahana, na ireo fahadalana ao anatin'ireny bokin'ny fananahana ireny, sy ireo zavatra izay vakianareo, sy io karazan-javatra rehetra io, ary ny zavatra rehetra tahaka an'izany. Esory ao an-tsainareo izany karazan-javatra maloto izany.

³⁰⁷ Nilaza ny Baiboly hoe aza mamela resaka maloto anankiray ho tonga eo anivonareo rehefa miresaka fahamasinana ianareo. Ento toy ny malalan'ny fonareo io ramatoa kely io. Raha enimpolo taona izy, dia aoka ho tahaka an'izany foana ianareo. Aoka ho io sakaiza mahery fo io ianareo; tsarovy, fa izany ianareo.

Aza manandrana ny iray amin'ireny zava-baovao ireny, ary fantatro izay resahako...Ary aoka ianareo ho vady lahy iray fotsiny, rahalahy iray tena izy, Kristiana iray tena izy.

Fantatro fa izany dia toa...Fa ny...Zanako ianareo. Manana zò hilaza an'izay tiako lazaina aminareo aho. Hitanareo? Zanako ianareo; miainà tsara.

³⁰⁸ Ary ianareo vehivavy, miainà an'ilay fomba tsara amin'ny vadinareo. Ary ianareo lehilahy, miainà an'ilay tsara aminareo...amin'ny—amin'ny—amin'ny vadinareo. Aoka ho tena, tena mahafinaritra ary mifanaja fotsiny amin'ny...Ary ny—ny fifandraisan'ny fianakavianareo sy ny sisa tahaka an'izany, aoka izany ho amin'ny fanajana, sy am-pahamasinana, sy amin'ny fifanarahana eo anivonareo ary ny zavatra rehetra arak'izay mety haha-izy azy. Aza manery mihitsy, sy manosika, ary—ary ho maloto sy vetaveta.

³⁰⁹ Aoka hahazo, miresaha amin'ny vadinareo. Raha—raha misy natiora iray aminareo ary natiora hafa iray aminy, dia resaho aminy izany. Ianareo—miezaha manao an'ilay zavatra iray ihany aminy ianareo, ranabavy. Ary toy izany koa...Mifankahazoa ary aoka—aoka ho tena lehilahy mihaja Kristiana sy tena ramatoa Kristiana, ary—ary samy ho rahalahy sy anabavy. Tsarovy isan'andro, fa zanak'Andriamanitra ianareo, ary avy amin'ny Fianakavian'ny Mpanjaka. Ràn'ny mpanjaka ianareo; tsy misy rà tsaratsara kokoa noho ny anareo eto amin'izao tontolo izao. Ary marina izany! Ary ny rà'n'ny mpanjaka iray dia maneho ny tenany. Izany ilay izy, an'ny mpanjaka izany. Ny rehetra izay mino an'izany manaova hoe, “Amena.” [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Eny, tompoko! Asehoy hoe iza ianareo. Izaho dia ny...Izaho no...Izaho dia zanakalahin'ny Mpanjaka iray, izaho no zanakalahin'ilay Mpanjaka. Ny vadiko dia zanakavavin'ny Mpanjaka iray. Ahoana no hitondrako an'io zanakavavin'ny Mpanjaka io?

Ahoana no hitondrany an'io zanakalahin'ny Mpanjaka io? Hitanareo ve izay tiako lazaina? Aoka ho tena izy marina.

375. Hisy hetsika iray an'ny Fanahy Masina ve, famantarana, sy fahagagana, ary zava-mahagaga ataon'ny Ampakarina alohan'ny Andehanany, sa miandry ny Fisehoany fotsiny isika?

³¹⁰ Tsy maintsy hamarana eo amin'ity anankiray ity aho, heveriko, satria manana be loatra ho vitaina aho eto. Ary efa tena tara izao. Amin'ny iray latsaka roapolo minitra izao, nefa aho manana eo amin'ny telopolo na efapolo amin'izy ireo angamba eto, angamba. Hamaly an'ity amin'ny tsara indrindra amin'ny fotoako aho. Izaho...maka an'ireo telo minitra manaraka fotsiny. Halaiko ireto rehefa afaka aho. Hitanareo? Tsy fantatro hoe rahoviana aho no afaka haka azy ireo; hanao ny tsara indrindra izay vitako aho. Ankasitrahanao ve izy ireo? Izaho... Manampy ahy koa izany. Hitanareo?

Ny tonga eto ka haka azy ireo tahaka an'izao, alohan'ny hijerenareo azy ireo mihitsy aza (hitanareo?), manana zavatra sasany izay tsy azonareo valiana ianareo, ary—ary izaho—nanantena aho fa haka aho...Fantatro fa misy anankiray ato mikasika ny taranaky ny menarana. Naniry mafy aho ny hahazo azy; naniry aho ny hanazava an'izany. Hitanareo? Saingy heveriko fa diso azy fotsiny aho, noho izany aho dia tsy maintsy fotsiny... Angamba tsy tian'ny Tompo ny hanaovana an'ilay izy tahaka an'izany, fa teo amin'ny taranaky ny menarana izany. Mba tsy handehanan'ny olona iray mikasika an'ity horonampeo ity hilaza hoe, “Eny, izy dia, nodinganiny izany.” Firy no hiharitra roa minitra amboniny ho an'izany? Hah? Eny àry.

³¹¹ Andraso ankehitriny, mamelà ahy haka an'ity anankiray ity aloha. Ndao jerentsika! “Hisy ve ny—ny...?” Tsia. Ity fanontaniana eto ity dia izao: “Hisy fahagagana ve hataon'ny Ampakarina?” Eny, tompoko! Efa vita izao ankehitriny izao izany. Marina izany! Hitanareo? Fa aza miandry zavatra lehibe tahaka an'izany, na mitondra ny lanitra ka manidy ny lanitra, dia tsy avy ny orana. Izany dia mikasika an'ireo—ireo Jiosy ankehitriny. Hitanareo? Tsy mikasika an'ity mihitsy izany; izany dia Mosesy sy Elia ho an'ireo Jiosy, fa tsy ho an'ity Fiangonana ity mihitsy. Vakio ny toko telo voalohany an'ny Apokalypsy; hitanareo eo mihitsy hoe inona ilay Fiangonana. Izany rehetra izany dia ho an'ilay Fiangonana. Ary rehefa niverina niaraka tamin'ny Ampakarina izy, rehefa niverina izy ary... Vakio... Raha te-hahafantatra mikasika an'ilay Fiangonana ianareo, inona ny mikasika Azy, dia vakio ireo toko telo voalohany an'ny Apokalypsy, ary avy eo dia mankanesa ao amin'ny toko faha-19 ary manomboha mamaky avy eo. Amin'izay fotoana izay dia manana ny Ampakarina ianareo. Ny sisa amin'izany dia any amin'ireo Jiosy any.

³¹² Ankehitriny, mikasika ny taranaky ny menarana. Tsy mety hitako ilay izy *ato*, satria, hitanareo, antontany lehibe iray amin'izy ireo fotsiny izany. Fa hoy ilay olona hoe, “Raha ny menarana—raha ny taranaky ny menarana . . .” Hitanareo, ilay vehivavy. “Izy—nahazo zanakalahy tamin'ny Tompo izy, izy no niteny an'izany.”

Eny, mino aho fa tamin'ny Alahady lasa teo, dia nanazava aho hoe ahoana no nahazoany an'izany avy tamin'ny Tompo. Raha nahazo an'izany mihitsy izy, dia nahazo an'izany avy tamin'ny Tompo, hitanareo, satria tsy maintsy avy amin'ny Tompo, satria ny lalàn'Andriamanitra dia manana, izany dia—hankatò an'Andriamanitra izany, marina tokoa.

³¹³ Nandidy Izy mba hamiratra ny masoandro, dia mamiratra ny masoandro. Mandidy mba hilatsahan'ny ranonorana amin'ny marina sy ny tsy marina Izy; manao an'izany izy. Ary ireo voa nambolena any amin'ny saha rehetra, na tsara izy ireo na ratsy, dia haniry; voa iray izany. Ary raha nambolena ny voa iray, tsy mampaninona . . .

Ary ny fomba tokana nahafahan'ny menarana namboly an'ilay voa, dia izy no biby tokana akaikin'ny olombelona. Satria amin'ny fivoaran'ny taranak'olombelona, rehefa ny olona . . . Nanomba teo ambonin'ny tany Andriamanitra . . . Ary nanomboka nanamboatra vorona Izy, ary ny . . . avy amin'ny vorona dia nankao amin'ireo zavatra samihafa Izy, avy eo ny rajako, ary avy amin'ny rajako nankany amin'ny menarana.

³¹⁴ Ankehitriny, nanova an'io menarana io tamin'ny fomba iray Izy (izay tsy maintsy natao) mba hampifanjevo an'ity taranaka ity, izay miezaka ahita taolana iray izay mitovy amin'ny karazana biby anankiray izay ampahany olona ary ampahany biby, mba hilazana hoe teo ny olona . . . Verin'izy ireo izany nanomboka teo amin'ny rajako; saingy fotsiny hoe tsy manana fahaizana ny rajako. Tsy manana fanahy ny rajako; tsy afaka mieritreritra izy. Manana fotsiny izy . . . Izy—afaka izy . . . Izao fotsiny—tabataba iray, ary afaka izy . . . Ny soavaly iray, “gee,” “hao,” na zavatra tahaka an'izany. Ny alika iray, “Avia eto, Fido, manaova fitapitaka. Mitsambikina!” Ary mametraka sakana sy ireo zavatra tahaka an'izany, manao an'izany amin'ny fientanam-po izy, amin'ny alàlan'ny fandrenesana, ary ireo zavatra tahaka an'izany, hetsika iray; fa ny mieritreritra sy ny mahazo, tsy afaka izy ireo. Tsy fantany fa mitanjaka izy ireo, tsy fantany ny lahy sy ny vavy, ny fahasamihafana, tahaka an'izany. Tsy manana lalàna izy ireo tahaka ny . . . ? . . . Hitanareo? Tsy afaka manao an'izany izy ireo. Ny olombelona no hany tokana.

Ary ilay anankiray manakaiky ny olombelona dia ny menarana. Nilaza ny Baiboly fa izy no fetsy indrindra amin'ny bibidia rehetra an'ny saha. Kinga saina indrindra, izy—izy—saiky nanana fanahy iray izy. Nanana toerana ho an'ny fanahy

izy, fa inona no nataony? Nivarotra tamin'i Satana izy mba hamitaka an'Andriamanitra, hiezaka hamitaka. Firy no mahazo an'izany hatreo?

³¹⁵ Satana, ilay menarana, dia saiky nanana fanahy iray. Fantatr'Andriamanitra fa hitady an'ireo taolana ireo izy ireo, nefa tsy misy taolana ao anatin'ny bibilava iray izay mitovy amin'ny olona. Izy dia . . . Izany no ozony. Nitsangana tamin'ny tongony tahaka ny olona iray mihitsy izy.

³¹⁶ Mariho, avy eo io voa io, izay manakaiky ny voan'olombelona . . . Satana izy tenany, ilay fanahy, dia nahafantatra fa io no voa tokana izay haha-bevohoka an'ilay vehivavy, satria tsy hanao an'izany ny rajako. Nafangaron'izy ireo izany ary ny zavatra hafa rehetra; tsy hanao an'izany ilay izy. Fa fantany fa tsy ho tonga any amin'ny sahan'ny atodin'ilay vehivavy ny tsimok'aina ao amin'ny rajako; fa fantany fa ny voan'ny menarana no hanao an'izany, noho izany dia nifanaraka tamin'ny menarana izy.

³¹⁷ Ary tsy fantatr'i Adama mihitsy hoe azo atao io hetsika io. Hitanareo? Natao ho vavy iray izy. Izany tokoa, ho tonga eo amin'izany izy aty aoriana; fa hitanareo, ny fahamasi-mandidin'Andriamanitra haneho ny Tenany ho Mpamonjy sy—sy ny sisa, araka ny efa nohazavaiko imbetsaka. Fa fantatr'i Satana izany, satria nanatona azy tamin'ny endrik'io menarana io izy, dia ilay bibidia; ary bi—bibidia iray, ary nanatona azy. Ary bevohokan'i Satana izy aloha.

³¹⁸ Ary raha hahamarika ianareo, dia hetsika roa ihany no natao, nefa nisy zaza telo teraka. Zahao ny Soratra. Niteraka kambana izy. Ny iray tamin'ireo dia taranaky ny menarana; ny iray hafa dia Abela. Namitaka ny vadiny izy ary niteny . . . Hitanareo? Noho izany dia nasehony tamin'ny vadiny hoe inona izany, ary avy eo dia niaina niaraka taminy koa izy, ka niteraka an'io zaza io. Ary tiako ianareo . . . mba hanehoana fa bevohoka kambana avy tamin'ny anankiroa samihafa izy . . . Izy dia a . . . Vehivavy virijiny izany.

³¹⁹ Izy ireo dia, hitanareo, matanjaka izy ireo. Jereo ity ohatra. Nanambady ny anabaviny manokana i Abrahama. Nahoana, raha nanambady ny anabaviny ny lehilahy iray amin'izao andro izao, dia ho adala ireo zanany. Hitanareo? Fa ny olombelona . . . Ary eto Jakoba . . . na—na Isaka dia nanambady an'i Rebeka izay zanaky ny mpiray tam-po aminy manokana, mpiray tam-po iray rà manokana, mitovy rà, hitanareo, zanaky ny rahalahin'i Abrahama.

³²⁰ Mariho, mariho ankehitriny, eo amin'ity, hitanareo, misy . . . tena nahery ny taranak'olombelona. Ankehitriny, raha mahamarika ianareo fa kambana hatrany foana ilay izy. Nisy . . . Kaina sy Abela dia kambana, ary Esao sy Jakoba dia kambana. I Jesosy sy Jodasy dia avy amin'ilay foko iray

ihany ary tao amin'ilay fiangonana iray ihany. Ary ny . . . Na ny Fanahy Masina sy ny antikristy aza dia tokony ho kambana, "Tena mifanakaiky ka hamitaka ny tena Voafidy raha azo atao." Azonareo ve ilay izy? Eny àry.

³²¹ Ankehitriny mba hanaporofoina an'izany, dia tiako ianareo haka ny Joda ny . . . Mino aho fa ny andininy faha-17, na ny andininy faha-14-n'ny Joda ary nilaza . . . Ankehitriny, ankehitriny, mariho izany. Ankehitriny, hamarana aho. Mariho. Mba handidy an'ilay zavatra manontolo hanaovana azy mahitsy, voalohany dia hoy Izy hoe, "Hampifandrafesiko ny taranakao sy ny taranaky ny menarana." Hitanareo? Ankehitriny, tsy manana voa izy. Noho izany, ny nahazoany an'io voa io dia ny voan'i Satana. Kaina dia zanak'i Satana. Tsy nanana voa izy, noho izany dia azony tamin'ny alàlan'ny firaisana aranofo izany. Ary rehefa nanao an'izany izy, dia nomen'ny fahavalon'Andriamanitra azy izany. Ary avy eo, rehefa nomen'Andriamanitra Taranaka iray izy, dia tsy nanana fananahana mihitsy Izy tao anatin'izany. Azonareo ve ilay izy? Ny andevovavy sy ny zanany dia noroahina, satria tsy handova miaraka amin'ilay vehivavy afaka sy ny zanany.

³²² Ary mariho, avy eo dia nomena Taranaka iray izy dia Kristy. Na ny atodiny . . . Ankehitriny, ny Protestanta dia te-hino fa hemôglôbina nateraky ny virijiny iray izany, izany dia ilay Rà noforonin'Andriamanitra izay nipetrahan'ilay tsimoka, saingy nolazain'izy ireo fa atodiny izany. Tsia, tompoko! Tsy afaka handalo amin'io fantsona io hankao amin'ilay kibo io atody io raha tsy misy fahatsapana iray. Noho izany dia mitondra an'Andriamanitra ianareo, miaraka amin'ny—ny Fanahy iray, manao firaisana aranofo amin'ny vehivavy iray. Ahoana no ahafahan'izany ho vita? Zavatra noforonin'Andriamanitra daholo izany, ny atody sy ny tsimoka.

³²³ Ary Zanak'Andriamanitra Izy, fa tsy zanak'i Maria, satria tsy niantso azy hoe reniny mihitsy Izy. "Ravehivavy," no Niantsoany azy, tsy reny mihitsy. Tsy Reniny izy. Zanak'Andriamanitra Izany, ary Andriamanitra dia Iray. Azonareo ve ilay izy?

³²⁴ Ankehitriny, zavatra iray hafa hanaporofoina an'izany sy hamantsihana an'izany hilentika, raha misy olona hany mifamaly aminareo, dia miverena ato amin'ny Bokin'i Joda, heveriko fa izany dia ny andininy faha-17 (ny andininy faha-14 na faha-17), hoy izy hoe, "Ankehitriny, Enoka . . ." Tianareo ve ny hamakiako an'izany? Manana an'izany fotoana betsaka izany ve ianareo? Ndao—ndao isika . . . ary avy eo aho dia haka . . . Avy eo dia ho fantatro, satria mandeha ny horonam-peo eto, ary isika—mety hampifangaro an'izany isika ao—ao amin'ity ankehitriny. Mamelà ahy hahita raha izany no . . . Andininy faha-14:

. . . *Enoka koa, ilay fahafito avy tamin'i Adama, dia*

naminany ny amin'ireny zavatra ireny, nanao hoe, Indro, ny Tompo tonga miaraka aminy dia ny olomasiny alinalina,

³²⁵ Ankehitriny, miverena any amin'ny toko faha-5 (heveriko fa izay ilay izy) an'ny Genesisy, ary avy eo dia mandehana koa, ao amin'ny Bokin'i Lioka (maniry aho ny ahafahako hahita an'izany; nosoratako eto daholo izany, raha afaka hahita azy aho ato) ary ho hitanareo fa ao amin'ny filazan-taranaka, tsy misy na aiza na aiza ao amin'ny Baiboly . . . Raha . . . Jereo! Raha i Noa . . . Raha i Enoka no fahafito avy tamin'i Adama, hoy ny Baiboly hoe, "Adama ary avy eo i Seta zanany," satria Kaina dia tsy taranak'i Adama. Voalaza fa i Adama dia niteraka an'i Seta, ary i Seta niteraka . . . Jareda; Jareda niteraka, hatrany amin'i Enoka; ary Enoka no fahafito avy tamin'i Adama. Tsy nisy na taiza na taiza no mba niresahana fa i Kaina dia mba noheverina ho zavatra iray tao amin'ny filazan-taranak'Andriamanitra.

³²⁶ Ankehitriny, jereo fotsiny ary tadiavo raha izany ilay izy na tsia; tadiavo izany. Ary tonga i Lioka dia nanonona an'izany avy hatrany indray, ka manomboka amin'i Adama. Tsy nisy fotoana iray mba anononana an'i Kaina ao amin'ilay zavatra manontolo. Ary raha i Enoka (hitanareo?) no fahafito avy tamin'i Adama, dia taiza no nidiran'i Kaina? Satria ny Baiboly dia nilaza fa, ao amin'ny filazan-taranaka, hoe Adama dia niteraka ny zananilahy, Seta. Ary i Seta niteraka an'i Jareda, ary i Jareda niteraka an'i *Ranona-sy-ranona*, mitohy midina; ary tsy nisy fotoana iray izay mba nanononana an'i Kaina. Noho izany dia tsy mety ho zanak'i Adama izy. Noho izany dia tsy maintsy ho zanaky ny menarana izy, ary tsy afaka ny ho zanaka raha tsy misy firaisana. Amena! Raha tsy izany izy, dia teraka virijiny, amin'izay fotoana izay dia ho zanak'Andriamanitra izy. Tiako ny hahazoan'izy ireo an'izany indray mandeha.

³²⁷ Ankehitriny, ilay Andriamanitra iray ihany izay nanambara an'izany, no ilay Andriamanitra iray ihany izay niteny tamiko mikasika ny fanambadiana sy ny fisaraham-panambadianareo. Rehefa milaza an'ireo zavatra ireo Izy, ry Rahalahiko, Ranabaviko . . . Rahalahinareo aho, olona iray. Fa rehefa Izy no milaza an'izany, ary mamely ato izany, dia tsy afaka manazava an'izany aminareo aho. Tsy ilaina ny iezahako hanao an'izany, satria tsy afaka aho. Fa tsy mbola diso mihitsy izany na indray mandeha aza. Na dia, tsy afaka nahita an'izany mihitsy aza ny tenako, tsy afaka nahita an'izany aho, saingy mifikitra eo amin'izany fotsiny; ary amin'izay fotoana izay Izy no manomboka nanambara an'izany, avy eo fotsiny aho—mandavo ahy fotsiny izany. Teo mihitsy izany, fa tsy hitako. Ny—ny fianaranareo dia voadingana, ary voadingana ny fandanjalanjanareo, sy ny zavatra hafa rehetra; toy izany koa no nahavoadingana an'i Kaina.

Ankehitriny, raha nanana fotoana hiverenana eto amin'ny

Genesisy isika ary hanomboka hamaky. . . Ndao jerentsika raha afaka haka an'izany fotsiny aho ary hahita azy indray eto. Tsy fantatro marina na—na afaka aho na tsia. Rtoa. Wood, tsaroanao ve rehefa nasehoko anao izany indray andro? Inona fotsiny. . . Ny toko faha-5 ve izany? Ny faha-5, ah, hah. Eny ary.

Ity no bokin'ny taranak'i Adama. Tamin'ny andro izay namoronan'Andriamanitra ny olona, dia tahaka ny tarehin'Andriamanitra no namoronany. . . azy;

Lahy sy vavy no namoronany azy ireo; ary nitahy azy ireo, ka niantso ny anaran'izy ireo hoe Adama, tamin'ny andro izay namoronana azy ireo.

Ary Adama dia niaina taona zato iray sy telopolo taona, ka niteraka. . . zanakalahy—ka niteraka—niteraka zanakalahy araka ny tarehiny manokana, ary—ary araka ny endriny manokana; ary izy niantso ny anarany hoe. . . (Kaina ve? Ha-ha-ha-ha-ha! Iza no niantsoany ny anarany? Aiza—aiza àry ilay lahimatoa nanana ny fizokiana? Tsy nanonona azy mihitsy akory aza. Seta no zanany.)

³²⁸ Ankehitriny, tonga eto indray isika ary hitantsika hoe aiza no voalaza. . . Ary Eva dia nomena zanakalahy iray, satria novonoin'i Kaina i Abela. Mariho ankehitriny rehefa manohy isika. Adama sy ireo andro namorona. . .

Ary i Adama dia niaina ny telopolo amby zato taona—niaina ny telopolo amby zato taona, ka niteraka zanakalahy iray—niteraka zanakalahy iray tahaka ny tarehiny, araka ny endriny; ary niantso ny anarany hoe Seta:

Ary—ary ny andron'i Adama rehefa izy avy. . . niteraka an'i Seta dia valonjato sy. . . taona: ary izy dia niteraka zanakalahy sy zanakavavy:

Ary ny andro rehetra niainan'i Adama dia sivinjato sy—sy telopolo ary. . . taona: dia maty izy.

Ary Seta dia niaina iray. . . efa dimy amby zato taona, ka niteraka an'i Enosy. . . (Ary manohy midina mandra-pahatongan'izany, ary izy no fahafito, Enoka no fahafito hatramin'i Adama.)

Ankehitriny, tsy tsaroako marina hoe aiza ao amin'ny Lioka. Efa voamarikao koa ve izany, eo, Rtoa. Wood? Izaho sy izy. . . Nasehoko azy izany indray andro tany amin'ny. . . Ahoana hoe? [Miresaka amin-dRahalahy Branham i Ranabavy Wood—Mpand.] Mino aho fa marina ny anao, Ranabavy Wood. Nandray naoty an'izany izahay tao amin'ny bokiny, izay nisy anay, na, ny Baiboliny, izay nasehoko. Ity ilay izy, hia, ireo filazan-taranaka. Eny ary.

329 Ankehitriny, raha hahamarika isika eto . . . Ao amin'ny toko faha-3-n'ny Lioka dia manana an'ilay zavatra iray ihany isika. “. . . izay zanaka sy ny sisa . . . ary Noa, izay avy amin'i Lameka, izay zanak'i Metosela koa, izay zanak'i Enoka koa, izay zanak'i Jareda, izay zanak'i Mahalalila, izay zanak'i Kenana, izay zanak'i Enosy, izay zanak'i Seta, izay zanak'i Adama, izay zanak'Andriamanitra.” Taiza no nidiran'i Kaina? Aiza i Kaina, ilay lahimatoa? Azy ny fizokiana; avy taiza izy? Taranak'i Satana izy, fa tsy an'Andriamanitra. Tsy an'i Adama koa, satria ny anaran'ny zanak'i Adama dia—dia Seta. Kaina, taranaky ny menarana, namono ny zanany lahimatoa izay tandindona sy aloky ny menarana koa izay namono ny zanany iray hafa, Jesosy. Ary Seta no naka ny toerany tao amin'ny filazan-taranaka, izay midika hoe fitsanganana, mba hahatonga ny filazan-taranak'Andriamanitra hitohy tanteraka.

330 Te-hahita olona iray aho hametraka azy ato ankehitriny ka hilaza fa tsy izany no taranaky ny menarana. Tsy fantatra tao amin'ny filazan-taranak'Andriamanitra izany, na ny filazan-taranaky ny firazanan'olombelona koa, ny filazan-taranak'i Adama, ny sisa rehetra amin'izy ireo. Marina ve izany? Firy no mino an'izany, manaova hoe, “Amena.” [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Azo antoka. Tsy izany izy; taranaky ny menarana izy fa tsy taranak'i Adama!

331 Nilaza izy fa zanak'i Adama izany. Tsy zanak'i Adama izany. Hoy izy hoe, “Avy tamin'Andriamanitra no nahazoako an'izany.” Ary tsy maintsy nahazo izy, voa iray izany. Voa iray izany, saingy voan'ny menarana. Hitanareo?

332 Ary tsy maintsy niverina teo amin'ny virijiny iray Izy arak'izany mba hanadiovana an'io hetsika ara-nofy izay natao io. Napetraka teto an-tany i Adama, fa izy dia—tsy hitany mihitsy hoe tsy maintsy ho ray iray izy. Azonareo izay tiako lazaina. Fantatr'i Satana izany, tonga teo amin'i Eva izy talohan'ny nahatongavan'i Adama teo. Ary eo no mipetraka ilay zavatra manontolo amin'izao andro izao. Ary rahalahy, izany no manao ny fanambadiana sy ny fisaraham-panambadiana ary ny zavatra hafa rehetra ho korontana iray tahaka azy amin'izao andro izao. Mampalahelo indrindra izany. Hitanareo? Fa izaho. . . Efa nanao lalana iray Andriamanitra, izay isaorantsika.

333 Tianareo ve Izy? Tsy mahafinaritra ve Izy? Ankehitriny, marina ve ny taranaky ny menarana? Nieritreritra aho fa angamba olona iray eo amin'ny horonam-peo no. . . mety hieritreritra fa natahotra ny hanafika an'izany aho. Hitanareo? Noho izany dia hoy izy ireo hoe, “Nahoana, indroa izy no nandingana an'izany. Matahotra ny handray an'izany fotsiny izy.” Tsy matahotra an'izany isika. Raha mbola ao anatin'izany foana ny Tompo, dia mety tsara izany.

Mba fantatrareo moa? Araka ny nolazaiko, io voromahery izay nodinihiko tamin'io fotoana io, nahatsapa ny elany, fantatrareo. Nieritreritra aho hoe, “Tsy matahotra ahy ve ianao?” Napetrako teo ny basiko; hoy aho hoe, “Afaka mitifitra anao aho.” Fantany fa tsy afaka hitifitra azy aho; lavitra loatra an'io basy io aho. Hoy aho hoe, “Matahotra ve ianao?” Navandravandrany fotsiny ny masonry goavana dia nojereny aho. Nipetraka teo ny tamia kely iray nanao hoe, “Cha, cha, cha, cha, cha, cha; ho rovitiko potipotika ianao, rovitiko potipotika ianao!” Tsy niraharaha an'io tamia io izy, fa reraka nihaino azy izy. Noho izany afaka kelikely, dia nanao fitsambikinana goavana iray fotsiny izy, nandeha tahaka an'izao, ary namelatra ny elany fotsiny. Ary fantany hoe ahoana ny hampandehanana an'ireo elatra ireo, nanidina fotsiny nankany amin'ny tsy hita maso mihitsy. Hitanareo? Nahita azy lasa zavatra bitika kely tahaka an'izany fotsiny aho, pentina kely iray fotsiny.

³³⁴ Rahalahy Fred, mino aho fa efa nasehoko anao. Nahatazana an-dRahalahy Fred ery aoriana ery aho ankehitriny, rehefa nihorakoraka “Amena!” izy vao teo. Izaho—mino aho fa nasehoko anao io toerana tany io, ary Rahalahy Wood, na aiza na aiza misy anao, any amin'ny tendrombohitra any ambony any, izay nisehoan'izany. Nahita an'io voromahery io aho. Izaho . . . Noterena hidina izy tao anatin'io tafio-drivotra io, ary nitsangana tao ambadik'io hazo io aho.

³³⁵ Nihaza ombimanga aho (ary taty aoriana kely), ary tamin'ny Oktobra izany, ary ireo oram-panala sy ny sisa. Ity rahalahy eto ity dia tany tamin'ny fararano lasa niaraka taminay, Rahalahy John sy izy ireo, tany an-tampon'ny Corral Peak mihitsy no nisy an'izany.

³³⁶ Nitsangana teo aho, ary nitsangana tao ambadik'io hazo io. Nanoram-panala kely sy nanorana kely, ary nitsangana teo fotsiny aho. Nitsangana teo io voromahery io, ary noterena hidina izy. Nanidina teo izy, toa vorona lehibe, mankadiry goavana, voromahery iray goavana, volontany. Nipetraka teo ary nijery manodidina, nieritreritra aho hoe, “Eny . . .” Izaho—izaho dia nanana fo—fotoana tena tsara iray. Nihikiakia aho hoe, “Derao ny Tompo! Haleloia!” Nandeha nanodidina sy nanodidina ary nanodidina an'ilay kirihitra aho, nihikiakia tahaka an'izany. Nijery ny teny ambany aho; afaka nandre an'ilay alika dia antitra nivazavaza aho. Fantatrareo hoe ahoana no anombohan'izy ireo mivazavaza.

³³⁷ Tamin'ny taona lasa tany, rehefa . . . alohan'ny anombohan'ny orana mihitsy, dia manomboka mivazavaza izy ireo; amboadia kely izany, fantatrareo. Tiako fotsiny ny mandre azy ireo.

³³⁸ Avy eo dia nandre an'ilay ombimanga aho avy lavitra teo, ilay “Ohii hoo,” mitaraindraina. Ary eto dia mamaly azy

ny sakaizany. (Herinandro manaraka, herinandro aorian'ny manaraka, dia hihaza azy ireo aho, raha sitraky ny Tompo.) Koa noho izany, mandre an'izany any, oh, tena masina mihitsy ny any ambony any. Oh, izaho—izaho fotsiny. . . Izany no—izany no katedraliko any izay iresahako Aminy, ary avy eo dia midina eto ka miresaka aminareo. Hitanareo?

³³⁹ Ary any ambony any, oh, tena mahafinaritra izany, maka aina fotsiny. Mitsangana eo fotsiny, nieritreritra aho hoe, “Oh, Andriamanitra. . .” Nijery aho, avy eo dia tonga ny orana, ary nivaingana ireo maitso lalandava, ary nivelatra avy eo amin'io Corral Peak io ny avana iray ka hatrany amin'ny Sheep Mountain mihitsy, teo amin'*itsy* lalana itsy, miampita an'*itsy* lalana itsy. Dia nieritreritra aho hoe, “Oh, Andriamanitra, jereo ery. Amm,” nieritreritra aho hoe, “indro Ianao, Alfa sy Omega, ny Fiandohana sy ny Fiafarana. Indro midina izany ary eto, etsy. Ianao no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, ireo Taom-Piangonana Fito, ireo Fanaovan-jiro Volamena Fito. Eo Ianao izao, Andriamanitra, mahafinaritra toy ny ahoana Ianao.”

³⁴⁰ Ary nihiakiaka fotsiny aho, napetrako ny basiko; nandeha nanodidina an'ilay hazo aho nihorakoraka hoe, “Voninahitra ho an'Andriamanitra! Derao ny Tompo,” nanodidina sy nanodidina an'ilay hazo tahaka an'izany. Nanana fotoana goavana iray fotsiny aho tany izaho irery, izaho sy ny Tompo fotsiny, fantatrareo.

³⁴¹ Ary rehefa afaka kelikely dia nivoaka avy tao amin'io andiana kirihitra io ilay voromahery ary nijery ahy fotsiny. Nieritreritra aho hoe, “Eny, tsy tianao ve izany?” Hoy aho, “Ry tovolahy antitra, mivavaka amin'ilay Andriamanitra iray ihany izay nanao anao aho.” Hitanareo? Nanakimpikimpy fotsiny ny masony goavana be mivolontany izy ary nijery nanodidina ahy, ary izaho nihorakoraka tahaka an'izany.

³⁴² Vontsiran-kesika kely, antitra iray (ny olona rehetra hany mihaza eny an-tendrombohitra, izy no—izy no polisin'ny ala), ary nitsambikina teo izy (biby antitra kely iray, tsy goavana loatra mba hanao na inona na inona, fa oh, tabataba iray toy ny inona)—ary nitsambikina teo, nitsambikina ambony sy ambany, fantatrareo, “Yah, yah, yah, yah, yah, yah—yah, yah, yah, yah, yah, yah,” manohy tahaka an'izany fotsiny.

³⁴³ Ary nandinika azy io voromahery io; nijery ahy izy. Nieritreritra aho hoe, “Oadray, Tompo, eny, inona no Nampijanonanao ahy eo amin'ny zavatra iray tahaka an'izany?” Hitanareo? Hoy aho hoe, “Satria, Fantatrao, nanompo Anao aho. Tianao hahita zavatra amin'io voromahery io ve aho?” Hoy aho hoe, “Handinika azy aho, sa eo amin'ilay vontsiran-kesika ilay izy?” Nitsangana teo aho ary nandinika azy ireo; nieritreritra aho hoe, “Handinika azy kely fotsiny aho.” Hoy aho hoe, “Zavatra iray izay voamariko taminy, tsy natahotra

izy.” Tiako izany, tsy matahotra. Nitsangana teo izy, ilay vorona goavana be; hoy aho hoe, “Mba fantatrao moa?” (Nipetraka niankina tamin’ny hazo iray ny basiko.) Hoy aho hoe, “Fantatrao ve fa afaka hitifitra anao aho?” Nahafantatra tsaratsara kokoa noho izany izy; zavatra iray no fantany: tsy hanao an’izany aho; nidera azy loatra aho. Hitanareo? Nitsangana teo izy, tsy natahotra na kely aza.

³⁴⁴ Dia nieritreritra aho hoe, “Afaka mitifitra anao aho.” Ankehitriny, efa nahita azy aho; nijery ahy manodidina tahaka an’izao izy. Ary nanohy nanamboatra ny elany izy, fantatrareo, mankany aoriana. Fantatrareo hoe ahoana no anaovan’izy ireo tahaka an’izany, an’ireo elany, fantatrareo. Elatra goavana be saiky *izao* ny halavany, fantatrareo, ary vorona goavana iray izy. Nipetraka teo izy, dia nijery azy aho. (Efa ela be talohan’ny nahafantarako an’ireo zavatra ireo izany; izany dia taona sy taona lasa izay, angamba roapolo taona lasa izay.)

³⁴⁵ Ary nandinika azy aho. Afaka kelikely, dia hitako izy; nieritreritra aho hoe, “Inona izy—inona izy. . . Tsy matahotra izy, noho izany dia midera an’izany aho. Fa inona no tena masina mikasika an’io voromahery antitra io?” Nahita an’io vava lehibe, goavana, mifaingoka nivoaka tahaka an’izao, ary ireo maso goavana, nieritreritra aho hoe, “Ry tovolahy, tena vorona iray izy.”

³⁴⁶ Ankehitriny, tsy misy olona. . . Ny papango iray, raha nanandrana hanaraka azy izy, dia hiparitaka. Tsy misy na inona na inona afaka manaraka azy. Tsia, tsia! Mila fiaramanidina iray ny manao an’izany. Eny, tompoko! Tsy misy vorona afaka manaraka azy, noho izany, dia mandeha tena avo izy. Ary avy eo, manana maso izy; afaka mahita avy hatrany amin’ny tany koa izy, rehefa any ambony any, mahita lavitra.

³⁴⁷ Ankehitriny, Jehovah dia nampitaha an’ireo Mpaminaniny tamin’ny voromahery (hitanareo?); Izy no nanandratra azy ireo tahaka an’izany. Tsy maintsy namboarina manokana izy ireo. Ndao jerentsika. Voafidy mialoha, teraka ho an’izany tanjona izany (hitanareo?), asandratra tahaka an’izany. Ary avy eo ianareo. . . Inona no soa hiakaranareo any ambony any raha tsy afaka hahita an’izay misy anareo ianareo? Hitanareo? Inona no ilàna ny fiakaranana eny ambony eny raha tsy fantatrareo izay ataonareo? Hitanareo, hitanareo?

³⁴⁸ Inona no ilàna ny mitsambikina ambony sy ambany, mikiakiaka sy miteny amin’ny fiteny tsy fantatra, raha tsy fantatrareo hoe inona ny mikasika an’izany rehetra izany? Hitanareo, hitanareo? Tsy maintsy mahazo ianareo raha mbola any. Hitanareo?

³⁴⁹ Koa noho izany, dia nandinika azy aho, fantatrareo, raha nivezivezy teo izy. Nanohy aho. . . Nidera azy fotsiny aho; tena vorona tsara tarehy izy. Kanefa, hihinana ny sasany amin’ny

henan-dierako angamba izy sy ny zavatra izay izaho no... Nandinika azy aho, ary afaka kelikely dia nieritreritra aho hoe, “Fantatrao, inona—inona no...”

³⁵⁰ Afaka kelikely dia reraka izy. Tsy mihevitra aho fa reraka nijery ahy izy, fa mihevitra aho fa reraka nihaino an’io tamia kely nipetraka teo io izy. Fantatrareo, manana maro amin’izy ireny isika ao amin’ny toby amin’izao andro izao. Fantatrareo? Hitanareo? “Cha, cha, cha! Efa lasa ireo andron’ny fahagagana! Tsy misy izany karazana fanasitranana avy amin’Andriamanitra izany. Tsy manana an’ireo zavatra ireo intsony!” Hitanareo? Tamia antitra kely voafatotry ny tany izay mipetraka eo ambonin’io vodihazo io. “Tokony hikambana amin’ity ianareo. Izahay dia—izahay dia—izahay no...” Hitanareo? Mipetraka eo fotsiny mipentsompentsona mandroso sy miverina. Oh, nipararetra izy, nihetsiketsika tena mafy izy.

³⁵¹ Reraky ny nihaino an’izany izy, ka nanao fitsambikinana lehibe, goavana iray fotsiny izy, ary nanozongozona fotsiny an’ily rantsana izay nipetrahany, tahaka an’izao. Nihozongozona ilay rantsana, tahaka an’izao, ary nivoaka avy hatrany izy. Hitanareo, nanakopaka ny elany izy ary lasa avy teo amin’io hazo teo io fotsiny. Ary rehefa nanao izy, dia nahamarika azy aho. Hitanareo? Tsy natahotra izy, satria afaka nahatsapa ny fisian’ny elany nomen’Andriamanitra izy. Fantany fa afaka mitondra azy lavitra miala amin’ny karazana loza rehetra ireo elatra ireo. Hitanareo?

³⁵² Ary noho izany, tahaka an’izany no tiantika ho tsapa. Ity no Teny, ary ilay Anankiray izay nanoratra ny Teny no Elatro. Tsy matahotra ny Teny aho; Izany no hitondra anareo hitety mihitsy ny karazana olana rehetra izay misy. Izany dia Sabatra iray izay handrantsana ny Lâlany avy hatrany. Aza manahy mikasika an’izany mihitsy ianareo. Hitanareo?

³⁵³ Nahamarika azy aho tamin’izay. Tsy nitsambikina izy, novelariny fotsiny ny elany. Hitanareo? Ary izany, isaky ny miditra ny rivotra, dia miakatra fotsiny izy, miakatra ambony kokoa sy ambony kokoa.

Nitsangana teo aho, ary nanakombona ny sandriko, ka nijery azy mandra-pahatonga azy ho teboka kely iray ka zara aho raha nahita azy intsony. Dia nieritreritra aho hoe, “Andriamanitra, izay ilay izy.” Ilay izy tsy hoe mihazakazaka mikambana amin’ity, sy mihazakazaka mikambana amin’ity, ary manao an’ity, ity, na ny hafa; ilay izy dia mamelatra fotsiny ny elatrareo (hitanareo?); mahafantatra hoe ahoana no hamelarana ny elatry ny finoanareo ao amin’ny Tenin’Andriamanitra, ary misosa lavitra miala amin’ity fahadalan’ny pentsompentsona-pentsompentsona eto sy pentsompentsona-pentsompentsona etsy io. Hia! “Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa Ny Teniko tsy ho diso mihitsy.”

³⁵⁴ Ankehitriny, manana eo amin'ny roapolo aminareo indray aho amin'ity tolakandro ity. Ankehitriny, ianareo izay eo . . . izay eo amin'ireo fifampiresahana amin'ity tolakandro ity, nahoana, jereo i Billy, satria heveriko fa hiezaka ny hanomboka aloha kely fotsiny izy ireo mba hampidirako azy rehetra. Raha vitako, dia tiako ny hahazo ny tsirairay avy amin'izy ireo izay azoko alaina. Ary nanao an'izany aho, tsy satria . . . Tsy nahafantatra an'izao i Billy, hitanareo, fa tena torotoro ny saiko taorian'ireo fahitana teo amin'ny roapolo tao anatin'ny tao aninkeo maraina, hitanareo, hany ilay izy . . . na inona na inona izany. Izany dia somary mametraka anareo ao anatin'ny . . . Ary hoy i Billy hoe, "Nahoana ianao no tsy mivoaka ka maka kely . . . Maka aina, mivoaka, ary mamaly ny sasany amin'ireo fanontaniana eo ireo."

Dia hoy aho hoe, "Manana ny hafany i Rahalahy Neville."

Hoy izy, "Handeha hiteny aminy aho." Nandeha izy.

Hoy Rahalahy Neville hoe, "Mandrosoa!" Koa noho izany, dia nitsangana aho ka tonga teto. Ary miandry ho an'ity tolakandro ity ny sasany amin'izy ireo. Miala tsiny aho nihazona anareo teto hatramin'ny iray ora, fa izaho dia ho . . . ataoko fa tsy maintsy miainga aho afakampitso, noho izany mba hiverina any Arizona indray.

³⁵⁵ Tsarovy, raha sitraky ny Tompo, amin'ny fotoana manaraka izay hiverenako, dia te-hitory aho eo amin'ny, aminareo, mikasika ny . . . haneho aminareo ao amin'ny Soratra ny fahamarinan'ny fanambadiana sy ny fisaraham-panambadiana. Izany . . . Ary ankehitriny . . . Ary noho izany, dia avelao fotsiny ilay izy . . . Hametraka an'izany arak'izay maha-izy azy marina tokoa, amin'izay fotoana izay dia hahita ianareo manomboka eo. Koa mandra-pahatongan'izany fotoana izany, dia mahereza tsara; ny Tompo anie hitahy anareo tena betsaka. Afaka mitsangana ve isika? [Maminany ny anabavy iray. Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Derao ny Tompo.

Tiako Izy, tiako Izy, (Tia ve ianareo?)

Satria nitia ahy mialoha Izy,

Ka nividy ny famonjeko

Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

³⁵⁶ Tianareo ve Izy? Ankehitriny, ndao isika hifandray tàmàna, raha mbola mihira indray isika.

Tiako Izy, tiako Izy,

Satria nitia ahy mialoha Izy,

Ka nividy ny famonjeko

Teo amin'ny hazon'i Kalvary.


³⁵⁷ Oh, tsy mahafinaritra ve izany? Oh, oadray! Tian'i Billy aho hilaza, fa aorian'ny tso-drano, dia manana teny iray holazaina aminareo olona eto izay mila an'ireo fifampiresahana manokana izy. Hitanareo? Te-hihaona aminareo izy afaka minitra vitsy fotsiny. Saingy tsapako izao ankehitriny izao, fotoana iray an'ny

fanompoana fotsiny. Ireto . . . Tsy tianareo ve ny hanompo Azy amin'ny Fanahy? Ah-hah.

Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

³⁵⁸ Oh tsy mahafinaritra ve izany? Oh, izaho—tiako Izy. Ao ampoko no itiavako Azy, raha fantatro ny foko. Mino aho fa tia koa ianareo. Noho izany isika miaraka dia Zanany. Mifankatia isika. Ankehitriny, tsy afaka ho tia Azy aho raha tsy tia anareo. Ary raha milaza aho fa tia Azy nefa tsy tia anareo, dia nilaza ny Baiboly fa mpandainga aho. Hitanareo? Ary raha izaho . . . Raha tianareo ny—raha tianareo ny ho tia ahy na ho tia ny fianakaviako . . . Ilay safidy dia, izay tiako hataonareo, ho tia ahy sa ho tia ny fianakaviako; dia tiavo ny fianakaviako. Aleoko ianareo ho tia an'i Billy Paul toy izay ho tia ahy. Raha tonga amin'izany karazana fampisehoan-kery iray izany ilay izy, dia aleoko ianareo hanao an'izany. Tiako ianareo hihaino ahy, satria tsy mpitoriteny iray i Billy. Fa tiako ianareo hihaino ahy, izay teneniko aminareo; fa rehefa . . . raha te-hitia olona iray ianareo, tia azy ireo marina tokoa, hoy ianareo hoe, “Te-hitia anao aho na i Billy,” dia tiavo i Billy. Hitanareo? Tahaka an'izany koa no tsapan'Andriamanitra mikasika antsika. Ary isika tsy afaka . . . Avy eo dia fantatro fa tsy afaka ho tia an'i Billy ianareo raha tsy tia ahy, satria ampahako izy. Hitanareo? Noho izany dia tsy afaka ho tia an'Andriamanitra aho raha tsy tia anareo, satria ampahan'Andriamanitra ianareo. Ary mifankatia isika. Oh, heveriko fa tena mahafinaritra izany. Tsy mihevitra ve ianareo fa zavatra tsara tarehy ireo hira rehefa avy manana an'ireto isika, mamaly an'ireto zavatra ireto, izay nametraka antsika tao anatin'ny korontana iray? Ahm, ahm, oh tena misy.

Tiako Izy, tiako Izy,
Satria nitia ahy mialoha Izy,
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

Oh, ho tonga avy any atsinanana izy ireo sy . . . 

64-0830M Fanontaniana Sy Valiny #3
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-
printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy
misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy
Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy
lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba
nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho
fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny
Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo
raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org